**UNIVERSITE D'ANTANANARIVO**
**ECOLE NORMALE SUPERIEURE**

**DEPARTEMENT DE LA FORMATION INITIALE**
**C.E.R. LANGUE ET LETTRES MALGACHES**

**MEMOIRE DE CAPEN**

présenté par

**Samuel RANDRIAMANAMPISOA**

# FAMPIANARANA RIBA : NY FAHALIANANA SY NY FANDRAISANA ANJARAN'NY MPIANATRA AO AMIN'NY KILASY FAMARANANA

Directeur de recherche :
**Alphonse RAHARIJAONA**
Maître de conférences

**ANTANANARIVO**
**2006**

**UNIVERSITE D'ANTANANARIVO**
**ECOLE NORMALE SUPERIEURE**

**DEPARTEMENT DE LA FORMATION INITIALE**
**C.E.R. LANGUE ET LETTRES MALGACHES**

**MEMOIRE DE CAPEN**

présenté par

**Samuel RANDRIAMANAMPISOA**

# FAMPIANARANA RIBA : NY FAHALIANANA SY NY FANDRAISANA ANJARAN'NY MPIANATRA AO AMIN'NY KILASY FAMARANANA

Directeur de recherche :
**Alphonse RAHARIJAONA**
Maître de conférences

**Date de Soutenance : 30 Novembre 2006**

**ANTANANARIVO**
**2006**

## Teny fisaorana

Izao asa fikarohana izao no tontosa, dia tsy noho ny herin'ny tenanay samirery akory fa tao ireo olona samihafa mifanao soroka miara-milanja sy tongotra miara-mamindra taminay.

Tolorana fisaorana feno Andriamatoa ANDRIAMANATSILAVO Seth izay nanaiky tamin-kitsim-po ho filoha mpitarika ny fanohanana ampahibemaso ataonay. Fantatray tokoa ny zara adidy sy andraikitra sahaninao, nefa tsy nataonao ho zavatra kely ny fandraisana andraikitra teo amin'ny asanay. Koa ny andon'ny lanitra sy ny tsiron'ny tany anie hirotsaka aminao sy ny ankohonanao.

Mankasitraka an-dRamatoa RATIARAY Suzette Malalatiana nandray tam-pitiavana ny asanay ary niantsoroka ny fitsarana azy. Fantatray tokoa ny fahalalana sy ny fahendrena anananao, ka nanoro ny madilana hotentenina ianao mba hahatsara ny asanay. Andriamanitra tompon'ny fahasoavana anie hanafy hery anao hatrany eo am-panatontosana ny adidy maro atrehinao.

Singanina manokana ny fankasitrahana tanteraka an'Andriamatoa RAHARIJAONA Alphonse izay nitarika anay tamin'izao asa izao. Tsy niafina taminay ny asa aman'andraikitra maro sahaninao, nefa tsy nataonao ho ambanin-javatra ny fanaraha-maso ny asanay sy ny fitarihana anay tamin'izany. Navesa-danja tokoa ny fanoloran-kevitra sy ny fanatsarana nataonao mba hahatomombana ny asanay. Sitraka sy telina izay rehetra vitanao. Ho lava andro iainana anie ianao, hisondro-boninahitra hatrany, hiadana mandrakariva eo anivon'ny vady aman-janaka sy ny zafikely.

Fisaorana feno ihany koa no ampitanay ho an'ireo mpampianatra rehetra ato amin'ny Sampana Teny Malagasy. « Ny hazo no vanon-ko lakana, ny tany naniriany no tsara ». Sitraka enti-matory izay vitanareo ka hovaliana raha mahatsiaro.

Misaotra ihany koa ireo tompon'andraikitra rehetra eto amin'ny sekoly izay tarihin'ny talen-tsekoly.

Isaorana koa ny andiany « MATEZA », mpiara-mianatra izay niara-niriaria taminay nandritra ny taom-piofanana teto amin'ny sekoly, ary tsy nitsahatra nifanohana nandritra izay fotoana lava izay.

Misaotra ny namana sy tapaka rehetra tamin'ny fanampiana anay tamin'izao asa izao, indrindra fa ny tale sy ny mpampianatra nandray anay tamin'ny atrikasa tany an-tsekoly.

Farany fa tsy ny kely indrindra dia manolotra fisaorana feno sy mitafotafo ho an’ny vady aman-janakay izahay izay tsy nitandro hasasarana tamin’ny fikarakarana sy ny fanohanana teo amin’ny lafiny maro tsy tambo isaina, ary nivavaka tsy tapaka ho anay.

Atambatra ny fisaorana ho an’izay rehetra tsy voatanisa nefa nanampy anay tamin’izao asa izao, na an-kolaka na mivantana. Misaotra Tompoko.

RANDRIAMANAMPISOA Samuel

# FANAFOHEZAN-TENY

F : Fanontaniana

L.A : Lycée Ambohimahasoa

L.F.B.A. : Lycée FJKM Benjamin Escande Ambositra

L : Lahy

M.M.F : Mpianatra Manampy Fanazavana

M.M.T : Mpianatra Mamerin-Taona

M.N.F : Mpianatra Nanao Fanontaniana

M.N.H : Mpianatra Nanolotra Hevitra

M.T.T : Mpianatra Tsy mamerin-Taona

P : Page

V : Vavy

Vn : Valiny

T : Totaliny

T1…T6 Tarika 1$^{er}$…Tarika 6$^{ème}$

# FANONDROAN-TAKILA


Teny fampidirana……………………………………………………………………….. 1
0.1. Olana fototra………………………………………………………………………… 1
0.2. Antony nisafidianana ny lohateny……………………………………………….. 1
0.3. Antony nisafidianana ny kilasy famaranana………………………………………… 2
0.4. Ny lalan-tsaim-pikarohana………………………………………………………….. 2
0.5. Petra-kevitra amin'ny asa fikarohana………………………………………………. 3
0.6. Ireo asa fikarohana efa nisy nanao……………………………………………….. 3
0.7. Fomba nanantanterahana ny asa………………………………………………….. 4
0.8. Olana tamin'ny fanatanterahana………………………………………………….. 5
0.9. Ireo lafin-javatra hitondrana famelabelarana…………………………………….. 5

**FIZARANA VOALOHANY : LAMIN-KEVITRA PEDAGOJIKA ENTINA MANATANTERAKA FAMPIANARANA** 6

**1.1.Ny fandaharam-pianarana (1996)** ………………………………………………… 7
1.1.1. Inona moa ny fandaharam-pianarana…………………………………………. 7
1.1.2. Ny tanjona ankapoben'ny fandaharam-pianarana …………………………… 7
1.1.3. Ireo lohahevitra momba ny riba ho an'ny kilasy famaranana araka ny fandaharam-pianarana………………………………………………………………. 8
1.1.3.1. Ny tsangan-kevitra…………………………………………………….. 8
1.1.3.2. Ny finoana……………………………………………………………….. 8
1.1.3.3. Fanamarihana…………………………………………………………. 9
**1.2. Ny telozoron'ny haifampianarana**…………………………………………… 9
1.2.1. Ny fifandraisana apetraky ny lafy telon'ny telozoron'ny haifampianarana 11
1.2.2. Famolahana ny fahalalana…………………………………………………. 11
1.2.3. Fampitana ny fahalalana amin'ny mpianatra…………………………………. 12
1.2.4. Ny fianarana/fifandraisana fahalalana……………………………………… 12
**1.3. Ny tanjona amin'ny lesona iray**………………………………………………….. 14
**1.4. Ny tombana amin'ny fampianarana**……………………………………………… 15
**1.5. Ny fomba fampianarana mampandray anjara ny mpianatra**………………….. 16
**1.6. Ny asa fampianarana**…………………………………………………………… 19
**1.7. Ny serasera eo amin'ny fampianarana**…………………………………………… 21
1.7.1. Fanoritsoritana ny serasera amin'ny ankapobeny………………………….. 21
1.7.2.Ny serasera fitaovana fototra amin'ny fampianarana………………………. 22
1.7.3. Fepetra mampahomby ny serasera eo amin'ny fampianarana………………… 23

**FIZARANA FAHAROA FANADIHADIANA NY FAMPIANARANA RIBA HITA TAO AMIN'NY L.A SY TAO AMIN'NY L.F.B.A** 24

**2.1. Fizotry ny fampianarana tao amin'ny L.A sy L.F.B.A**………………………….. 25
2.1.1. Fizotry ny fampianarana tarafina amin'ny telozoron'ny haifampianarana 25
2.1.2. Fandravonana ny dingana nanatanterahana ny lesona……………………… 29
2.1.3. Ny fitaovana nampiasain'ny mpampianatra tao amin'ny L.A sy ny L.F.B.A 29
**2.2. Fanadihadiana aompana amin'ny asa fampianarana araka ny fiheveran'i de LANDSHEERE**……………………………………………………………….. 31
**2.3. Fanadihadiana aompana amin'ny serasera**……………………………………… 32
2.3.1. Fanamarihana momba ny fandraisana sy tsy fandraisan'ny mpianatra anjara 33
2.3.2. Fandrafetana antontan'isa sy kisary momba ny fandraisana anjaran'ny mpianatra……………………………………………………………………. 33

**2.4. Fanadihadiana aompana amin'ny tombana**……………………………………… 34
2.4.1. Endriky ny fanadinana telovolana voalohany tao amin'ny L.A………………. 35
2.4.2. Vokatra sy tsoa-kevitra tamin'ny fanadinana nataon'ny mpianatra………….. 35
2.4.3. Ny tombana nataon'ny mpampianatra tao amin'ny L.F.B.A………………….. 36
2.4.4. Endriky ny fanadinana telovolana faharoa tao amin'ny L.F.B.A…………….. 37
**2.5. Fanadihadiana aompana amin'ny vontoatin-desona**……………………………. 38
**2.6. Tsoa-kevitra ankapobeny tamin'ny fomba fampianarana hita tao amin'ny L.A sy ny L.F.B.A**……………………………………………………………………. 38
2.6.1. Ny lafin-javatra hita fa mety …………………………………………………. 38
2.6.2. Ny lafin-javatra hita fa mila fanarenana………………………………………. 39

**FIZARANA FAHATELO : SOSO-KEVITRA FAMPIANARANA RIBA : NY FAHALIANANA SY NY FANDRAISANA ANJARAN'NY MPIANATRA AO AMIN'NY KILASY FAMARANANA** 41
**3.1. Fanoritsoritana amin'ny ankapobeny ny fahalianana**………………………… 42
**3.2 Paika enti-manatanteraka ny fampianarana ny riba mahaliana** 43
3.2.1. Ny fandraisana anjaran'ny mpianatra sy ny fahalianana……………………… 43
3.2.2. Ny fandrisika…………………………………………………………………. 43
3.2.3. Ny fitaovana mahaliana………………………………………………………. 46
3.2.3.1. Lafiny ara-piarahamonina…………………………………………….. 47
3.2.3.2. Lafiny ara-pinoana……………………………………………………. 48
3.2.3.3. Lafiny ara-toe-karena…………………………………………………. 49
3.2.3.4. Lafiny ara-pitondrana (pôlitika) ……………………………………… 50
3.2.4. Ny vontoatin-desona mahaliana……………………………………………… 51
3.2.5. Fomba fampitam-pahalalana mahaliana………………………………………. 61
3.2.5.1. Soso-kevitra hanatsarana ny fomba fampianarana hita tao amin'ny L.A sy ny L.F.B.A………………………………………………………… 61
3.2.5.2. Ny paika mampanangon-kevitra ny mpianatra…………………….…. 63
**3.3. Fampiharana : ny fahalianana sy ny fandraisana anjaran'ny mpianatra** 66
3.3.1. Fampahatsiahivana ny seha-piainana idiran'ny lohahevitra ampianarina (Fanahy-Vintana) ………………………………………………………….. 66
3.3.2. Ny tanjona napetraka hotratrarina…………………………………………….. 68
3.3.3. Fizotry ny fampianarana tarafina amin'ny telozoron'ny haifampianarana 69
3.3.3.1. Seho voalohany (angon-kevitra amin'ny tsirairay) …………………… 69
3.3.3.2. Seho faharoa (angon-kevitra amin'ny tarika) ………………………… 71
3.3.4. Fanatanterahana fampianarana mivantana……………………………………. 72
3.3.4.1. Fampianarana miainga amin'ny angon-kevitry ny tsirairay………….. 73
3.3.4.2. Fampianarana miainga amin'ny angon-kevitry ny tarika…………….. 87
**3.4. Famahavahana ny fampianarana riba miompana amin'ny fahalianana sy ny fandraisan'ny mpianatra anjara**………………………………………………… 97
3.4.1 Famahavahana aompana amin'ny asa fampianarana………………………….. 97
3.4.2 Famahavahana aompana amin'ny serasera……………………………………. 99
3.4.3 Famahavahana aompana amin'ny tombana…………………………………… 100
3.4.4 Famahavahana aompana amin'ny vontoatin-desona………………………….. 101
**FAMARANANA ANKAPOBENY**……………………………………………….. 103
**RESUME**………………………………………………………………………… 107
**TONDRO BOKY**………………………………………………………………….. 108
**TOVANA**………………………………………………………………………… 110

# FANONDROANA KISARY

Kisary 1 : Ny telozoron'ny haifampianarana………………………………………… 11
Kisary 2 : Ny fisehon'ny serasera……………………………………………………. 21
Kisary 3 : Ny tahan'ny fandraisana anjaran'ny mpianatra……………………………… 34
Kisary 4 : Ny tahan'ny fandraisana anjaran'ny mpianatra tamin'ny lesona « ny fanahy » Seho I………………………………………………………… 102
Kisary 5 : Ny tahan'ny fandraisana anjaran'ny mpianatra tamin'ny lesona « ny vintana » Seho I………………………………………………………… 102
Kisary 6 : Ny tahan'ny fandraisana anjaran'ny mpianatra tamin'ny lesona « ny fanahy » Seho II……………………………………………………….. 102
Kisary 7 : Ny tahan'ny fandraisana anjaran'ny mpianatra tamin'ny lesona « ny vintana » Seho II………………………………………………………. 102

## FANONDROANA FAFANA

Fafana 1 : Ny karazan-tanjona amin'ny lesona iray………………………………… 14
Fafana 2 : Ny karazan-tombana eo amin'ny fampianarana…………………………. 16
Fafana 3 : Ny karazam-paika azo ampiasaina………………………………………. 18
Fafana 4 : Ny asa atao rehefa mampianatra……………………………………….. 20
Fafana 5 : Ny famolahan'ny mpampianatra ny fahalalana ambony ananany……….. 26
Fafana 6 : Ny tetika amam-paika nentin'ny mpampianatra nampita fahalalana…….. 27
Fafana 7 : Ny fomba nentin'ny mpianatra nianatra………………………………….. 28
Fafana 8 : Ny dingana lasitra nentina nijery fampianarana………………………….. 29
Fafana 9 : Ny zava-misy araka ny asa fampianarana……………………………... 31
Fafana 10 : Ny fampifandraisana ny fampianarana amin'ny tantara an-tsehatra sy ny serasera……………………………………………………………….. 32
Fafana 11 : Ny isan'ny mpianatra atao amin'ireo sekoly notsidihina……………….. 33
Fafana 12 : Ny antontan'isa momba ny fandraisan'ny mpianatra anjara……………. 34
Fafana 13 : Ny tombana natao…………………………………………………….. 34
Fafana 14 : Fanasokajiana ny isa azon'ny mpianatra tao amin'ny L.A. …………….. 35
Fafana 15 : Fanasokajiana ny isa azon'ny mpianatra tao amin'ny L.F.B.A…………. 37
Fafana 16 : Ny marina…………………………………………………………….. 52
Fafana 17 : Ny rariny……………………………………………………………… 52
Fafana 18 : Ny hitsiny…………………………………………………………….. 53
Fafana 19 : Ny fanahy…………………………………………………………….. 53
Fafana 20 : Ny tsiny………………………………………………………………. 55
Fafana 21 : Ny tody……………………………………………………………….. 56
Fafana 22 : Ny anjara……………………………………………………………… 57
Fafana 23 : Ny lahatra…………………………………………………………….. 57
Fafana 24 : Ny vintana…………………………………………………………….. 58
Fafana 25 : Andriamanitra…………………………………………………………… 59
Fafana 26 : Ny razana…………………………………………………………….. 60
Fafana 27 : Ny dingana eo amin'ny fandrafetana lesona……………………………. 63
Fafana 28 : Ny andininindiny amin'ny fampianaran miainga amin'ny angon-kevitra 64
Fafana 29 : Ny fizotry ny asa isan-tarika…………………………………………….. 65
Fafana 30 : Ny seha-piainana idiran'ireo lohahevitra nampianarina………………… 67
Fafana 31 : Ny tanjona amin'ireo fampianarana natao………………………………. 68
Fafana 32 : Ny famolaham-pahalalana………………………………………………. 70
Fafana 33 : Ny paika enti-mampita fahalalana………………………………………. 71
Fafana 34 : Ny paika enti-mandray fahalalana………………………………………. 71
Fafana 35 : Ny fifandraisana iavahan'ny fampianarana natao ………………………. 72
Fafana 36 : Fnadihadiana ny lesona araka ny asa fampianarana…………………….. 98
Fafana 37 : Fanadihadiana nylesona ara-tserasera…………………………………… 99
Fafana 39 : Ny tahan'ny fandraisana anjaran'ny mpianatra tamin'ny lesona momba ny fanahy sy ny vintana………………………………………………… 101

# TENY FAMPIDIRANA

Mitana anjara toerana lehibe amin'ny fampandrosoana ny firenena iray ny fampianarana ny vahoaka ao aminy. Ny fampiharana ny fahalalana azo avy amin'ny fianarana natao teo amin'ny asa sy ny andraikitra sahanina no antoka amin'ny fampandrosoana tian-kizorana.

Tsy latsa-danja amin'ireo taranja maro ianarana any an-tsekoly ny taranja Malagasy fa manana koa ny anjara toerany amin'ny fampandrosoana ny fiainam-pirenena. Singanina manokana amin'izany, ohatra, ny zana-taranja RIBA izay maneho endri-piainana manavaka ny olombelona amin'ny zava-manana aina hafa, satria maneho ny fivoaram-piainany noho ny fisian'ny hetsika sy fisainana amam-pamoronana ao aminy. Miharihary anefa ankehitriny ny fisian'ny olana noho ny fidiran'ny riba vahiny sy ny endriky ny fampianarana riba ataon'ny mpampianatra sasany tsy dia mahomby loatra.

## 0.1. Olana fototra

Ny resadresaka nifanaovana tamina mpampianatra taranja Malagasy sy mpianatra maromaro tamin'ny toerana samihafa dia nahatsapana fa tsy mahaliana ny mpianatra loatra io taranja io, indrindra fa ny zana-taranja riba. Misy akony lehibe eo amin'ny kolontsaim-pirenena izany. Mihalefy, ohatra, ny fatahoran'ny Malagasy ny tsiny sy ny tody ; toa mila tsy ho hita intsony koa ny fandalana ny marina sy ny rariny ary ny hitsiny… Misy indray anefa ny mifanohitra amin'izany, satria misy amin'ireny fomba amam-piheverana ireny no tena hita fa tsy azo tazonina intsony amin'izao vanim-potoana izao. Toy izany, ohatra, ny fanapempoana ny vehivavy, ka iheverana azy ireo ho tsinontsinona toy izay fahita amin'ny faritra sasany eto amin'ny Nosy.

Tsy tena mitondra ny mpianatra amin'ny famahavahana amin'ny antsipiriany ireny singan-driba ireny ny fampianarana riba ataon'ny mpampianatra maro. Toa mihinana amam-bolony fotsiny ny taranaka malagasy, hany ka tsy mahay manavaka ny tsara tokony hofikirina sy ny efa ilaozan'ny toetr'andro ka tokony hovana na hialana.

## 0.2. Antony nisafidianana ny lohateny

Manana ny lanjany eo amin'ny fiainam-piarahamonina ny riba. Mifaningo-paka sy mifandray tendro tanteraka amin'ny fampandrosoana mantsy izy. Ny finoana

an'Andriamanitra sy ny razana, ny fandalana ny marina sy ny rariny ary ny hitsiny, ohatra, dia mampilamina ny fiaraha-monina, ka afaka mamokatra amin-kalalahana ny tsirairay.

Rariny raha mahazo vahana any an-tsekoly ny fampianarana azy. Ary tsy hoe ampianarina fotsiny fa ampianarina mba hiainana sy hankafizina ary hiteraka toe-tsaina tia mandanjalanja eo amin'ny mpianatra. Noho izany, tokony hisy ezaka ataon'ny mpampianatra taranja Malagasy hikaroka fomba fampianarana riba mahaliana ny mpianatra. Ny fahalianana dia mira zotra mandrakariva amin'ny fankafizana sy fankamamiana, ary fandantsahana am-po sy fandraiketana an-tsaina izay mahaliana rehetra ireto roa farany. Ny zavatra voarakitraam-po sy an-tsaina no mivadika ho fahalalana sy fahaiza-manao ary fahaiza-miaina. Ny toy izany indrindra no tanjona tokony hapetraka amin'ny fampianarana izay atao.

**0.3. Antony nisafidianana ny kilasy famaranana**

Nisafidy ny kilasy famaranana izahay tamin'ny fanaovana atrika asa tamin'ity lohahevitra ity, satria heverinay fa hanampy be dia be ny mpianatra amin'ny hiatrehany ny fanadinana bakalôrea ny vokatra ho azony amin'ity fomba fampianarana ity. Manomana amin'ny lafin-javatra maro izy ity :

- amin'ny fahaizana manohana hevitra sy mandresy lahatra,
- amin'ny fahaizana mandrindra sy manazava hevitra,
- amin'ny fahaiza-mifantina sy manangon-kevitra
- amin'ny fahaiza-mitsikera hevitr'olona sy fahaiza-mandravon-kevitra.

**0.4. Ny lalan-tsaim-pikarohana**

Ny asa fikarohana momba ny fampianarana dia mitaky lalan-tsaina mifanentana amin'izany. Tsy lalan-tsaina vitsivitsy no hampiarahina. Anisan'izany ny fomba fijery mifototra amin'ny fampitahana : paikam-pampianarana samihafa no hoentina mampandray anjara ny mpianatra, ka tsy maintsy atao ny fampitahana azy ireo.

Hampiasaina koa ny fomba fijery miainga amin'ny ankapoben-javatra mankany amin'ny antsipiriany : ny fanolorana fomba fampianarana mahaliana dia ialohavana famahavahana ny fandaharam-pianarana sy ny lamin-kevitra ara-haifampianarana ifotoran'izany.

Farany dia mbola hampiasaina koa ny fomba fijery ara-psikôpedagôzia noho ny asa mifototra betsaka amin'ny fampianarana sy ny fomba fampitam-pahalalana amin'ny mpianatra : ny fampivelarana ny saina amam-panahin'ny mpianatra dia mitaky fomba fampianarana mahomby ahafahana manatanteraka izany toy ny fisian'ny rivo-pifaliana ao an-dakilasy mandritra ny lesona.

## 0.5. Petra-kevitra

Roa ny petra-kevitra iaingana amin'izao asa fikarohana izao.

- ***Petra-kevitra*** $_1$

Ny fanazarana ny mpianatra hahay hamakafaka sy hanadihady fomba amam-panao sy fomba amam-piheverana no hahatonga azy hanana toe-tsaina tia mandanjalanja, ka tsy hanohitra bontolo na hanara-drian-drano avy hatrany azy ireny.

- ***Petra-kevitra*** $_2$

Ny fandraisana anjaran'ny mpianatra mandritra ny lesona, dia hitarika fahalianana ao aminy ka hahatonga azy hilozoka amin'ny fanadihadiana sy famakafakana amin'ny antsipiriany ny singan-driba ianarana.

## 0.6. Ireo asa fikarohana efa nisy nanao

Maro ireo efa nanolo-tena nanao asa fikarohana momba ny fampianarana riba ao amin'ny kilasy famaranana. Tsy ho voatanisa eto avokoa akory ny asa fikarohana novokarin'izy ireo, kanefa na izany aza dia hatolotra eto ihany ny sasantsasany amin'izany.

RABARISON Holiarisoa, ***Andrana fanatsarana ny fampianarana Riba miatrika ny vaninandro ankehitriny : ambaratonga faharoa dingana faharoa***, CAPEN 2003. Nikaroka momba ny fandrindrana ny fampianarana amin'ny zava-misy mba hahazoana manefy ny mpianatra ho tia sy hikolo ny maha-Malagasy. Nampiasa paikam-pampianarana mampandray anjara ny mpianatra izy. Tanterahina amin'ny fanaovana fanontaniana entina mamakafaka ny lohahevitra dinihina.

RATELOLAHY, ***Fomba fampianarana ny teny malagasy miainga amin'ny angano ao amin'ny taona faharoa ambin'ny folo,*** CAPEN 1992. Ny famahavahana ny angano no entina mitaratra ny fomba amam-panao sy fomba amam-piheverena teo

amin'ny Malagasy ary nanatsoahana fehin-kevitra momba izany. Paikam-pampianarana mampandray anjara ny mpianatra ihany koa no nampiasainy. Tarihina amin'ny alalan'ny fanaovana fanontaniana ny mpianatra hiara-kanadihady sy hiara-kanao sinton-kevitra avy amin'ny famakafakana natao.

RABARISON Holiarisoa Valisoa Sitraka, ***Fampianarana teny ibeazana sy kolontsaina malagasy mifototra amin'ny mahaliana,*** CAPEN 2004. Nanoritsoritra ny fandaharam-pianarana mahaliana, ny asan'ny mpampianatra mba hahatonga ny fampianarana hahaliana ary ny asan'ny mpianatra miteraka fahalianana ny mpikaroka.

Sanatria tsy fiheverena hisongona azy ireo no hataonay fa fanatevenana ny vitan'izy ireo mba ho fanatsarana hatrany ny fampianarana sy ny fanabeazana. Ny hany mampiavaka kely ny asa fikarohana ataonay dia noho izy afototra betsaka amin'ny fanomezana fahalianana ny mpianatra mandritra ny lesona, na eo amin'ny paikam-pampitan-desona, na eo amin'ny vontoatiny.

**0.7. Fomba nanatanterahana ny asa**

Dingana maromaro no nizorana ka nahazoana nanatanteraka ny asa fikarohana. « *Tondro tokana tsy mahazo hao* », hoy ny ohabolan-drazantsika. Noho izany, dia nisy resadresaka nifanaovana tamina mpampianatra taranja Malagasy tao Ambohimahasoa tamin'ny volana janoary 2006 sy tao Ambositra tamin'ny volana aprily 2006. Naompana tamin'ny fomba fijerin'izy ireo ny taranja Malagasy sy ny fampianarana azy ny resadresaka, indrindra fa ny zana-taranja riba.

Eo koa ny hoe « *ny hevitry ny maro mahataka-davitra, fa ny hevitry ny vitsy manodidina ny fatana* ». Noho izany, dia nisy ny fanatonana tranom-boky tao amin'ny U.E.R.P Ampefiloha Antananarivo, tao amin'ny Fikambanana kolotoraly malagasy sy frantsay Ambositra, tao amin'ny CLAC Ambohimahasoa.

Ankoatra izany, dia nisy ny fampianarana riba mivantana natao tamina kilasy famaranana tao amin'ny Lycée Ambohimahasoa (L.A.) sy tao amin'ny Lycée FJKM Benjamin Escande Ambositra (L.F.B.A.) tamin'ny fiandohan'ny roavolana fahatelo (3ème bimestre) nandritra ny taom-pianarana 2005/2006. Nosafidinay nanaovana atrika asa ireo toerana roa ireo mba hanaporofoana fa azo tanterahina amin'ny faritra rehetra ny voka-pikarohana azo, na dia amin'ny toerana lavitra ny renivohitra aza, toerana izay manano sarotra ny fahitana tahirin-kevitra hoenti-mampianatra.

## 0.8. Olana tamin'ny fanatanterahana

Amin'ny ankapobeny dia azo lazaina fa nizotra tsara ny fanatanterahana ny asa fikarohana. Na izany na tsy izany anefa, dia nisy ihany ny zavatra tsy dia nahazoana fahafaham-po loatra. Sendra nifanandrify tamin'ny fanomanan'ny L.A. ny fankalazana ny fahafolo taona niorenany ny nanaovanay atrika asa tao. Tery dia tery noho izany ny fotoanan'ny mpampianatra, ka tsy nahazoana fahafaham-po ny fotoana nanatrehana ny fampianarana nataony.

## 0.9. Ireo lafin-javatra hovelabelarina

Mizara telo lehibe ity asa fikarohana ity. Ao amin'ny fizarana voalohany no hanehoana ny lamin-kevitra pedagôjika entina manatanteraka fampianarana. Ao amin'ny fizarana faharoa no hanolorana sy hanadihadiana ny fomba fampianarana riba hita tao amin'ny L.A. sy tao amin'ny L.F.B.A. Ao amin'ny fizarana fahatelo farany kosa no ahitana ny soso-kevitra fampianarana riba : ny fahalianana sy ny fampandraisana anjara ny mpianatra ao amin'ny kilasy famaranana.

# FIZARANA VOALOHANY

## FOMBA FAMPIANARANA RIBA
## HITA TAO AMIN'NY L.A. SY TAO AMIN'NY L.F.B.A.

Ato amin'ity fizarana voalohany ity no hanoritsoritana amin'ny ankapobeny ireo lamin-kevitra pedagôjika samihafa entina manatanteraka fampianarana. Hampahatsiahivina ato koa ny mahakasika ny fandaharam-pianarana sy ny lohahevitra momba ny riba ao amin'ny kilasy famaranana.

## 1.1. NY FANDAHARAM-PIANARANA (1996)

Hosoritsoritana amin'ny ankapobeny ny fandaharam-pianarana mba hahafahana mamaly ny fanontaniana mety hatao hoe « *inona moa izany fandaharam-pianarana izany ?* ». Rehefa izany, dia hampahatsiahivina ireo lohahevitra momba ny riba faritan'ny fandaharam-pianarana navoakan'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena sy Fikarohana Siantifika tamin'ny taona 1996 ary mbola miasa mandraka ankehitriny.

### 1.1.1. Inona moa ny fandaharam-pianarana ?

Torolalana ho an'ny mpampianatra mba hahazoany manatanteraka an-tsakany sy an-davany ny asa fampianarany mandritra ny taona ny fandaharam-pianarana. Samy manana ny fandaharam-pianarana voalahatra ho azy ny kilasy tsirairay. Misy lasitra iraisam-pirenena entina mamolavola ny fandaharam-pianarana. Miainga amin'izany lasitra tokana izany ny fomba anehoana ny endrika ivelany, ny toe-tsaina entina mamolavola ny vontoatiny. Ireo lafin-javatra samihafa mandrafitra ny fandaharam-pianarana iray no ambara eto hoe endrika ivelany. Anisan'izany, ohatra, ny tanjona ankapobeny, ny tanjona manokana, ny fitaovana ampiasaina, sns. Ireo zavatra maro samihafa kendrena hotratrarina amin'ny fampiharana ny fandaharam-pianarana iray kosa no ambara hoe vontoatiny.
Tsara araka izany ny famakiana sy fandinihana ny fandaharam-pianarana mba tsy hampivaona ny fampianarana atao.

### 1.1.2. Ny tanjona ankapoben'ny fandaharam-pianarana

Miainga amin'ny foto-kevitra filatra ironan'ny mpitondra foibe hatrany ny famolavolana ny fandaharam-pianarana. Fitaovana mahomby amin'ny fampiorenam-paka ny pôlitika tian'ny mpitondra hampiharina ao amin'ny firenena ny sekoly, satria ny rindram-piaraha-monina sy ny endri-pandaminana sy fampivoarana ny toe-karena ary ny toetra amam-pihetsika itantanana izany, dia miankina amin'ny endrika sy ny vontoatim-

pampianarana ajoro. Araka izany dia ny hampahazo vahana ny pôlitika tian'ny mpitondra hampiharina eo amin'ny firenena no tanjona ankapobeny ao amin'ny fandaharam-pianarana. Rafitra mavesa-danja sady kitro ifaharan'ny firenena tsirairay ny sekoly amin'ny maha-toeram-panabeazana azy. Na toy inona teti-pitondrana tian'ny mpitondra hajoro eo amin'ny firenena, dia ny sekoly hatrany no sehatra sy toeram-pandetehana izany amin'ny vahoaka. Azo ambara ho fitaovana ifehezana ny vahoaka ao amin'ny firenena ny sekoly.

Mety miovaova ny fandaharam-pianarana. Ny soridalana itondrana ny firenena no isan'ny mampiova azy. ny soridalana koa anefa dia mety miova raha miova ny mpitondra. Izany no tsy mampitovy ny fandaharam-pianarana sy ny vontoatiny ary ny fomba fampianatra amin'ny firenena tsy mitovy sori-dalana toy ny firenena manaraka sori-dalana kapitalista sy sori-dalana sôsialista. Izany ihany koa no tsy isian'ny fandaharam-pianarana tokana mahatety ny vanim-potoana rehetra ao amin'ny firenena iray.

### 1.1.3. Ireo lohahevitra momba ny riba ho an'ny kilasy famaranana araka ny fandaharam-pianarana 1996

Lafin-javatra maro no aroson'ny fandaharam-pianarana 1996 hotrandrahana ao amin'ny kilasy famaranana momba ny riba. Na izany aza dia azo aravona ho lafin-javatra roa no tena arosony ao, dia ny tsangan-kevitra sy ny finoana

#### *1.1.3.1. Ny tsangan-kevitra*

Maro ny lohahevitra maneho tsangan-kevitra ampianarina ao amin'ny kilasy famaranana. Ireto avy izy ireo :

- Ny amin'ny olombelona sy ny fifandraisany : ny marina, ny rariny, ny hitsiny (Fanatevenana izay hita tao amin'ny taona faha-11).
- Ny fanahy : famaritana ; ny fanahy sy ny hasina ; ny saina, ny eritreritra, ny aina, ny hery… ; ny lanjany eo amin'ny fampivoarana.
- Ny fitsimbinana ny aina, ny faharetan'ny taranaka

#### *1.1.3.2. Ny finoana*

Maro ny lohahevitra maneho finoana trandrahina ao amin'ny kilasy famaranana :

- Ny tsiny sy ny tody

    -Famaritana, ny toetrany, ny loharanony…

    -Ny lanjany

    -Ny finoana ny tsiny sy ny tody manoloana ny fampandrosoana

- Ny finoana ny hery tsy hita
- Ny anjara, ny lahatra, ny vintana ary ny tendry

    -Famaritana, ny toetrany, ny loharanony

    -Ny lanjany

    -Ny finoana ny anjara, ny lahatra, ny vintana manoloana ny fampandrosoana

- Andriamanitra, ny Zanahary ary ny razana

    -Famaritana

    -Ny toerany sy ny lanjan'ny finoana azy

    -Ny finoana amam-pivavahana sy ny fampandrosoana

#### *1.1.3.3. Fanamarihana*

Ireo no endrika anoritsoritan'ny fandaharam-piananarana ireo zana-dohateny isaky ny lohahevitra ianarana. Na izany aza anefa dia azo atao tsara ny manolotra zana-dohateny hafa hahazoana miditra amin'ny antsipiriany mba hampahazava tsara ny lohahevitra trandrahina. Izay hahatratrarana ny tanjona apetraka hahatongavana no tena imasoana. Tsy ahataka ny tanjona soritan'ny fandaharam-pianarana ny tanjona apetra ka. Mandritra izany anefa, dia ezahina ny vontoatin-desona atao mba hitondra amin'ny fampivoarana ny maha-olona, ny fiainan'ny fiaraha-monina sy ny firenena amin'ny lafim-piainana rehetra : sôsialy, toe-karena, pôlitika, finoana…

Raha toy izany ny mombamomba ny fandaharam-pianarana amin'ny ankapobeny sy ny zana-taranja riba ao amin'ny kilasy famaranana, dia hirosoana manaraka ny amin'ireo lamin-kevitra pedagôjika hafa entina anatanterahana ny fampianarana.

## 1.2. NY TELOZORON'NY HAIFAMPIANARANA

Ny telozoron'ny haifampianarana dia fanehoana an-tsary ny fifandraisana misy eo amin'ireo singa telo iorenan'ny fampianarana / fianarana, dia ny mpampianatra, ny

mpianatra, ny taranja / fahalalana. Ny fomba fampianarana rehetra dia samy mifototra amin'ny fandrindrana ny fampifandraisana ireo toko telo ireo.

Misy ny fomba fampianarana afototra betsaka amin'ny mpampianatra, izany hoe ny mpampianatra no mibahan-toerana amin'ny fampianarana mandritra ny fampitana ny lesona amin'ny mpianatra. Izany fomba fampianarana izany no atao hoe fampianarana tolotra na fampianarana tranainy. Hoy i NDIA-BINTY Kayembe : « *Ny fomba fampianarana tranainy dia fiheverana ara-panabeazana mametraka ny mpampianatra sy ny vontoatin-desona ho ivon'ny fampianarana* »[1].

Ao indray ny fomba fampianarana afototra amin'ny mpianatra. Mandray anjara ny mpianatra amin'ny fanatontosana ny lesona. Mitantana sy mandrindra ny mpampianatra mba handrafetan'ny mpianatra ny fahalalany. Izany fomba fampianarana izany no atao hoe fomba fampianarana mampandray anjara ny mpianatra, araka ny filazan'i NDIA-BINTY Kayembe : « *Ny fahavitrihan'ny mpianatra mandritra ny lesona no ivon'ny atao hoe fomba fampianarana mampandray anjara ny mpianatra* »[2].

Ao ihany koa ny fomba fampianarana afototra amin'ny taranja. Ny vontoatin-desona no apetraka ho foto-javatra anatanterahana ny fampitam-pahalalana. Ity fomba fampianarana ity dia tsy mifanatrika ny mpianatra sy ny mpampianatra. Taratasy no mampifandray : tahirin-kevitra no omena ny mpianatra, dia manao izay hahazoany ny lesona samirery eo ny mpianatra. Ity fomba fampianarana ity dia ampiasaina amin'ny fampianarana ampitain-davitra.

Ny hifotorana amin'ity asa fikarohana ity dia ny fomba fampianarana afototra amin'ny mpianatra. Izany no manentana ny fahavitrihan'ny mpianatra ka mitondra azy amin'ny fahalianana [3].

Amin'ny fampianarana riba, dia ezahina ho ny mpianatra no manolotra ny vontoatin-desona mikasika ny lohahevitra ianarana : famaritana, endrika isehoany, ny lanjany eo amin'ny lafin'ny sôsialy, toe-karena, pôlitika, finoana. Mitarika sy mitantana ihany no anjara asa sahanin'ny mpampianatra. Isaky ny singan-driba iray ianarana, dia atao izay hahafahan'ny mpianatra manao tsoa-kevitra rehefa avy mamakafaka sy mandanjalanja tsara izay mety ho lafitsara na lafiratsin'ny finoana na ny fanandratana ireo


---

[1] NDIA-BINTY Kayembe, ***Conduire une leçon***, Edition Hurtubuse, Canada p.26 : « *La pédagogie traditionnelle est une conception de l'éducation qui met l'enseignant et le contenu à enseigner au centre de toute transaction éducative* ».
[2] NDIA-BINTY Kayembe, op.cit, p.26 : « *L'implication des élèves dans la leçon est au cœur de ce qu'on appelle la pédagogie active* ».
[3] Hovelabelarina any amin'ny fizarana fahatelo.

singan-driba ianarana ireo. Ny fanatanterahan'ny mpianatra izany rehetra izany dia miteraka fahalianana hanadihady sy hamakafaka tsara izay lohahevitra rehetra aroso azy.

### 1.2.1. Ny fifandraisana apetraky ny lafy telon'ny telozoron'ny haifampianarana

Toy izao, raha aseho amin'ny kisary, ny fifandraisana apetraky ny lafy telon'ny telozoron'ny haifampianarana :




Kisary 1 : Ny telozoron'ny haifampianarana

### 1.2.2. Ny famolahana ny fahalalana

Ny mpampianatra rehetra amin'ny maha-mpanabe azy dia tokony hanana fahalalana maro mikasika ny lesona hampianarina. Tokony hisandrahaka amina lafin-javatra maro ny fahalalany mikasika ny lohahevitra trandrahana. Tokony hanontany tena mandrakariva ny mpampianatra hoe : « *Eo anatrehan'ny fahalalana efa ananan'ny mpianatra sy ny tanjona apetraka hotratrarina, dia inona no vontoatin-desona hampianariko ? Inona no sahaza ny mpianatra ?* ». Tsy ny fahalalana rehetra ananany momba ny lohahevitra akory no omeny ny mpianatra, fa tokony hofantenina tsara izay hatolotra azy. Na izany aza, tokony hahafehy tsara izay fahalalana ananany ny mpampianatra. Antoky ny fahombiazan'ny fampianarany izany ka hitondra vitrika mandrakariva amin'ny mpianatra. Hoy indrindra ny Banky Iraisam-pirenena : « *Ny*

*mpampianatra rehetra dia tokony ho afaka maneho fa mahafehy tsara ny taranja ampianariny* »[4].

### 1.2.3. Ny fampitam-pahalalana amin'ny mpianatra

Mitaky fomba mirindra sy mahomby ny fampianarana na ny fampitam-pahalalana atao amin'ny mpianatra. Tsara raha faritan'ny mpampianatra mazava ny tanjona hotratrarina amin'ny lesona hampianarina sy ny drafitra harahina amin'izany. Hoy ihany i NDIA-BINTY Kayembe : « *Ny tanjona dia maneho tondro tahaka amin'ny fifantenana ny fomba hoenti-mampianatra, ny fitaovana ampiasaina, ny tombana atao* »[5].

Tsy azo atao ambanin-javatra araka izany ny fifantenana ny fomba sy ny paika hoentina mampita ny lesona izay ampianarina mba hahazoana manatratra ny tanjona sy manentana ny fifalian'ny mpianatra mandritra ny lesona, araka izao fanambaran'ny Banky Iraisam-pirenena izao : « *Ahitana fahombiazana ao amin'ny sekoly rehefa mahay manovaova ny fomba fampianarany ny mpampianatra arakaraka ny fahasamihafan'ny mpianatra sy arakaraka ny taranja ampianarina* »[6].

Rehefa mifanandrify amin'ny filan'ny mpianatra ny zavatra atrehiny sy aseho azy dia finaritra izy. Tsy azo ataon'ny mpampianatra ambanin-javatra koa ny fananan-desona, ka kajina indrindra amin'izany ny fampifandraisana ny tanjona sy ny vontoatin-desona ary ny tombana : ny firindran'ireo lafin-javatra telo ireo no tena mahalavorary ny fampianarana omena ny mpianatra.

### 1.2.4. Ny fianarana/fandraisana fahalalana

Anjaran'ny mpianatra ny mandray fahalalana. Ampirisihina ny hampiasany fomba maro samihafa hoenti-manovo fahalalana sy mitahiry izany. Ny mpianatra tsirairay dia tokony hahay hampiasa ny fahalalana ananany hoentiny manovo fahalalana hafa indray. Tokony homena tari-dalana ny mpianatra amin'ny fomba fandraisany an-tsoratra ny

---

[4] Banque mondiale, Note technique n°14, 1994, p.44 : « *Tous les enseignants peuvent faire preuve d'une bonne maîtrise de la discipline qu'ils enseignent* ».
[5] NDIA-BINTY Kayembe, ***Définir les objectifs d'apprentissage***, Edition Hurtubise, Canada, p.29 : « *Les objectifs constituant un cadre de référence pour la selection des méthodes, des activités et des matériels éducatifs, et pour l'évaluation* ».
[6] Banque mondiale, ***Note technique n°14***, 1994, p.50.

fanazavana, amin'ny fomba fitadidiana ny lesona ianarana. « *Tsy mampianatra na inona na inona ny mpianatra aho ; manolotra fepetra hahafahany mianatra fotsiny no ataoko* »[7]. Marihina fa ny fanaovan'ny mpianatra asan-tarika dia efa midika fa manovo fahalalana izy amin'izany, satria misy fifanampiana sy fifamenoam-pahalalana eo amin'izy samy mpianatra amin'izany. Ary ny fanaovany izany dia miteraka fientanam-po sy fifaliana eo aminy mandritra ny fanatanterahana ny lesona.

Amin'ny fampianarana riba, ny mpampianatra dia tokony hanana fahalalana mivelatra ara-kolontsaina. Tsara ny ahafantarany ny fomba amam-piheverana ananan'ny Malagasy amin'ny ankapobeny ka mampiavaka azy amin'ny firenena hafa. Ilaina ny ananany angom-pahalalana mikasika ny fomba amam-panao sy ny fomba amam-piheverana mampiavaka ny faritra samihafa eto amin'ny firenena. Mazava aminy izay mety ho sakana rehetra amin'ny fampandrosoana ny firenena aterak'ireo fomba amam-piheverana sasantsasany. Tsy miafina aminy ny tombontsoa azo avy amin'ny fanandratana sy ny fankamamiana ireo singan-driba misy sy fahita isam-paritra na iombonana.

Tsy izay fantany rehetra anefa no hatobany eo anoloan'ny mpianatra, fa hifantina tsara izay tandrify ny kilasy ampianariny izy, ary handanjalanja izany mba hifanaraka amin'ny vanim-potoana sy ny faritra ampianarana mba hahaliana ny mpianatra.

Tsy zava-baovao, na hoe zava-miafina amin'ny mpianatra akory ireny lohahevitra ampianarina azy ireny, fa zavatra hitany sy iainany eo anivon'ny fiaraha-monina misy azy. Noho izany dia izy ihany no asaina mamoaka ny vontoatin-desona tiana havoitra amin'ny alalan'ny fintantana azy ho tonga amin'izany. Ajoro tanteraka ny fiaraha-miasan'ny mpampianatra sy ny mpianatra, ka fomba fampianarana manome vahana ny fandraisana anjaran'ny mpianatra no anatanterahana ny fampitam-pahalalana. Manambara sy manazava izay fantany momba ny lohahevitra ny mpianatra. Anjaran'ny mpampianatra anefa mandrindra ny famakafakana sy manao izay fomba rehetra hahatratrarana ny tanjona : ny fananan'ny mpianatra fahalalana mikasika ny singan-driba ianarana, ny fahaizana manazava ny lafitsara sy lafiratsy misy amin'izy ireny, ary ny firaiketam-po amam-panahy amin'izay mitondra voka-tsoa ho an'ny fiainam-pirenena na fiainana isam-batan'olona.

Raha ny famahavahana ny fomba anomanan'ny mpampianatra ny lesona sy ny fomba fampitany izany ary ny fomba fianaran'ny mpianatra no raketin'ny telozoron'ny

---

[7] NDIA-BINTY Kayembe, ***Apprendre et enseigner en éducation de base***, Edition Hurtubise, Canada, p.18 : « *je n'enseigne rien à mes élèves ; j'essaie seulement de créer des conditions dans lesquelles ils peuvent apprendre* ».

haifampianarana, dia mba ahoana indray ny momba ny tanjona apetraka hotratrarina amin'ny lesona izay atao.

### 1.3. NY TANJONA AMIN'NY LESONA IRAY

Misy ny toe-javatra tiana hiaviana : io no antsoina hoe « tanjona ». Na dia maro aza ny fomba azo anatanterahana ny fampianarana, dia tokony ho lohalaharana ny fiezahana hanatratra io toe-javatra eritreretina hotratrarina io. Izany no hahalavorary ny fampitam-pahalalana atao. Tsy inona araka izany ny tanjona eo amin'ny fampianarana fa « *zava-kendrena voasoritra mazava eo amin'ny fanatanterahana ny asa fampianarana sy fanabeazana* »[8].

Azo sokajiana telo mazava tsara ny tanjona araka izao ahitana azy amin'ny fafana manaraka izao.

| **Karazany** | **Ny mombamomba azy** |
|---|---|
| Tanjona ara-pahalalana | Fahalalana ankapobeny, fahazoana an-tsaina, fahaiza-mampihatra ny fahalalana azo amin'ny sehatra hafa, fahaiza-manadihady, fahaiza-mandravona,ary fahaiza-manombana |
| Tanjona ara-pahaiza-manao | Itodihanana amin'ny hetsika amam-pahakingan'ny saina sy ny vatana, fahaiza-mikirakira, fahaiza-mifanerasera am-bava… |
| Tanjona ara-toetra amam-pihetsika | Fironana amin'ny toetra mora mandray zavatra mora manoa, tia mifantoka. |

<u>Fafana 1</u> : Ny karazan-tanjona amin'ny lesona iray

Ireo rehetra ireo dia tsy misy tokony hataon'ny mpampianatra latsa-danja rehefa manao fanomanan-desona sy mampita fahalalana izy. Ny fahatanterahan'izany amin'ny fampianarana riba dia hampivelatra ny fahalalana ny kolontsaim-pirenena eo amin'ny mpianatra ary hahafahany manazava izany amin'ny mpiara-belona aminy sy hahaizany mandanjalanja ny fihetsiny eo anoloan'izy ireny.

[8] J.M. BESSE, **« *Vers une pédagogie par objectif* »**, Bulletin Sté et Th. Simon n°556-III, 1977 : « *L'objectif deviendra alors le but précis d'une action éducative, d'un enseignement* ».

Rehefa avy nampahatsiahy ny karazan-tanjona tratrarina amin'ny lesona iray, dia tokony hifanindran-dalana amin'izany koa ny fampatsiahivana ny tombana natao handrefesana ny tanjona.

## 1.4. NY TOMBANA AMIN'NY FAMPIANARANA

Inona moa no atao hoe « tombana » ?

Ny ankamaroan'ny rakibolana dia maneho fa ny matoanteny *manombana* na *maminavina* dia midika ho manao fitsarana ny sandan-javatra iray. Mialoha ny fitsarana sanda anefa, dia tsy maintsy ananana fahalalana betsaka io zavatra hotombanana io. Tsy misaraka ny fampianarana mametraka tanjona hotratrarina sy ny fanombanana ny mpianatra. « *Raha vao miteny hoe « tombana »*, hoy i NDIA-BINTY Kayembe, *dia maneho izany fa misy ny fanamarinana na tratra ny tanjona na tsy tratra* »[9].

Ny mpianatra rehetra no ezahina hotombanana. Tsy azo aompana amina fomba tokana na toe-javatra kisendrasendra fotsiny ny fanombanana ny mpianatra sy ny fampianarana, fa tanterahina amina fomba sy endrika maro ary atao matetika.

Misy karazany telo ny tombana tokony handrefesana ny fahaizana amam-pahalalan'ny mpianatra, toy izao aseho amin'ny alalan'ny fafana izao.

---

[9] NDIA-BINTY Kayembe, ***Evaluer les apprentissages de mes élèves***, Editions Hurtubise, Canada, p.17 : « *Quand on parle de l'évaluation des apprentissages, il s'agit surtout de vérifier si les élèves ont atteint les objectifs d'apprentissages poursuivis, ceux qui ont été fixés par le programme* ».

| Karazany | Mombamomba azy |
|---|---|
| Tombana fitiliana fandrefesana ny fahalalana efa azo | Ity karazana ity dia natao hitsapana ny fahalalana fototra efa ananan'ny mpianatra momba ny lesona hatao sy ny fahalalana tafatoetra ao aminy mikasika ny lesona teo aloha ka misy fifandraisany na tsy misy amin'ny lesona mbola hatao. |
| Tombana antenatenany na tombana famolavolana | Tanterahina mandritra ny lesona izy. Ny asa sy ny hetsika ataon'ny mpianatra sy ampanaovina azy no tena ilafihany. Natao hamantarana koa izy ity na tratra na tsia ny tanjona napetraka hotratrarina. Ankoatra izay, dia natao hampitranga ny lesoka eo amin'ny mpianatra ny fanaovana ity tombana ity, ary natao hamantarana ny fahadisoana vitan'ny mpianatra mba hahazoana misoroka izany amin'ny manaraka. |
| Ny tombana famaranana | Ahafahana mandrefy ny fahalalalana tafapetraka ao amin'ny mpianatra izy aorian'ny iray volana, na roa volana, na telo volana, na rehefa mifarana ny taom-pianarana. Atao izy mba hahazoana mamisavisa sy mamantatra ary mandrefy ny fahalalana azon'ny mpianatra mandritra ny fe-potoana voafaritra mazava tsara. Tanterahina amin'ny fanomezana isa sy fanamarinam-pahaizana izy ity. |

Fafana 2 : Ny karazan-tombana eo amin'ny fampianarana

Raha ireo no mikasika ny tombana eo amin'ny fampianarana, dia heverinay fa mety ihany koa ny fampahatsiahivana ny fomba fampianarana mampandray anjara ny mpianatra

## 1.5. FOMBA FAMPIANARANA MAMPANDRAY ANJARA NY MPIANATRA

Efa ela tokoa no niezahan'ny mpikaroka nanatsara hatrany ny fomba fampitam-pahalalana amin'ny mpianatra. Hatramin'ny andron'i Jean Jacques ROUSSEAU niaina tamin'ny taon-jato faha-XVIII no efa nampiharina ny fomba fampianarana mampandray anjara ny mpianatra. Ny mpianatra no mibahan-toerana mandritra ny lesona. Mpiombona andraikitra amin'ny fandrafetana ny fahalalany izy ireo. Ny mpampianatra dia natao

hitarika sy hitantana azy ireo fotsiny. Irosoana lalindalina kokoa aza ankehitriny ny fiezahan'ny mpampianatra hanamora ny fandraisan'ny mpianatra fahalalana amam-pahaiza-manao ary ny fananana toetra amam-pihetsika mifanaraka amin'ny ilain'ny fiarahamonina, amin'ny alalan'ny fandrindrana tsara ny paikam-pampianarana mampientana ny mpianatra. Hoy indrindra i NDIA-BINTY Kayembe : « *Izany fomba fiheverana izany dia maneho fa ny atao hoe mampianatra dia manao izay hahamora ny fandraisan'ny mpianatra fahalalana izay tena iriny hananana* » [10]. Omena fahalalana ny mpianatra hikaroka araka izay azony atao. Izany no antsoin'i Jean Jacques Rousseau hoe « *fanabeazana mahaliana* »[11].

Mahazo vahana amin'ity fomba fampianarana ity ny fitokisana apetraka amin'ny mpianatra. Izany rivotry ny fametraham-pitokisana iainana ao an-dakilasy izany dia mampirisika sy manaitaitra ny mpianatra haneho ny heviny sy hanambara izay fantany, ary hanontany izay zavatra tsy mazava aminy. Araka ny hevitry ny Banky Iraisam-pirenena, dia « *atao matetika ary atao fomba mahazatra ny mpampianatra ny mametra-pitokisana amin'ny mpianatra amin'izay mety ho fahafahana manao zavatra iray* »[12] .

Tsy fahalalana tsy misy fanaraha-maso anefa no azon'ny mpianatra, satria tsy fandrobohana, na fandokafana, na famelana azy hanao izay rehetra tiany hatao ny fitokisana sy fahalalahana omena azy, fa misy fetrany ihany. Ny mpampianatra ihany no olona fototra amin'ny fandrindrana ny fampiaranana : izy no mametraka ny tanjona hotratrarina, izy no tompon'andraikitra sy tompo-marika farany amin'ny endri-pahalalana omena sy ny endri-panazavana atao. Manamafy izany izao tenin'i NDIA-BINTY Kayembe izao : « *Tsy ny mpampianatra sy ny boky irery intsony no lohalaharana anovozan'ny mpianatra fahalalana, fa na ny mpianatra, na ny zava-misy iainana, na ny tontolo manodidina dia samy azo anovozam-pahalalana avokoa* » [13].

Maro ny paika azo ampiasana amin'ny fomba fampianarana mampandray anjara ny mpianatra. Toy izao no ahitana izany raha aseho amin'ny fafana.

[10] NDIA-BINTY, ***Apprendre et enseigner en éducation de base***, Editions Hurtubise, Canada, p.17 : « *Selon cette nouvelle conception, enseigner signifie faciliter l'acquisition de savoirs chez des apprenants qui souhaitent acquérir ces savoirs* »

[11] Andikana ny « *éducation attrayante* ».

[12] Banque mondiale, ***Note technique n°14***, 1994 : « *Les enseignants font fréquemment part et de manière appropriée de la confiance qu'ils ont dans les capacités de leurs élèves* ».

[13] NDIA-BINTY Kayembe, ***Conduire une leçon***, op.cit., p.27 : « *Le mâitre et le livre ne sont plus les seuls détenteurs du savoir ; les connaissances et les objets d'apprentissage ont des sources multiples. Les élèves, l'environnement, l'actualité sont des sources de savoir aussi valables que le manuel* ».

| Karazany | Ny mombamomba azy |
|---|---|
| Ny fametraham-panontaniana | « Ny fahaizana manao fanontaniana dia midika ho fahaiza-mampianatra »[14]<br>Ny « fampiterahan-kevitra »[15] araka an'i Socrate, dia fomba fampianarana milafika amin'ny fahaizana amam-pahakingan'ny mpampianatra hisokitra ny hevitry ny mpianatra. Ny fahatsaran'ny fanontaniana atao no hahatanteraka izany. |
| Ny asa an-tarika | Fomba fampianarana manome vahana ny fandraisan'ny mpianatra tsirairay anjara io, mampifantoka azy amin'ny zavatra ataony, ary mampivelatra ny sainy. Ahafahan'ny mpianatra mifanampy sy manambatra ny fahalalany koa izy io. Ny fiarahan'ny mpianatra isan-tarika mitady vahaolana eo anatrehan'ny sehatr'olana, dia manatsara ny fifandraisany ara-pahalalana : mikaroka mantsy izy ireo amin'izany, mandinika, misaintsaina, mandray petra-kevitra ary miezaka manamarina izany |
| Ny fanadihadiana | Alefa manao fanadihadiana any anivon'ny fiarahamonina ny mpianatra amin'ny fotoana ahafahany manao izany, na mandeha tsirairay, na mandeha isan-tarika. Omena ny mpianatra mialoha ny toromarika rehetra hanatanterahana izany. Ezahin'ny mpampianatra ny mampifandray ny tanjona hotratrarina sy ny toromarika hoentin'ny mpianatra manao ny fanadihadiana. |
| Ny lalao an-tsehatra | Asaina maneho an-tsehatra trangan-javatra iray mpiseho eo anivon'ny fiarahamonina ny mpianatra vitsivitsy. Ny mpianatra sisa kosa manaraka tsara ny zavatra asehon'ny namany. Marihina fa mifandray amin'ny lohahevitry ny lesona hatao ny seho an-tsehatra lalaovina. Fanadihadiana iarahan'ny mpampianatra sy ny mpianatra rehetra manao no anohizana izany. Tsara raha ampiomanina herinandro mialoha ireo mpianatra haneho ny seho an-tsehatra. |
| Ny famelabe-laran-kevitra | Fomba fampianarana manome vahana ny fandraisan'ny mpianatra tsirairay anjara, mampifantoka azy amin'ny zavatra ataony, ary mampivelatra ny sainy. Ahafahan'ny mpianatra mifanampy sy manambatra ny fahalalany. Ny fiarahan'ny mpianatra isan-tarika mitady vahaolana eo anatrehan'ny sehatr'olana dia manatsara ny fifandraisany ara-pahalalana : mikaroka mantsy izy ireo amin'izany, mandinika, misaintsaina, mandray petra-kevitra ary miezaka manamarina izany. |
| Ny tatitra vaky boky | Omena boky iray ny mpianatra hovakiny. Azo atao asa an-tarika sy asan'ny tsirairay izany. Takina aminy amin'izany ny filazalazana momba ny boky :<br>Endrika ivelany : ny mpanoratra, ny refy, ny lohateny, ny toerana nanontana, ny taona nivoahana, ny isan'ny pejy.<br>Endrika anatiny : ny fizarana lehibe, ny lohahevitra isaky ny fizarana, ny famelabelarana fohifohy ny hevi-dehibe isaky ny lohahevitra |

Fafana 3 : Ny karazam-paika azo ampiasaina

[14] NDIA-BINTU Kayembe, ***Conduire une leçon***, op.cit., p.43 : « *Savoir enseigner c'est savoir poser des questions* ».
[15] Andikana ny teny « *maïeutique* ».

Ireo no anisan'ny paikam-pampianarana azo atao mba hahazoana mampandray anjara ny mpianatra. Marihina anefa fa na inona fomba sy paikam-pampianarana ampiasaina, dia tsy tokony hataon'ny mpampianatra latsa-danja ny fanatanterahana ny asa fampianarana [16] tokony hataony.

### 2.2.1. Ny asa fampianarana

Gilbert DE LANDSHEERE dia manome sivam-pandalinana mifototra amin'ny fifanohinana am-bava eo amin'ny mpianatra sy ny mpampianatra, na eo amin'ny mpianatra samy mpianatra. Milaza izy fa misy asa fototra 7 lehibe azo atao rehefa mampianatra. Indro aroso eto amin'ny alalan'ny fafana izy ireo, miaraka amin'ny fanazavana fohy ny momba azy.

[16] Ramatoa RATIARAY Suzette Malalatiana, Didactique de la matière, 4ème Année, 2005.

| Asa fototra | Mombamomba ny asa fototra |
|---|---|
| asa fandaminana | - Fandrindrana ny toerana, ny fotoana ny fitaovana<br>- Ny fitsinjarana asa mandavataona, telovolana, iray volana, seho iray.<br>- Fandrindrana ny fandraisan'ny mpianatra anjara<br>- Fandrindrana ny fitsapana… |
| asa fampiorenam-paka | - Fametrahana fanontaniana ho enti-mamantatra na mahazo ny mpianatra na tsy mahazo ; hahaizany mampiasa ny zavatra efa hainy ; handraisany ny zavatra mbola tsy hainy.<br>- Ny fanontaniana dia efa voatarika hitodika amin'ny tanjona tratrarina ary manery ny mpianatra handinika. |
| asa fampivelarana | - Fampirisihana ny mpianatra hitady hevitra ao amina tahirin-kevitra.<br>- Fampirisihana ny mpianatra hamoaka hevitra<br>- Fitantanana ny mpianatra hahay hamoaka tsara ny heviny<br>- Fitarihana ny mpianatra hamaha olona<br>- Famaliana ny fanontaniana ataon'ny mpianatra<br>- Fitarihana ny mpianatra hirotsaka amin'ny fifanakalozan-kevitra sy ady hevitra. |
| asa fanavahana | Fandraisana an-tanana ny mpianatra tsirairay. Fantarina ny mpianatra satria : misy mpianatra mila tohanana fa manana olana ; misy mpianatra liana nefa voafetra ny fotoana ao an-dakilasy ; misy ny mpianatra votsa ka mila dokafana… |
| asa fanehoana hafaliana sy fiaraha-mitondra izay manahirana | - Fanehoana mivantana ny fihetseham-po ateraky ny teny na fihetsika ataon'ny mpianatra<br>- Fankasitrahana, fandokafana, tsy manebaka (tsy ilaina ny manapepo na dia diso aza ny lazainy)<br>- Fanehoana fahatezerana raha ilaina izany<br>- Fisehoana ho namana amin'ny fotoana voafetra. |
| asa fanehoana tsy fankasitrahana | Fisehoana ho tezitra amin'ny toe-javatra sasantsasany : aseho amin'ny alalan'ny fanomezan-tsiny, fandavana fihetsika na toe-javatra. Ilaina ny fanesoana amin'ny fomba mihaja sy fandrahonana indraindray. |
| asa fampivainganana ny fampianarana | - Fampiasana fitaovana<br>- Fitsinjarana tsara ny solaitrabe<br>- Fampiasana ohatra samihafa hita eo amin'ny fiainana andavanandro |

Fafana 4 : Ny asa atao rehefa mampianatra

Raha ireo ny mikasika ny asa fampianarana tokony hotanterahin'ny mpampianatra, dia hosoritsoritina manaraka ny serasera eo amin'ny fampianarana.


## 1.7. NY SERASERA EO AMIN'NY FAMPIANARANA

Mialoha ny hanolorana ny serasera eo amin'ny fampianarana, dia tsara aloha ny anoritsoritana amin'ny ankapobeny ny atao hoe serasera.

### 1.7.1. Fanoritsoritana ny serasera amin'ny ankapobeny

Ambaran'i CAVAFY CORTAZAR[17] fa na amin'ny Frantsay, na amin'ny teny anglisy, dia misy heviny roa miavaka tsara ny hoe serasera na fampitan-kafatra. Ny heviny voalohany dia fandehanana na fitaterana avy amin'ny toerana iray ho amin'ny toerana iray hafa (lalana fifamoivoizana no resahina amin'izany). Ny heviny faharoa dia fampitana na fifampitan-kafatra ifanaovan'ny olona roa fara faharatsiny. Ny hafatra alefa dia mety hotanterahina amin'ny alalan'ny teny, ny fihetsika na ny famantarana samihafa.

R. JAKOBSON[18] dia manoritsoritra ny kisary maneho ny serasera toy izao manaraka izao.




Kisary 2 : Ny fisehon'ny serasera

17 Encyclopedia Universalis, France, Editeur à Paris
18 Essais de linguistique générale, Paris, 1963

Fanazavana ny kisary :

- Fomba/fitaovana fototra ifandraisana : maro ny fomba na fitaovana fototra iombonan'ny mpandefa sy ny mpandray hafatra enti-mifandray toy ny teny, ny fihetsika, ny endrika maneho hafaliana, ny endrika maneho hatezerana…
- *Ny mpandefa hafatra* : ny fandefasana ny hafatra dia mitaky fahafehezana tsara ny fomba ampiasaina ampitana ny hafatra (teny ohatra), fahaiza-milaza ny hafatra, fahafolahana ny fepetra takin'ny seha-pitenenana maro (mpiteny, itenenana, toerana, fotoana, tanjona…), fikaliana ny hafatra mba hahazoan'ny mpandray azy.
- *Ny tontolon-kevitra* : na ny mpandefa, na ny mpandray ny hafatra dia manana hevitra maro ao aminy ao mikasika ny vontoatin-kevitra ifandraisana. Ireo no hetsehina rehefa ao anaty serasera.
- *Ny hafatra* : mikendry zavatra maro ny hafatra atao : fanazavana, fandresen-dahatra, fitaomana… Mampiasa karazan-dahateny samihafa arakaraka ny tanjona kendrena.
- *Ny fantsona* : misy maro ny fitaovana azo ampitana ny hafatra. Anisan'izany, ohatra, ny fantsona am-bava na an-tsoratra… Mila mikaly tsara raha mandefa hafatra amin'ny feo satria ny feo mandalo ka mila fifantohana avy amin'ny mpihaino.
- *Ny mpandray hafatra* : amin'ny fandraisana hafatra dia anjaran'ny mpandray ny mamantatra tsara ny vontoatin-kafatra raisina. Anjarany ihany koa ny manao izay hahazoana izany vontoatin'ny hafatra izany. Maneho ny heviny avy hatrany ny mpandray ny hafatra manoloana ny hafatra voarainy ; ka na manaiky izy na mandà. Miseho koa ny fihetseham-po : faly, na sosotra, na malahelo…

### 1.7.2. Ny serasera : fitaovana fototra amin'ny fampianarana

« *Asa fampitan-kafatra ny asa fampianarana* »[19]. Eo amin'ny fampianarana izany, dia azo atao mpandefa hafatra na mpandray hafatra ny mpianatra :

- *Mpianatra mpandefa hafatra* : mpamokatra lesona, mpikaroka, mpanentana, mpamorona…

[19] J. TARDIF, ***Pour un ensegnement stratégique***, Imprimerie gagueltec, Canada 1994, p. 443 : « *L'enseignement est un acte de communication* ».

- *Mpianatra mpandray hafatra* : mpanatanteraka fotsiny, mpandray ny vita, mpandray ny avy amin'ny hafa.

Raha mampianatra ny mpampianatra dia midika izay fa manao serasera amin'ny mpianatra izy. Araka izany, ezahina hifanentana amin'ny mpandray azy ny hafatra alefa. Ezahina koa ny hahaliana ny mpandray ny hafatra mba hahatafita tsara ny hafatra tiana hampitaina.

Hoy i NDIA BINTU Kayembe raha milaza izany : « *Na inona na inona fomba fampianarana hampiharina, dia manao serasera amin'ny mpianatra ny mpampianatra. Manome fahalalana, fahaiza-manao, fanefena hanana toetra araka izay ilaina, ary fitaovana hiasana sy toromarika samihafa izy mba hahazoana manatratra ny tanjona* »[20].

### 1.7.3. Fepetra mampahomby ny serasera eo amin'ny fampianarana

Mba hisian'ny fahombiazana, ny serasera eo amin'ny fampianarana dia tokony hazava tsara. Fandinihana maro no efa nahafahana maneho fa mifamatotra akaiky amin'ny fahatsarana na fahazavan'ny fitenenana entina mampita fahalalana sy ny toetra amampihetsika asehon'ny mpampianatra mandritra ny fampianarana ataony sny fahafahampon'ny mpianatra sy ny vokatra azo avy amin'ny fampianarana. Mitaky lamina sy fomba fampianarana mahomby ny fanatanterahana seraseram-panabeazana mazava sy tsotra. Teny tsotra mazava, mahazatra ny mpianatra no ampiasana. Tsy ampy hampazava ny seraseram-panabeazana anefa ny fampiasana teny tsotra sy mazava, fa hatevenina amin'ny fanomezana ohatra mazava miainga amin'ny zavatra hita sy iainan'ny mpianatra. Manampy izany rehetra izany ny fifanjohina sy fifandraisan'ny hevitra ambara, ny firosoan'ny zavatra atao manatona hatrany amin'ny tanjona hotratrarina.

Toy izay àry ireo lamin-kevitra ara-pedagôjia heverinay fa anisan'ny fototra amin'ny fandavorariana ny fampianarana. Fantatra amin'ny ankapobeny izao ny fandaharam-pianarana sy ny lohahevitra arosony hohadihadina ao amin'ny kilasy famaranana mikasika ny riba. Fantatra ihany koa ireo fototra siantifika iorenan'ny fampianarana. Noho izany, hatolotra ao amin'ny fizarana faharoa ny fanehoana ny fampianarana hita toa amin'ny L.A sy L.F.BA. ary ny fanadihadiana izany.

---

[20] NDIA BINTU Kayembe, ***Conduire une leçon***, op. cit p. « *Quelle que soit la méthode utilisée au cours d'une leçon, l'ensegnant communique avec ses élèves. Il leur présente des informations, des habilités, des attitudes, bref des objets d'apprentissage, ainsi que les outils à utiliser et les directives à suivre pour se les approprier, pour atteindre les objectifs d'apprentissage* ».

# FIZARANA FAHAROA

## FANADIHADIANA NY FOMBA FAMPIANARANA RIBA HITA TAO AMIN'NY L.A. SY NY L.F.B.A.

Ato amin'ity fizarana faharoa ity no hanoritsoritana ny fampianarana riba amin'ny mpianatra kilasy Famarana hita tao amin'ny L.A. sy tao amin'ny L.F.B.A. Harahina fanadihadiana sy tsoa-kevitra izany.

## 2.1. NY FIZOTRY NY FAMPIANARAN'NY MPAMPIANATRA TAO AMIN'NY L.A. SY TAO AMIN'NY L.F.B.A.

Samy manana ny fomba nanatantarahany ny fampianarany ny mpampianatra ireo sekoly ireo. Tsy mitovy na ny fitaovana niaingana, na ny dingana narahina, na ny fomba fampitana ny lesona.

### 2.1.1. Ny fizotry ny fampianarana tarafina amin'ny telozoron'ny haifampianarana

Toy izao manaraka izao no endrika nahitana ny fampianarana nataon'ny mpampianatra tao amin'ny L.A. sy tao amin'ny L.F.B.A., raha tarafina amin'ny telozoron'ny haifampianarana. Haseho amin'ny fafana telo samihafa ireo karazam-pifandraisana voarakitra ao anatin'izany.

| L.A. : Lohatenin-desona :<br>***Singa fototra mifamatotra amin'ny fanahy*** | L.F.B.A. : Lohatenin-desona :<br>***Ny tody*** |
|---|---|
| ***Ny fahalalana nampitaina***<br>- Toetry ny FO : manana faniriana na hetaheta<br>- Toetry ny VATANA : manana filana : sakafo, rano<br>- Ny hetahetan'ny fo sy ny filan'ny vatana dia manetsika ny SAINA hampitony ireo filana ireo.<br>- Ny FANAHY kosa mandanja-lanja, misivana ny hevitra vokarin'ny saina : mety, tsy mety, rariny, tsy rariny,…<br>- Mamoaka didy avy eo ny ERITRERITRA : ity araho, ity aza arahina<br>- Manao izay ataony amin'izay ny olona<br>- Aorian'izany dia mitsara ny ERITRERITRA : manameloka raha tsy mety / tsy rariny ny natao ; midera raha mety ny natao.<br>⇨ mandry ny eritreritra raha manao ny mety, hany ka milamina ny saina amam-panahy.<br>Mikorontana ny saina amam-panahy raha nanao ny tsy mety | ***Ny fahalalana nampitaina***<br>- Famaritana ny tody : ny tody dia fiverenan'ny zavatra natao na tsara na ratsy<br>- Ny toetry ny tody :<br>• tsy maintsy mivaly ny tody na ho ela na ho haingana<br>• ny tody tsy mba azo ialana na sorohina<br>• ny zavatra atao rehetra dia misy todiny avokoa<br>• ny valin'ny tody dia mety ho tsara ary mety ho ratsy.<br>- Ny endrika isehoan'ny tody :<br>• tsara ny tody : raha tsara ny natao teo anivon'ny fiarahamonina. Miendrika valisoa izy amin'izany.<br>• ratsy ny tody : raha ratsy ny natao. Miendrika sazy izy amin'izany |

<u>Fafana 5</u> : Ny famolahan'ny mpampianatra ny fahalalana ambony ananany

| L.A. : Lohatenin-desona :<br>***Singa fototra mifamatotra amin'ny fanahy*** | L.F.B.A. : Lohatenin-desona :<br>***Ny tody*** |
|---|---|
| - Fampianarana tolotra no nataon' ny mpampianatra. Ny mpampia-natra no nahazo vahana tamin'ny fananganana ny lesona.<br><br>- Manazava ny lesona hatramin'ny farany ny mpampianatra amin'ny alalan'ny famelabelaran-kevitra.<br><br>- Arahina fampanaovana sora-tononina ny mpianatra izay lesona horaiketiny ao anaty kahie ny famelabelarana natao. | - Fampianarana mampandray anjara ny mpianatra no nataon'ny mpampianatra. Samy nandray anjara tamin'ny fananga-nana ny lesona ny mpianatra sy ny mpampianatra.<br><br>- Toy izao no zara asa nosahanin'ny mpampianatra nandritra ny lesona :<br>• Nanao fanontaniana vitsivitsy ho famerenana ny lesona teo aloha<br>• Nampikaroka ohabolana na fomba fiteny<br>• Nanampy ny mpianatra tamin'ny fanolorana ohabolana na fomba fiteny mifandraika amin'ny lohahevitra ampianarina<br>• Mitarika ny mpianatra amin'ny fanadihadiana ny ohabolana sy ny fomba fiteny.<br>• Manomboka ny mpianatra isaky ny mahavita zana-dohateny iray.<br>• Manampy hevitra sy fanazavana.<br>• Mitantana ny mpianatra hanao tsoa-kevitra amin'ny ohabolana dinihina<br>• Mampanao soratononina ny lesona horaketin'ny mpianatra ao anaty kahieny |

<u>Fafana 6</u> : Ny tetika amam-paika nentin'ny mpampianatra nampita fahalalana

| L.A. : Lohatenin-desona :<br>***Singa fototra mifamatotra amin'ny fanahy*** | L.F.B.A. : Lohatenin-desona :<br>***Ny tody*** |
|---|---|
| - Mihaino sy mandray an-tsoratra mandritra ny famelabelarana ataon'ny mpampianatra<br><br>- Mandray an-tsoratra ny fandravo-nana ampanaovin'ny mpampianatra amin'ny alalan' ny soratononina. | - Mamaly ny fanontaniana ataon'ny mpampianatra.<br><br>- Mikaroka sy manolotra ohabolana sy fomba fiteny mifandraika amin'ny lohahevitra ianarana.<br><br>- Mandinika sy manadihady ny ohabolana sy fomba fiteny.<br><br>- Manatsoaka hevitra rehefa avy nandinika sy manadihady.<br><br>- Mandray an-tsoratra ny lesona horaiketina ao anaty kahie. |

Fafana 7 : Ny fomba nentin'ny mpianatra nianatra

Azo itarafana tsara ny endriky ny fampianarana ataon'ny mpampianatra ny telozoron'ny haifampianarana. Hita miavaka tsara eto izao ny fahasamihafan'ny fomba fampitan'ny mpampianatra lesona amin'ny mpianatra tao amin'ny L.A. sy tao amin'ny L.F.B.A. Toy izany koa ny tsy fitovian'ny anjara asa sahanin'ny mpianatra mandritra ny lesona.

Hirosoana manaraka ny fanehoana ny dingana tarafina amin'ny fampianarana mampandray anjara ny mpianatra izay manentana ny fahalianany sy ny fitaovana nanatanterahan'ny mpampianatra ny fampianarany. Ny fampiasana fitaovana koa mantsy dia fanoitra amin'ny fandrisihana ny fahalianana sy ny fandraisana anjaran'ny mpianatra raha toa ka misy ny fikirakirana izany mandritra ny taona.

### 2.1.2. Fandravonana ny dingana nanatanterahana ny lesona

Ora roa no samy nanatontosan'ny mpampianatra ny seho iray tao amin'ireo sekoly roa ireo. Hofintinina ao amin'ny fafana manaraka ny dingana narahiny tamin'izany.

<table>
<tr><th></th><th>Dingana</th><th>L.A</th><th>L.F.B.A</th></tr>
<tr><td rowspan="7">L E S O N A<br>V A O V A O</td><td>Famerenana</td><td>Tsy nisy</td><td>Nisy</td></tr>
<tr><td>Fitantaran'ny mpampianatra ny mpianatra amin'ny famakafakana ny lohahevitra ianarana</td><td>Tsy nisy</td><td>Nisy</td></tr>
<tr><td>Fanazavana avy amin'ny mpianatra</td><td>Tsy nisy</td><td>Nisy</td></tr>
<tr><td>Fanazavana avy amin'ny mpampianatra</td><td>Nisy</td><td>Nisy</td></tr>
<tr><td>Tsoa-kevitra iarahan'ny mpampianatra sy ny mpianatra manao</td><td>Tsy nisy</td><td>Nisy</td></tr>
<tr><td>Fanombanana</td><td>Tsy nisy</td><td>Nisy</td></tr>
<tr><td>Fandraisan'ny mpianatra an-tsoratra</td><td>Nisy</td><td>Nisy</td></tr>
</table>

Fafana 8 : Ny dingana lasitra nentina nijery fampianarana

Lesona momba ny fanahy sy ny tody moa araka ny efa nahitana azy tao amin'ny telozoron'ny haifampianarana no nataon'ireo mpampianatra tany amin'ireo sekoly nanaovana atrika asa. Fandravonana tsotra no naseho tao amin'ny fafana. Ny antsipirian'ny fanatanterahana dia hita any amin'ny tovana. Hita soritra mazava ny tsy fandraisan'ny mpianatra anjara afa-tsy amin'ny firaketana an-tsoratra tao amin'ny L.A. Mifanohitra amin'izany kosa ny tao amin'ny L.F.B.A.

### 2.1.3. Ny fitaovana nampiasan'ireo mpampianatra tamin'ny fanaovana lesona

Samy nanana ny fitaovana nampiasainy tamin'ny fanatanterahana ny lesona nataony avy ny mpampianatra tao amin'ny L.A. sy tao amin'ny L.F.B.A.

- Ny tao amin'ny L.A dia tsy nampiasa fitaovana hita maso na azo tsapain-tanana, fa ny fahalalana ankapobeny ananan'ny mpampianatra no nentiny nanatontosa ny lesona. Araka izany, dia famelabelarana tsy an-kiato nataon'ny mpampianatra momba ny lohahevitra nampianariny no nandrafetana ny lesona. Toy izany no hita

sy natrehinay raha nampianatra ny SINGA FOTOTRA MIFAMATOTRA AMIN'NY FANAHY izy izay zana-dohateny amin'ny lohahevitra momba ny FANAHY.

- Ny tao amin'ny L.F.B.A. indray dia nampiasa ohabolana sy fomba fiteny ho fitaovana fototra tamin'ny fanatanterahana ny lesona nataony.

  Ny TODY no lohahevitra nampianariny tamin'izany, ka ireto no fitaovana nampiasainy tamin'ny famakafakana izany lohahevitra izany :

  - « *Ny tody tsy misy fa ny atao no miverina*. »
  - « *Ny tody mbola ho ela ve no tsy hanaovan-dratsy*. »
  - « *Ny tody toy ny salaka : soa atao mihodidina, ratsy atao mihodidina*. »
  - « *Raha todim-pitia manodiava, fa raha todim-paty aza manody*. »
  - « *Ny soa atao levenam-bola, ny ratsy atao loza mihantona*. »
  - « *Ny mihomehy lavo aza misy todiny, mainka fa mitsambiki-mikimpy*. »
  - « *Ny tsiny mbola azo sorohina, fa ny tody tsy misy fanefitra*. »
  - « *Ny tody tsy diso fa miandry fotoana*. »
  - « *Todin-karena harena, todim-pitia fitia, todin'aina aina*. »
  - « *Mpamosavy milevina amoron-dalana ka mahatantesa valin-kitsaka*. »

*Inona àry no azo tsoahana amin'izany rehetra izany ?*

*Ny tsy fampiasana fitaovana dia mahasarotra ny fandraisan'ny mpianatra ny lesona. miorina amin'ny zavatra tsy hita na tsy fantatry ny mpianatra ny fampianarana, ka zary tsy latsa-paka ao aminy ny fahalalana atolotra azy. Fa ny fampiasana fitaovana kosa dia maneho ny fampivainganana ny fampianarana ho toy ny hita sy re ary azo tsapain-tanana. Ny fiaingana amin'ny tontolo fantatra sy iainan'ny mpianatra dia mahamora ny fampitam-pahalalana ataon'ny mpampianatra, ary mahamora ihany koa ny fandraisan'ny mpianatra sy ny fandraiketana an-tsaina izany.*

Raha izay no endriky ny fampianarana riba nataon'ny mpampianatra tamin'ireo sekoly roa nanatrehana fampianarana ireo, dia hirosoana manaraka ny fanadihadiana izany. Haompana amin'ireo fototra siantifika na lamin-kevitra pedagojika efa naroso tany amin'ny fizarana voalohany ny fanadihadiana hatao.

## 2.2. FANADIHADIANA AOMPANA AMIN'NY ASA FAMPIANARANA ARAKA NY FIHEVERAN'I DE LANDSHEERE

Toy izao no fisehon'ny asa fampianarana tao amin'ireo sekoly roa notsidihina.

| **asa fampianarana** | **tao amin'ny L.A.** | **tao amin'ny L.F.B.A.** |
|---|---|---|
| asa fandaminana | Fandaminana ny fandraisana anjara : ny mpampianatra irery no manatanteraka ny asa | Fandaminana ny fifandraisam-pitenenana : samy mandray anjara fitenenana na ny mpampianatra na ny mpianatra |
| asa fampiorenam-paka | | - Fanaovana fanontaniana hitiliana ny fahalalana efa ananana<br>- Fanaovana fanontaniana anadihadiana ny lohahevitra<br>- Fanaovana fanontaniana amantarana ny fahalalana voaray. |
| asa fampivelarana | | - Fampirisihana ny mpianatra hanazava ny ohabolana<br>- Fitantanana ny mpianatra hanatsoaka hevitra avy amin'ny ohabolana |
| asa fanavahana | | - Ampandraisina anjara ny mpianatra manangan-tanana<br>- Ampandraisina anjara ny mpianatra tsy manangan-tanana |
| Asa fanehoana hafaliana | | Fanehoana fankasitrahana sy fandokafana ny mpianatra manolotra hevitra tsara amin'ny alalan'ny famerenana mazava ny zavatra nambarany |
| Asa fanehoana tsy fankasitrahana | Fitezerana ny mpianatra mitabataba ao anatin'ny fanazavana. | Fanebahana ny mpianatra mpamazivazy nefa tsy mahay rehefa anontaniana |
| Asa fampivaingana ny fampianarana | - Fampiasana ny solaitrabe : anoratana ny ventinkevitra hazavaina.<br>- Fampiasana ohatra anamafisana ny fanazavana | - Fampiasana fitaovana ohabolana sy fomba fiteny<br>- Fizarana roa ny solaitrabe :<br>-Ny iray asiana ny drafitry ny lesona<br>-Ny iray anoratana ny hevitra mipoitra |

<u>Fafana 9</u> : Ny zava-misy araka ny asa fampianarana

Hita mazava eo amin'ny fafana ny tsy fisian'ny asa fampiorenam-paka, ny asa fampivelarana, ny asa fanavahana, ary ny asa fanehoana hafaliana tao amin'ny L.A. Izany toe-javatra izany dia manaporofo ny tsy fampandraisana anjara ny mpianatra nandritra ny lesona. Mibahan-toerana tanteraka ny mpampianatra.

## 2.3. FANADIHADIANA AOMPANA AMIN'NY SERASERA

Raha ampifandraisina amin'ny tantara an-tsehatra ary jerena amin'ny lafiny serasera, dia toy izao manaraka izao no endrika ahitana ny anjara asan'ny mpampianatra sy ny mpianatra tao amin'ny L.A. sy ny L.F.B.A.

| | **tao amin'ny L.A.** | **tao amin'ny L.F.B.A.** |
|---|---|---|
| TANTARA ANTSEHATRA | • Ny mpampianatra = mpandray anjara fototra.<br>Izy no tompon'ny sehatra sy fitenenana hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany<br>• Ny mpianatra = mpandray anjara an-tselika.<br>Zara raha omena fitenena amin'ny alalan'ny fanontaniana hoe « *mazava?*» | • Ny mpampianatra = mpandray anjara fototra.<br>Miseho sehatra sy mandrindra ny fandraisam-pitenenana eo aminy sy ny mpianatra<br>• Ny mpianatra = mpandray anjara fototra.<br>Miaraka amin'ny mpampianatra manan-gana ny lesona. |
| SERASERA | • Ny mpampianatra = mpandefa hafatra.<br>Manazava amin'ny antsipiriany ny lesona rehetra.<br>• Ny mpianatra = mpandray ny hafatra.<br>Mihaino sy manoratra izay lazain'ny mpampianatra fotsiny.<br>[Mpandefa hafatra = mpampia-natra] —H / L→ [Mpandray hafatra = mpianatra] | • Ny mpampianatra = naman'ny mpande-fa hafatra. Mitarika ny mpianatra hanadi-hady sy hamakafaka ny lohahevitra iana-rana.<br>• Ny mpianatra = naman'ny mpandefa hafatra.<br>Manangana ny lesona miaraka amin'ny mpampianatra<br>L [Mpandefa hafatra = mpampiana tra sy mpianatra] —H / L→ [Mpandray hafatra = ny mpianatra ary mety koa ho ny mpampianatra] |

**H** : hafatra **L** : lesona

<u>Fafana10</u> : Ny fampifandraisana ny fampianarana amin'ny tantara an-tsehatra sy ny serasera

### 2.3.1. Fanamarihana momba ny fandraisana na ny tsy fandraisana anjaran'ny mpianatra

Ny tsy fandraisana anjaran'ny mpianatra mandritra ny lesona dia heverinay fa tsy mahomby loatra, satria toa zary famolavolana ny mpianatra ho mpandray vonona foana izany, ka mahatonga azy hirona amin'ny fiankinan-doha amin'ny hafa. Tsy afaka hijoro amin'ny maha-izy azy izy, fa miandry hotantanina mandrakariva. Tsy ho hita eo aminy ny toe-tsaina tia karokaroka, ary ho lavitra azy ny fananana toe-tsaina tia mamoron-java-baovao. Tsy mitondra mankany amin'ny tena fampandrosoana marina ny vokatry ny fampianarana toy izany.

Tamin'ny fampianarana tao amin'ny L.F.B.A, dia hita soritra ny fampandraisana anjara ny mpianatra. Izany dia fanomanana azy ho olona tompon'andraikitra amin'ny fanatsarana ny fiainany sy ny fiainam-piarahamonina. Mitondra azy amin'ny fahazarana mikaroka, mandinika, mamakafaka izany. Teraka ao aminy ny toe-tsaina miantehitra amin'ny herin'ny tenany samirery, kanefa teraka ao aminy koa ny toe-tsaina tia mifanakalo hevitra amin'ny hafa.

### 2.3.2. Antontan'isa sy kisary maneho ny fandraisana anjaran'ny mpianatra

Kilasy famaranana sokajy A roa no nanaovana atrika asa tao amin'ny L.A. (ny $TA_1$ sy ny $TA_2$) ary ny $TA_1$ ihany no notsidihina tao amin'ny L.F.B.A. Haseho etoana ny antontan'isa maneho ny fandraisana anjaran'ny mpianatra tamin'izany.

| | **Ankizy lahy** | **Ankizy vavy** | **Totaliny** |
|---|---|---|---|
| L.A. - TA1 | 21 | 26 | 47 |
| L.A. - TA2 | 19 | 28 | 47 |
| L.F.B.A. - TA1 | 24 | 35 | 59 |

Fafana 11 : Ny isan'ny mpianatra tao amin'ireo kilasy notsidihina


Tsy nisy nandray anjara fitenenana ny mpianatra nandritra ny lesona momba ny fanahy natao tao amin'ny L.A. 0% ny tahan'ny fandraisana anjara.

Tao amin'ny L.F.B.A. kosa dia toy izao ny tarehimarika maneho ny fandraisana anjaran'ny mpianatra.

| | Ankizy lahy | Ankizy vavy | Totaliny |
|---|---|---|---|
| Kilasy TA1 | 24 | 35 | 59 |
| Mpianatra tonga(lesona tody) | 23 | 33 | 56 |
| Mpianatra nandray anjara | 8 | 11 | 19 |
| Tahan'ny fandraisana anjara | **14,64 %** | **19,64 %** | **33,92 %** |

Fafana 12 : Ny antontan'isa momba ny fandraisan'ny mpianatra anjara

Toy izao ny kisary mifandraika amin'ireo tahan'ny fandraisana anjaran'ny mpianatra ireo.




Kisary 3 : Ny tahan'ny fandraisana anjaran'ny mpianatra

Na ny tarehimarika na ny kisary dia samy ahafahana milaza fa tsy mbola tena marisika amin'ny fandraisana anjara ny mpianatra tao amin'ny L.F.B.A. Ny vontoatim-pampianarana sy ny fomba nitondrana azy tsy dia mahaliana azy loatra no nahatonga izany.

## 2.4. FANADIHADIANA AOMPANA AMIN'NY TOMBANA

Miharihary araka ny ahitana azy eto amin'ny tsanganana manaraka ny tsy fahampian'ny fanaovana tombana tao amin'ny L.A.

| | Tombana fitiliana | Tombana antenatenany | Tombana famaranana |
|---|---|---|---|
| L.A. | Tsy nisy | Tsy nisy | Fanadinana telo volana voalohany [21] |
| L.F.B.A. | Famerenana ny lesona teo aloha (jereo Tovana) | Ny fanontaniana rehetra natao nandritra ny lesona (jereo Tovana) | Fanadinana telo volana faharoa [22] |

Fafana 13 : Ny tombana natao

[21] Jereo andininy 2.4.1.
[22] Jereo andininy 2.4.4.

Araka ny natrehina sy ny fanadihadiana natao tamin'ny mpianatra dia tsy nisy ny fanaovana tombana afa-tsy amin'ny alalan'ny fanaovana fanadinana fitsapana ihany.

### 2.4.1. Endriky ny fanadinana telo volana voalohany tao amin'ny L.A.

Toy izao ny endri-panadinana natolotry ny mpampianatra tompon-kilasy tao amin'ny L.A. tamin'ny kilasy T.A.1 izay natrehin'ny mpianatra 45 :

**Fanontaniana**

*A. Fanontaniana madinika*

1. Inona no atao hoe tsiny ?
2. Inona no ahafantarana fa voan'ny tsiny ny olona iray ?
3. Tsiny avy aiza avy no mety hihatra amin'ny olombelona ?
4. Nahoana no manome tsiny ny velona ny razana indraindray ?
5. Inona no atao hoe anjara ?

*B. Famelabelaran-kevitra* (andalana 15)

Ahoana ny fomba fahitan'ny Malagasy ny anjara ?

Ny fanontaniana voalohany dia ahitana zana-panontaniana 5 izay samy omena isa 8 avy. 40 izany no isa tratrarina amin'io.

Ny fanontaniana faharoa dia omena isa 40.

Raha atambatra ireo rehetra ireo dia 80 izany no isa rehetra tratrarina.

### 2.4.2. Vokatra sy tsoa-kevitra tamin'ny fanadinana nataon'ny mpianatra

| Isa azo | ] 0,20 ] | ] 20,40 ] | ] 40,60 ] | ] 60,80 ] |
|---|---|---|---|---|
| Isan'ny mpianatra | 0 | 6 | 39 | 0 |

<u>Fafana 14</u> : Fanasokajiana ny isa azon'ny mpianatra tao amin'ny L.A.

Efa voalaza fa fampianarana tolotra no fomba fampitan-desona ataon'ny mpampianatra ao amin'ny L.AZ. Tamin'ity fanadinana nampanaoviny ny mpianatra ity anefa, dia nahazo salan'isa ny ankamaroan'ny mpianatra. Maneho àry ve izany fa mahomby io fomba fampianarana io ?

Tsy azo amaritana izany avy hatrany ity fanadinana fitsapana ity, satria raha jerena dia tsotra loatra ny fanontaniana naroso ny mpianatra. Ary tsy vitan'ny hoe tsotra, satria fanontaniana madinika maro no nomena fa mbola naompana indray amin'ny lohahevitra tokana fotsiny izy ireo. Ambonin'izany rehetra izany dia betsaka loatra ny isa natokana ho azy ireo.

Raha ny tokony ho izy dia tsy azo eritreretina mihitsy eto ny tsy hahazoan'ny mpianatra rehetra salan'isa, satria na ny fanontaniana voalohany, na ny fanontaniana faharoa izay tsotra ihany koa, dia samy nanokanana isa 40 avy. Mbola misy ihany anefa ny mpianatra nahazo isa teo anelanelan'ny 20 sy 40. Izany dia maneho fa tsy tsara ny fampiharana ny fampianarana tolotra, satria tsy ahazoam-bokatra mahafa-po

### 2.4.3. Ny tombana nataon'ny mpampianatra tao amin'ny L.F.B.A.

Hita eo amin'ny tsanganana eo ambony fa nanao ny karazan-tombana rehetra tokony hatao rehefa mampianatra ny mpampianatra. Samy zava-dehibe na ny tombana fitiliana ao aloha na ao aorian'ny lesona sy ny tombana antenatenany.

Ny fanaovana ny tombana antenatenany izay anolorana ny mpianatra ireo fanontaniana maro enti-manadihady dia mamolavola ny sainy ary mitondra azy amin'ny fifantohana. Toy izao ny filazan'i NDIA-BINTU Kayembe azy : « *Ny fanaovana fanontaniana mandritra ny lesona dia mitondra ny mpianatra amin'ny fisaintsainana sy ny fieritreretana. Ny fanaovana izany dia mitarika ny mpianatra ho tia karokaroka* » [23]. Tsy misy ny fandrafetam-pahalalana ataon'ny mpianatra ho an'ny tenany rehefa tsy mandray anjara izy. Izany anefa dia tsy ahafahany manorina ny maha-izy azy.

Na dia tsapa aza fa sahirankirana ihany ny mpianatra tao amin'ny L.F.B.A. tamin'ny fanazavana sy fanaovana tsoa-kevitra, ka voatery nandray andraikitra mivantana ny mpampianatra, dia hita fa efa misy ihany ny ezaka ataony amin'ny fampandraisana anjara ny mpianatra.

---

[23] NDIA-BINTU Kayembe, ***Conduire une leçon***, op.cit. p.44 : « *Vous pouvez aussi utiliser les questions comme stimulants de sa réflexion. A n'importe quel moment de la leçon, poser des questions pour la créativité et la réflexion de l'élève* ».

### 2.4.4. Endriky ny fanadinana telo volana faharoa tao amin'ny L.F.B.A.

**Famakafakan-kevitra**

Hoy ity mpandinika iray : « *Manosika ny olona hikatsaka ny tonga lafatra ny tahotra ny tsiny sy ny tod*y ».

Fakafakao sy tsikerao

80 no isa nomena, ka mitsinjara toy izao izany :

Teny fampidirana : 16/80

Famelabelarana : 48/80

Teny famaranana : 16/80

Toy izao ny vokatra sy ny fanamarihana azo aroso tamin'io fanadinana io.

| Isa azo | ] 0,20 ] | ] 20,40 ] | ] 40,60 ] | ] 60,80 ] |
|---|---|---|---|---|
| Isan'ny mpianatra | 1 | 46 | 7 | 0 |

<u>Fafana 15</u> : Fanasokajiana ny isa azon'ny mpianatra 54 tao amin'ny L.F.B.A.

<u>Fanamarihana</u> :

07 ny isan'ny mpianatra nahazo salan'isa

46 ny isan'ny mpianatra nahazo isa [20 , 40]

1 ny isan'ny mpianatra nahazo isa latsaka ny 20

Hita araka izao fa tsy nahazo salan'isa ny ankamaroan'ny mpianatra. Na dia nampiasa ny fomba fampianarana mampandray anjara ny mpianatra aza teto ny mpampianatra, dia mbola misy ny zavatra lesoka na banga matoa io no vokatra azo avy amin'ny mpianatra.

Tsy mbola nivelatra tanteraka mantsy ny fandraisan'ny mpianatra andraikitra tamin'ny famakafakana. Tsapa ho natetika dia natetika ny fidirana an-tsehatry ny mpampianatra tamin'ny fanazavana sy fanaovana tsoa-kevitra isaky ny zana-dohateny anaovana famakafakana.

## 2.5. FANADIHADIANA AOMPANA AMIN'NY VONTOATIN-DESONA

Raha ny vontoatin-desona natolotr'ireo mpampianatra tao amin'ny L.A. sy L.F.B.A no hotomorina akaiky, dia tsapa fa mifikitra hatrany amin'ny zavatra izay efa fahita sy natolotra ny mpianatra hatramin'izay.

Vontoatin-desona mitodika tanteraka amin'ny toe-javatra sy fomba fiainana amam-piheverana niainan'ny ntaolo. Entina manamarina izany, ohatra, ny hita tao amin'ny L.F.B.A., raha nampianatra momba ny TODY ilay mpampianatra. Ny vontoatin-desona natolony tao dia : famaritana ny tody, ny toetry ny tody, ny endrika isehon'ny tody.

Ireo no voasoritra ao amin'ny fandaharam-pianarana, dia ireo no notanterahina. Nefa mitondra inona eo amin'ny fampivoarana ny fiainan'ny tsirairay sy ny fiainan'ny fiarahamonina ny fahalalana izany ? Tsy ahafaha-manantanteraka ny fampandrosoana haingana ny vontoatin-desona toy izany. Tokony hampifandraisina amin'ny seha-piainana samihafa ny famakafakana ny lohahevitra.

## 2.6. TSOAKEVITRA ANKAPOBENY TAMINNY FOMBA FAMPIANARANA TAO AMINNY L.A. SY L.F.B.A.

Lafin-javatra roa no haroso amin'ity zana-pizarana ity. Voalohany amin'izany ny fanehoana ny lafin-javatra hita fa mety, ka tokony hampiharina amin'ny fampitam-pahalalana sy tokony hohatsaraina hatrany. Manaraka izany dia asongadina koa ny lafin-javatra hita fa tsy mety ka tokony hasiam-panarenana na hasiam-panovana mihitsy.

### 2.6.1. Ny lafin-javatra azo ihafiana

Na dia endri-pampianarana samy hafa aza no hita tao amin'ny L.A. sy tao amin'ny L.F.B.A. dia samy misy lafin-javatra azo lazaina fa tsara ihany.

- Tao amin'ny L.A.

Efa fantatsika fa ny fampianarana riba nataon'ny mpampianatra iray tao amin'ny L.A. dia fampianarana mifototra amin'ny fanomezana laka ny mpampianatra. Io fomba fampianarana io no antsoina hoe « fampianarana tolotra ». Amin'ny ankapobeny, dia

fomba fampianarana tranainy nolovaina tamin'i Saint Ignace de Loyola ity fomba fampianarana ity izay nipoitra tamin'ny taona 1540.

Fanabeazana ny olona ara-panahy sy ara-tsaina no tena natao tamin'izany. Fanohizana ny fampianarana nataon'i Jesoa Kristy sy ireo apositôliny no tanjona ary izany no nitondran'ny fikambanana ny anarana hoe « Compagnons de Jésus ». Mazava amin'izany fa mifototra amin'ny famelabelaran-kevitra ataon'ny mpampianatra ny fampianarana, ary ny sisa manodidina eo dia tsy manao afa tsy ny mihaino. Tsy dia tsara ampiharina aty amin'ny fanabeazana fototra sy ny ambaratonga faharoa (EPP, CEG, Lycée) ity fomba ity. Eny amin'ny ambaratonga ambony no mety hampiharana azy. Ny hany azo ihafiana aminy, dia noho izy ahafahana manazatra fotsiny ny mpianatra amin'ny fandraisana an-tsoratra izay zavatra velabelarina sy hazavaina. Ny toy izany indrindra no fanomanana ny olona hiroso amin'ny asa fanaovan-gazety, ohatra, sy amin'ny asa miompana amina fandihadiana.

- Tao amin'ny L.F.B.A.

Ny tao amin'ny L.F.B.A. indray dia fampianarana ahitana fampandraisana anjara ny mpianatra. Mandray anjara ny mpianatra amin'ny fitadiavana sy fanolorana ohabolana sy fitenenana. Mandray anjara ihany koa amin'ny fiezahana manazava ireny ohabolana ireny sy amin'ny fanatsoahana hevitra avy amin'izy ireny.

Tsy toloram-potsiny ny mpianatra fa mampiasa saina mikaro-kevitra. Izany tetika amam-paika enti-mampianatra izany dia mahamora ny fitadidian'ny mpianatra ny lesona, ary manazatra azy amin'ny fahaiza-maneho sy manazava hevitra.

### 2.6.2. Ny lafin-javatra hita fa mila fanarenana

Na ny fampianarana riba nataon'ny mpampianatra tao amin'ny L.A. na tao amin'ny L.F.B.A dia samy ahitana lafin-javatra hita fa toa nahalesoka ny fomba fampianarana riba natao.

Ny tsy fanaovana famerenan-desona mialoha ny lesona vaovao dia tsy mety, satria ilaina ny fahafantarana ny fahalalana efa ananan'ny mpianatra mikasika ny lohahevitra hianarana, na koa ny fahafantarana ny fahalalana fototra ananan'ny mpianatra izay misy fifandraisana amin'ny lohahevitra ianarana. Tsy ho latsa-paka ny fahalalana homena ny mpianatra raha tsy efa masaka ao aminy aloha ny fahalalana fototra tokony hananany.

Ny tsy fampandraisana anjara ny mpianatra dia endri-pampianarana iray manefy ny mpianatra ho malai-mikaroka, ho zatra mandray vonona, mpandray ny avy amin'ny hafa hatrany. Izany toe-javatra izany dia zary toetra amam-pihetsika ho raiki-tampisaka amin'ny mpianatra, ka tsy hahafahany mitondra fampivoarana eo amin'ny fiainany manokana sy ny fiainam-piarahamonina misy azy.

Raha ny fampianarana tao amin'ny L.F.B.A indray, na dia nahitana endriky ny fampianarana mampandray anjara ny mpianatra aza, dia misy ihany ny hita fa tokony harenina. Iaraha-mahalala fa ireny ohabolana ireny dia miorina sy mifandraika amin'ny foto-pisainana ntaolo. Ny zava-nisy sy ny toe-javatra nandrafitra ny fiainam-piarahamonina fahiny no loharano nipoirany.

Mazava araka izany fa misy ny endri-pifandraisana sy ny endri-piarahamonina fahiny no tsy hita na tsy mifanaraka intsony amin'ny zava-misy ankehitriny. Talohan'ny fanjanahan-tany, ohatra, dia mipetraka ny fahamarinan'ny hoe : « *aleo very tsikalakalam-bola toy izay very tsikalakalam-pihavanana* ». Ankehitriny kosa ny mifamadika amin'izany no saika hita mamaritra ny foto-pisainan'ny ankamaroan'ny olona. Toy izany koa ny hoe « *raha todim-pitia manodiava, fa raha todim-paty aza manody* ». Zava-dehibe teo amin'ny ntaolo ny fitsimbinana ny aina : tsy ny ain'ny tena ihany fa ny an'ny hafa koa. Ankehitriny kosa ny mampirona ny foto-pisainan'ny maro dia hoe na todim-pitia, na todim-paty dia samy manodiava avokoa.

Tsy mahatomombana sy tsy mahalavorary ny lesona ny fianteherana fotsiny amin'ny ohabolana sy fitenenana, ary ny fihodinkodinana amin'izany mandritra ny lesona. Ny toy izany dia tsy hahatratrarana firy ny tanjona apetraka hotratrarina araka ny voatondron'ny fandaharam-pianarana / « curriculum » amin'ny lohatenin-desona tsirairay.

Hita tao amin'ny fanadihadiana natao àry fa tsy mahomby ny fampianarana tolotra satria tsy ahitana asa fampiorenam-paka, asa fampivelarana, asa fanavahana izany. Mahatonga ny mpianatra tsy afaka hijoro amin'ny maha-izy azy izany, fa hiankin-doha mandrakariva amin'ny hafa. Ny fampandraisana anjara ny mpianatra kosa manazatra azy hikaroka, handinika, hamakafaka. Nanampiasa ny fomba fampianarana mampandray anjara ny mpianatra sy nampiasa ohabolanaho fitaovana nanatontosana ny lesona aza ny tao amin'ny L.F.B.A. dia naseho ihany koa ny lesoka sy ny lafin-javatra mila fanarenana.

Ao amin'ny fizarana fahatelo farany no hanomezana soso-kevitra : ny fahalianana sy ny fandraisana anjaran'ny mpianatra mandritra ny fampianarana riba ao amin'ny kilasy famaranana.

# FIZARANA FAHATELO

## SOSO-KEVITRA FAMPIANARANA RIBA : NY FAHALIANANA SY NY FAMPANDRAISANA ANJARA NY MPIANATRA AO AMIN'NY KILASY FAMARANANA

Maro ny fomba azo atao hanentanana ny fahalianana sy ny fandraisana anjaran'ny mpianatra mandritra ny fanatanterahana lesona iray. Anisan'ny fomba ahafahana manatontosa izany ny fampiasana fitaovana mandritra ny lesona, ny fahaiza-mifantina ny fomba enti-mampita fahalalana amin'ny mpianatra ary ny fanolorana vontoatin-desona ahafahana mampivelatra ny tsirairay sy ny fiainam-pirenena. Alohan'ny hirosoana amin'ireo, dia ndeha aloha hiresadresaka momba ny fahalianana.

### 3.1. FANORITSORITANA AMIN'NY ANKAPOBENY NY FAHALIANANA

Ny fahalianana dia tsy inona fa hetaheta hahafantatra, na hahita, na handre zavatra na trangan-javatra iray izay misy eo amin'ny fiainam-piarahamonina, kanefa tsy mbola fantatra tsara ny momba azy. Ny fahalianana koa dia tsy inona fa fahasondrianana, na fahafinaretana eo anoloan'ny toe-javatra iray izay atrehina.

Ireo mpanaraka ny rijan-kevitra natoralista toa an-dry FRENET, MONTESSORI, DECROLY dia milaza fa misy filana ao amin'ny olombelona. Liana ny olombelona raha mamaly io filana io ny zavatra atao. Raha tsy izany no mitranga, dia tsy ho rototra firy izy. « *Hatao ahoana ny hampisotro rano ampondra izay tsy mangetaheta akory ?* » [24].

Matoa misy filana ao amin'ny olona, dia satria misy fahabangana ao aminy, ka zary lohalaharana ho azy ny hameno izany. Maro ny endrika isehoan'ny fahabangana raha ny fampianarana sy ny fanabeazana no itodihana. Maneho izany, ohatra, ny zava-baovao mbola tsy fantatra na mbola tsy hitan'ny mpianatra. Ao koa ny tsy fahafantarany mazava ny dingana samihafa eo amin'ny fanatanterahana ireo fomba amam-panao isan-tsokajiny, indrindra ny antony anaovana ary ny fiovany any amin'ny faritra maro manerana ny firenena manontolo. Toy izany ihany koa ny tsy fahafantarana ny antony ilaina ny zavatra ianarana any an-tsekoly amin'ny fiainana andavanandro sy ny tsy fahazoana an-tsaina ny tombontsoa mety ho azo amin'ny fianarana ny taranja iray. Tsara ary tena ilaina ny ilazan'ny mpampianatra ny tanjona hotratrarina amin'ny lesona izay atao na amin'ny taranja mihitsy aza.

Raha ny riba manokana no asian-teny, dia ampahafantarina ny mpianatra fa ny antony ampianarana azy, dia izy azo itondrana fampivoarana ny fiainam-pirenena amin'ny lafiny maro : sôsialy, ara-toe-karena, ara-pinoana, pôlitika. Ahafahana mitahiry sy manatsara ny kolontsainan'ny firenena ihany koa izy.

[24] Olivier REBOUL, ***Qu'est-ce qu'apprendre***, Presses Universitaires de France, 1980, p.206 : « *Comment faire boire l'âne qui n'a pas soif* ».

Raha toy izany ny fanoritsoritana ny fahalianana, dia ahoana no fomba azo anatanterahana ny fampianarana mifototra amin’izany ?

## 3.2. PAIKA ENTI-MANATANTERAKA FAMPIANARANA MAHALIANA

Lafin-javatra dimy no azo anompanana ny fanatanterahana ny fampianarana riba mitondra fahaliana ho an’ny mpianatra sy manentana ny fandraisany anjara. Ireo avy izany : ny fandraisana anjaran’ny mpianatra, ny fandrisika, ny fitaovana anatontosana ny lesona, ny fomba fampitam-pahalalana ary ny vontoatin’ny lesona atolotra.

### 3.2.1. Ny fandraisana anjaran’ny mpianatra sy ny fahalianana

Ny fisian’ny fahalianana ao amin’ny mpianatra dia miankina amin’ny fahaterahan’ny finiavan-kanao ao aminy. Ny fampandraisana anjara ny mpianatra dia tokony ho lavitra ny faneriterena sy ny jadona ataon’ny mpampianatra raha azo atao ihany.

Iezahan’ny mpampianatra tadiavina ny tetika amam-paika hampiroboroboana ny faharisihan’ny mpianatra handray anjara. Tsy mitovy ny vokatra azo amin’ny asa atao amim-paneriterena sy ny asa atao amin-kafaliana ateraky ny finiavan-kanao. Tsy tokony hatao ambanin-javatra noho izany ny hahitan’ny mpianatra fahafinaretana sy fahafaham-po mandritra ny lesona.

### 3.2.2. Ny fandrisika

Tsy isalasalana ny milaza fa tsy hisy fahombiazana amin’ny zavatra atao raha tsy misy ny faharisihana eo am-panaovana azy. Hofariparitana ato amin’ity zava-toko ity ny atao hoe fandrisika sy ny endrika isehoany, ka azo tanterahina amin’ny fampianarana.

Tsy hisy handa angamba fa ny atao hoe « *mpampianatra mahay ny asany* » dia ny mpampianatra mahay manentana sy mampirisika ny mpianany handray anjara mavitrika amin’ny lesona izay atao. Azo ampitahaina ny pôlitikan’ny fitantanana ny varotra amin’ny lafin’ny fandrisihana ny mpanjifa sy ny fampianarana. « *Raha eo amin’ny sehatry ny pôlitikan’ny varotra, ny fandrisika dia fitambaran’ireo endri-javatra anentanana ny mpanjifa hividy ny entana. Izany no antony anaovana dokam-barotra. Azo afindra na*

*ampiharina amin'ny fampianarana izany, ka ny mpianatra no mandray ny toeran'ny mpanjifa, manjifa fahalalana* »[25].

Ampirisihina amin'ny fomba maro samihafa ny mpianatra hanjifa fahalalana. Mifamatotra tsy azo sarahina ny fandrisika sy ny fomba fampianarana mahaliana. Tsy hisy faharisihana raha tsy misy fahalianana ary tsy hisy fahalianana raha tsy misy faharisihana. Maro ireo toe-javatra manentana ny faharisihan'ny mpianatra. Tsy ho voatanisa eto avokoa izy ireo, fa sasantsasany amin'izy ireo ihany no aroso.

- Ny fanaovana fanontaniana

Ity fomba ity dia ampiasaina amin'ny fampirisihana ny mpianatra handray anjara amin'ny fanatanterahana ny lesona. Ny fanontaniana dia karazam- pihantsiana na fampirisihana atao amin'ny mpianatra, karazan'olana apetraka hitadiavana vahaolana. Ny fiezahana hahazo ny hevitry ny fanontaniana sy ny fitadiavana ny valiny dia manetsika ny sain'ny mpianatra hiasa. Ny fanontaniana koa dia mampitodika ny fifantohan-tsain'ny mpianatra amin'ny zavatra izay atao ary manaisotra azy amin'ny toe-tsaina zatra toloram-potsiny.

Toy izao, ohatra, ny endriky ny fanontaniana azo atao raha manao lesona momba ny tsiny : *Mahavoan'ny tsiny ve ny fanitsakitsahana ny fomba amam-panao nentim-paharazana, na ny tsy fanarahana izany intsony ? Nahoana ? Hazavao tsara ny valin-teninao ?…*

Ny fanaovana fanontaniana mahomby dia tsy maintsy atao amim-pitandremana : tokony hazava, tsotra, azon'ny rehetra. Ialana ny fanontaniana mitondra amin'ny valin-teny « eny » na « tsia » toy ny hoe : *Tsy mahomby amin'izay zavatra ataony ve ny olona voan'ny tsiny ?* Tsy mitondra faharisihana amin'ny fampiasana saina izany endri-panontaniana izany. Azo atao tsara kosa ny fametrahana zana-panontaniana na ampaham-panontaniana hahazoana valin-teny tsikelikely izay hivondrona ho valin'ilay fanontaniana niaingana.

- Fametrahan'ny mpianatra tanjona mazava amin'ny fianarana izay ataony

Entanina ny mpianatra hibanjina sahady ny asa tiany hatao rahatrizay vita ny fianarany. Isaky ny fiandohan'ny taom-pianarana dia tokony hampahatsiahiviny amin'ny tenany

---

[25] Olivier REBOUL, ***Qu'est-ce qu'apprendre***, op.cit., 1980 : « *Pour l'écononmie politique, la motivation, c'est en gros l'ensemble des facteurs qui déterminent le comportement du consommateur ; d'où « l 'étude des motivations » en publicité. Mais peut-on transporter impunément le terme dans le domaine de l'éducation ? N'est-ce pas considérer l'élève comme un client que l'on cite à « consommer des savoirs* ».

izany. Ny filentehan'izany ao an-tsainy dia hahatonga azy hilozoka mafy amin'ny fianarana izay ataony.

Raha milentika ao an-tsainy, ohatra, ny faniriana fatratra ho tonga mpampianatra taranja Malagasy, dia tsy maintsy hilozoka amin'ny fianarana izay ataony izy mba hahatanterahany ny fikasany.

➢ Ny fampanantenana valisoa :

Apetraka ho filamatra ao an-tsekoly na ao amin'ny kilasy ity fomba fiasa ity. « Tokony hisy fizarana loka ho an'ny mpianatra mahafatra-po isan-kilasy, ka atao eo imason'ny mpianatra sy ny mpampianatra rehetra izany » [26]. Ny fanaovana izany dia hampirisika hatrany izay mahazo valisoa, ary hanosika ny fiezahan'izay mbola tsy nahazo.

➢ Ny fambolena toe-tsaina tia mifaninana :

Ezahina ny hananan'ny mpianatra toe-tsaina tia mifaninana satria fanaitra amin'ny fanatanterahana asa izany no sady fanaitra amin'ny fiezahana hanao ny marina izany. « *Ny fifaninanana dia nampitombo avo folo heny ny fahazoan-bokatra mampitolagaga* »[27]. Ny fifaninanana dia mitondra ny mpianatra amin'ny fiezahana hanao zavatra tsara mihoatra noho ny vitan'ny namana ary hanatsara hatrany ny vitan'ny tenany.

Ny fampanaovana asan-tarika ny mpianatra, ohatra, dia efa mampiditra azy amin'ny fifaninanana : mifaninana ny tarika samy tarika hamoaka hevitra tsara noho ny andaniny ; toy izany ihany koa, mifaninana ny tsirairay ao amin'ny tarika samy hanolotra hevitra tsara sy marina…

➢ Ny fanomezana fahafinaretana ny mpianatra mandritra ny lesona :

Atao izay hahatonga ny fampianarana miendri-dalao, nefa tsy mivaona amin'ny vontoatin-desona ny zavatra atao amin'izany. Raha hampianatra ny RARINY, ohatra, dia atao lalao aseho an-tsehatra ny tononkalo hoe : « *Ny rarin'ny matanjaka* » nosoratan'i Jean Narivony.

---

[26] Banque mondiale***, Les facteurs déterminant l'éfficacité de l'école***, Note technique n°14, 1994, p.48 : « *L'école utilise régulièrement des symboles, des cérémonies et des récompenses pour sanctionner officiellement les réussites scolaires* ».

[27] F. MACAIRE α P. RAYMOND, ***Notre beau métier***, ***manuel de pédagogie appliquée***, Editions Saint Paul, les Classiques Africains, Issy Les Moulineaux (France), 1975, p.210 : « *L'émulation est un stimulant au devoir et à la vertu* ».

- Ny fanomezan-danja ny taranja ianarana :

Ampahafantarina ny mpianatra ny maha-zava-dehibe ny taranja eo amin'ny fiainan'ny isam-batan'olona, na eo amin'ny fiainam-pianakaviana, na eo amin'ny fiainam-pirenena. Koa satria fampianarana riba no resahina eto, dia ezahina izany ny mampahafantatra ny mpianatra ny lanjan'ny riba eo amin'ny fampivoarana amin'ny sehatra samihafa.

### 3.2.3. Ny fitaovana mahaliana

Zavatra iray tsy azo hamaivanina ny tokony haharesy lahatra ny mpampianatra fa tena mahaliana ny mpianatra ny fiaingana na fampifamatorana ny lesona amin'ny tontolo manodidina ny mpianatra. Raha hampianatra ny VINTANA, ohatra, dia tsy tokony hiainga amina lahatsoratra tranainy mirakitra toe-javatra sy tontolo tsy niainan'ny mpianatra, fa tokony hiainga amina toe-javatra sy tontolo fantany tsara. Raisina ho ohatra amin'izany ny lalao P.M.U sns… Ny toy izany indrindra no atao hoe fampivainganana ny fampianarana[28].

Ny fanehoana amin'ny fomba mivaingana ny fampianarana dia anisan'ny asa tokony hosahanin'ny mpampianatra amin'ny fampianarana izay ataony. Araka ny voalaza tany aloha, i Gilbert DE LANDSHEERE, mpanao fikarohana momba ny « sciences de l'éducation », no mamaritra ireo asa maromaro tokony hosahanin'ny mpampianatra ka anisan'izany ny fampivainganana ny fampianarana.

Mandrakotra ny seha-piainana rehetra ireo lohahevitra ireo. Noho izany, ny fanadihadiana azy ireo dia tokony haompana tanteraka amin'ny trangan-javatra mpiseho eo amin'ny fiainana andavanandro. Jerena akaiky amin'izany ny fifamatorany amin'ny lafim-piainana samihafa : lafin'ny fiarahamonina, lafin'ny fitondrana. Ireo trangan-javatra mpiseho amin'ny fiainana andavanandro izay aseho manaraka ireto dia tokony hampiasana ho fitaovana anaingana ny lesona, na ho fitaovana entina mampivaingana ny lesona ho ivon'ny famakafakana sy ny fanadihadiana, na koa ho fitaovana entina manatanteraka ny fanombanana ny lesona natao…

Marihina fa lohahevitra atolotra ho an'ny mpampianatra fotsiny ireo ary azo ampiasaina tsirairay, saingy tsy afaka manome ohatra maro ny tenanay noho ny fotoana tsy nahafahana nampiahatra feno ny soso-kevitra atolotra.

[28] Andikana ny « concrétisation de l'enseignement »

#### *3.2.3.1. Ny lafiny ara-piarahamonina*

Ireto no heverinay fa trangan-javatra mpiseho eo amin'ny lafiny ara-piarahamonina azo anompanana ny fanadihadiana.

- Hevitra raiki-tampisaka ao an-tsain'ny Malagasy maro ny hoe : « *Ny marary andrianina* ». Miditra amin'izany ve ny fitsimbinana ny aina ?
- Eo anatrehan'ny firongatry ny faharatsiana maro samihafa fahita ankehitriny (fandrobana, vonoan'olona, fanolanana, herisetra, soloky mbamin'ireo maro tsy voatanisa eto), aiza ho aiza ny fitandroana sy ny fanomezan-danja ny marina, ny rariny, ny hitsiny, ny fitsimbinana ny aina, ny tsiny, ny tody ?
- Inona no tena mahomby eo amin'ny fitandroana ny fandriampahalemana : ny mpitandro ny filaminana ankehitriny ve sa ny finoana ny tsiny sy ny tody teo amin'ny ntaolo ?
- Ny fahasamihafan'ny toetra amam-pihetsika eo amin'ny tsirairay (misy maneho toetra tsy mendrika, misy maneho toetra tsara eo amin'ny fiarahamonina) aiza ho aiza ny anjara toeran'ny fananam-panahy ? Miditra an-tsehatra amin'izany ve ny vintana, ny anjara, ny lahatra ?
- Ny fiolakolaham-piainana eo anivon'ny ankohonana asehon'ny sasany, na eo amin'ny fianakaviana, na eo amin'ny fikambanana samihafa, na eo amin'ny firenena : aiza ho aiza eo anatrehan'ireny ny fitandroana ny marina, ny rariny, ny hitsiny ?
- Ny fanitsakitsahana ny fomba amam-panao nentim-paharazana, na ny tsy fanarahana intsony azy ireny, mahavoan'ny tsiny ve izany sa mampaninona ?
- Ny aretina tsy ahitam-panafana, tsiny ve no mahatonga izany ?
- Ny fanampiana ny ory sy ny mahantra eo amin'ny fiainany : inona no manosika amin'izany, fananam-panahy ve ? Fanantenana tody soa ve ? Fanaovana ny marina sy ny rariny ary ny hitsiny ve ?
- Ny olon-droa tonga mpivady : anjara ve no nahatonga izany sa fitiavana ? Na dia mifankatia ve rehefa tsy anjara dia tsy tonga mpivady ?
- Ireo toe-javatra heverina fa ratsy mihatra amin'ny fiainana toy ny : fahantrana, tsy fahafaham-panadiana… anjara sa vintan-dratsy, sa lahatra, sa finiavana no nahatonga izany ?

- Ny mpivady misaraka na sahirana eo amin'ny fiainana : izany ve no atao hoe mifaniho vintana sa misy antony hafa ?
- Ny mpivady tsy misara-belona : izany ve no atao hoe miara-bintana ? Tsy miditra an-tsehatra amin'izany ve ny fifanajana sy ny fifandeferana ?
- Ny fahaizana sy ny tsy fahaizana eo amin'ny mpianatra, ny fahasalamana sy ny aretina : todin'ny natao ve, sa vintana, sa anjara, sa lahatra ?
- Azo fehezina ve ny vintana, ny anjara ?
- Eo anatrehan'ny ditran-jaza mahato fo sy ny fahavoazana mihatra aminy noho izany, ka mandatsa ny ray aman-dreny : vintan-dratsy ve ny an'ny zaza ? Rariny ve ny nataon'ny ray aman-dreny ?
- Ny vonoana olona sy ny famonoan-tena : lahatra ve izany ? Tendry ve izany ?
- Ny tsy fahafatesan'ny olona iray amina lozam-piaramanidina : vintana tsara ve izany ? sa fitahian'Andriamanitra ? sa fitahian'ny razana ?
- Ny fahasamponan'ny dia saika hatao : lahatra ve izany ?
- Raha misy marary roa samy hafa, mitovy soratr'aretina, ary tsaboin'ny dokotera iray. Raha maty ny iray satria tsy manam-bola hividianam-panafody, ka ratsy karakaran'ny mpitsabo ; fa ny iray kosa mifanohitra amin'izany ka velona : tendry ve no nahafatesan'ilay maty, sa vintan-dratsy, sa anjara, sa lahatra ? Marina, rariny ve ny nataon'ilay dokotera ? Aiza ho aiza ny fitsimbinana ny aina amin'izany ? Aiza ho aiza ny fananam-panahy ?

#### *3.2.3.2. Ny lafiny ara-pinoana*

Ireto toe-javatra ireto kosa no azo hampifamatorina aminy eo amin'ny lafiny ara-pinoana.

- Ny kamboty fadiranovana : aiza ho aiza ny fitahian'ny razana azy ireny ?
- Trangan-javatra tena nisy marina izao zavatra manaraka izao : nisy fianakaviana nitondra taolambalo avy any amin'ny faritanin'i Mahajanga ho any amin'ny faritanin'i Fianarantsoa tamin'ny taona 1998. Nivarina ny fiarakodia nitondra azy ireo ka maty avokoa ny olona tao anatiny : aiza ho aiza ny fitahian'ny razana amin'izany ?
- Ny marary sitranina amin'ny bilo sy entina amin'ny doany ; tena mandray anjara amin'ny fanasitranana ve ny razana ?

- Ny fanaovana ny marina, rariny, hitsiny eo amin'ny fiainana andavanandro, fahatahorana an'Andriamanitra ve, sa fanomezan-danja ny tsiny sy ny tody ?
- Ny fivavahana kristianina, silamo, bodista…raha jerena amin'ny saina tsy miangatra, afaka misolo ny anjara asan'ny tsiny sy ny tody ve eo amin'ny fitandroana ny filaminana eo amin'ny fiainam-piarahamonina ?
- Ny famadihana, ny famonosan-damba ny razana/taolambalo, fangataham-pitahiana ve no tena antony anaovana azy sa antony hafa ?

#### *3.2.3.3. Ny lafiny ara-toe-karena*

Ireto indray ny trangan-javatra azo ifotorana eo amin'ny toe-karena.

- Ny dokam-barotra ho fampirisihana ny mpanjifa, tena marina ve ny zava-drehetra ambara amin'izy ireny ? Rariny sy hitsiny ve ny fanaovana azy ?
- Ny fananana harena eo amin'ny ankohonana na eo amin'ny firenena : anjara, sa vintana, sa toe-panahy mendrika, sa fanaovana ezaka no nahatonga izany ?
- Ny elanelan-karena misy noho ny fandovana tsy mitovy : anjara ve izany, sa vintana, sa lahatra ?
- Raha misy mpamboly iray, nandalovan'ny havandra ora iray monja ny famboleny rehetra dia potika avokoa : tsiny ve no nahatonga izany, sa anjara, sa vintan-dratsy ?
- Ny fari-pahalalana sy ny fari-pahaizana tsy mitovy vokatry ny tsy fitovian'ny toe-karena : anjara ve izany sa vintana ?
- Ny fifanambakana eo anivon'ny fiarahamonina, aiza ho aiza ny fahamarinana, ny rariny, ny hitsiny ? Mahavoan'ny tsiny ve ny fanaovana izany ?
- Ny zaza notaizana tao anatin'ny fahantrana nefa tafita amin'ny fiainana noho ny fikirizany : ny fikirizany ve no tena anton'ny fahombiazany sa tsara vintana izy ?
- Raha mahantra noho ny hakamoany na noho ny hadalany ny olona sasany : aiza ho aiza ny tsiny, ny anjara, ny vintana, ny tody amin'izany ?
- Ny harena sy ny fahantrana : todin'ny natao sa anjara, sa vintana ?
- Ny fiezahana amin'ny asa atao sy ny fikajiana izany : afaka mifehy ny vintana sy ny anjara ve izany ?

#### *3.2.3.4. Ny lafiny ara-pitondrana (pôlitika)*

Eo amin'ny lafin'ny fitondrana kosa no ahitana an'ireto trangan-javatra ireto.

- Ny kabary pôlitika : aiza ho aiza ny toeran'izy ireny eo anatrehan'ny marina, rariny, hitsiny ; sy eo anatrehan'ny fananam-panahy ?
- Raha apetraka na mametraka ny tenany ho marina mandrakariva ny mpitondra eo anatrehan'ny vahoaka entiny : marina, rariny, hitsiny ve izany ?
- Raha mihamahantra ny vahoaka, ny mpitondra sy ny mpanam-bola vitsy an'isa kosa tsy mitsaha-mitombo harena isan'andro : marina, rariny, hitsiny ve izany ? Aiza ho aiza ny fananam-panahy ?
- Ny mpandroba, mpamono olona, mpandika lalàna tsy ampiharana ny lalàna manan-kery eo amin'ny tany sy ny fanjakana : marina, rariny, hitsiny ve izany ?
- Ny famonoana olona ho faty tratra am-bodiomby : marina, rariny, hitsiny ve izany ? Aiza ho aiza ny fitsimbinana ny aina ?
- Ny fanagadrana olona tratra nangalatra hanimasaka kely noho ny hanoanany : rariny, marina, hitsiny ve izany ? Manao ahoana ny fipetraky ny tsiny sy ny tody amin'izany ?
- Ny olom-boafidy na ny olom-boatendry ho tompon'andraikitra ambony : vintana, anjara, tendry ve no nahatonga azy amin'io toerana io ?
- Ny mpitondra fanjakana tsy manatanteraka ny teniny ho amin'ny fampandrosoana ny firenena izay nilokalokany nandritra ny fampielezan-kevitra nataony : marina, rariny, hitsiny ve izany ?

Hita araka ireo voalaza rehetra ireo ary fa mandrakotra ny seha-piainana maro tokoa ireo lohahevitra ireo. Ohatra ihany ireo natolotra ireo, fa ny mpampianatra tsirairay dia tokony hampivelatra azy ireo isaky ny lohahevitra trandrahana. Heverinay fa fitaovana mahomby ho an'ny mpampianatra ny toy ireo, satria azo ampiasaina amin'ny fanombanana ny mpianatra, azo ampiasaina ho fitaovana anaingana ny lesona, azo atao ohatra sy porofon-kevitra, ary indrindra azo atao ivon'ny vontoatin-desona.

Raha ireo no fitaovana ahafahana misahana ny dingana rehetra amin'ny fizotran'ny lesona atao. Ny amin'ny vontoatin-desona manitikitika ny fahalianana  ao amin'ny mpianatra koa dia tsy misaraka amin'ireo.

### 3.2.4. Ny vontoatin-desona mahaliana

Mahazatra ny mpampianatra maro ny mianina amin'ny famaritana, ny endrika isehoana, ny loharanony rehefa mampianatra lohahevitra iray momba ny riba. Izany rahateo no voasoritra ao amin'ny fandaharam-pianarana. Tsapa anefa hatramin'izao fa tsy mitondra fivoarana ho an'ny mpianatra sy ny fiarahamonina izany endri-javatra izany, ary tsy manentana ny fahalianana ao aminy. Heverinay fa ny fampitodihana ny famakafakana amin'ny seha-piainana samihafa no manentana ny fahalianan'ny mpianatra sy mitondra ho amin'ny fampandrosoana amin'ny lafiny rehetra. Liana ny mpianatra rehefa hitany sy tsapany fa mifandray sy mifamatotra amin'ny fiainana andavanandro ny vontoatin'ny lesona atao. Mahaliana azy ny fahalalana ny fivoarana ara-toe-karena, ara-piarahamonina, ara-pôlitika, ary ara-pinoana entin'ny lohahevitra fakafakaina. Mahaliana azy koa ny fahafantarana izay mety ho faty antoka aterak'izy ireo amin'ny fiainan'ny isam-batan'olona, eo amin'ny fiainam-pianakaviana, eo amin'ny fiainam-pirenena.

Araka izany dia tsara raha anampiana ireo vontoatiny mahazatra ny mpampianatra hatramin'izay ny fitrandrahany ny lafy tsara sy lafy ratsin'ny lohahevitra iray eo amin'ny seha-piainana samihafa. Asehonay anaty fafana maromaro mifanesy ny tolo-kevitra entinay momba izany.

<u>Fafana 16</u> : **NY MARINA**

| Seha-piainana | Lafy tsara | Lafy ratsy |
|---|---|---|
| Sôsialy<br><br><br><br><br>Finoana | -Ny fijoroana amin'ny marina dia maneho toetra mahitsy tsy miolakolaka, ka mampirindra ny fiainam-piarahamonina<br>-Fototry ny fifampitokisana eo amin'ny mpiara-belona<br>-Mitondra fiononana « *Ny marina tsy mba maty* » | -Ny fiezahana hijoro na hikatsaka ny tena marina dia mety hitera-doza sy fahafatesana ho an'izay manao izany indraindray |

<u>Fafana 17</u> : **NY RARINY**

| Seha-piainana | Lafy tsara | Lafy ratsy |
|---|---|---|
| Sôsialy<br><br><br><br>Finoana<br><br><br><br><br><br>pôlitika | -Mitarika ny olona hiroso amin'ny fandanjalanjana sy ny fifanakalozan-kevitra sy fitadiavana azy : « *Fisaka ny rariny ka saro-tadiavina* »<br>-Ny fitadiavana na fijoroana amin'ny rariny dia hery enti-miady amin'ny fanaovan-dratsy. « *Ratsy atao loza mihantona*», ary hery manosika amin'ny fanatanterahana ny adidy aman'andraikitra manandrify « *Soa atao levenam-bola* »<br>-Ny fijoroan'ny rariny eo anivon'ny fiaraha-monina dia fefy amin'ny fanaovan-dratsy manakorontana ny fiainam-piarahamonina.<br>-Ny fisian'ny rariny eo amin'ny fitondram-panjakana dia misakana ny fitongilanana amin'ny ankolafin'olona samihafa | -Mety hiteraka korontana ny fikatsahana ny rariny tonga lafatra, satria samy mijoro amin'izay heveriny ho rariny amin'izany. |

<u>Fafana 18</u> : **NY HITSINY**

| Seha-piainana | Lafy tsara | Lafy ratsy |
|---|---|---|
| pôlitika | Ny fanjakana tena demokratika no ahafahana mametraka ny hitsiny iombonan'ny rehetra, ka miharihary ny fiaraha-mitantana sy ny fiombonana ho eo ambany lalàna iray eo amin'ny mpitondra sy ny vahoaka | - Ny manam-pahefana ara-pitondrana, na ara-pianakaviana, na eo amin'ny ankohonana mazana no mamaritra samirery izay heveriny ho hitsiny<br>- Ny manam-pahefana ara-pitondrana no tena mametraka izay heveriny ho hitsiny araka ny tanjona tianay hotratrarina. Heloka avokoa aminy izay rehetra mifanohitra amin'izany |

<u>Fafana 19</u> : **NY FANAHY**

| Seha-piainana | Lafy tsara | Lafy ratsy |
|---|---|---|
| Finoana | -Ny fananam-panahy mendrika dia mikatsaka firaisana amin'ny hery tsy hita (Andriamanitra)<br>-Ny fitaizana sy ny fikolokoloana ny fanahy amin'ny fomba kristianina dia ahafahana mifanerasera amin'Andriamanitra<br>-Amin'ny kristianina, ny fananana fanahy mendrika dia mitondra fiadanana sy fahasambarana mandrakizay ao ambadik' izao fiainana an-tany izao.<br>-Tamin'ny ntaolo, ny fananana fanahy mendrika toetra amam-pitondran-tena azo avy amin'ny fanabeazana) dia andraisana valisoa amin'ny fiainana an-tany : « *Ny soa atao levenam-bola* » | - Ny fananana fanahy tsy mendrika (ilay tsy mety maty napetrak'Andriamanitra ao amin'ny vatana) dia miteraka fijaliana sy fahoriana mandrakizay.<br>- Ny fananana fanahy tsy mendrika dia mitera-doza eo amin'ny fiainana. « *Ny ratsy atao loza mihantona* » |
| Sôsialy | -Ny fananam-panahy mendrika dia mitarika amin'ny fandalana ny marina, rariny, hitsiny, ka mampirindra ny fiarahamonina. | |

| | | |
|---|---|---|
| | - Ny fanahy dia ahafahana mifehy ny filan'ny vatana izay mety manakorontana ny fiaraha-monina.<br>- Ny fanahy dia fitaovana entina mandanja ny fahendren'ny olona ary enti-mandrefy ny fahalalana ny fitsipi-pitondran-tena ao aminy.<br>- Ny fanandratana ny fanahy maha olona dia mampijoro amin'ny fitsarana ny fitondran-tena eo anivon'ny fiaraha-monina, amin'ny fitsimbinana ny ain'ny tena sy ny ain'ny hafa. | |
| Toe-karena | | - Ny fanahy miantoraka amin'ny fitiavam-bola sy fitiavan-tena diso tafahoatra dia mitodika amin'ny fanaovan-dratsy mandrakariva. |
| Pôlitika | | - Ny fananana fanahy tsy mendrika dia manosika handainga sy hamitaka. Izany dia saika hita amin'ny tontolon'ny pôlitika indrindra amin'ny tany andalam-pandrosoana. Ohatra, teny mamy atao amin'ny fampielezan-kevitra nefa tsy tanterahina, rehefa tonga eo amin'ny fitondrana |

Fafana 20 : **NY TSINY**

| Seha-piainana | Lafy tsara | Lafy ratsy |
|---|---|---|
| Sôsialy sy finoana | -Ny fatahorana ny tsiny dia mandrindra ny fihetsika sy ny fitondran-tenan'ny olona, ka misakana azy tsy hanao ratsy. Muiteraka filaminana eo amin'ny fiainam-piaraha-monina izany.<br>-Mahatonga ny olona hifanaja ny fatahorana ny tsiny. | - Ny fiahiahiana ho voan'ny tsiny dia manimba ny fiadanam-panahy. Ninoana mantsy fa mahavoan'ny tsiny na dia amin'ny hadisoana tsy niniana aza. |
| Toe-karena | | -Misakana ny fandrosoana ara-toe-karena ny fatahorana ny tsiny, satria na dia zavatra tokony hatao izao aza dia tsy sahy ny miroso amin'izany sao voan'ny tsiny. Ohatra : olona mandao anaran-dray noho ny fahateren'ny tany hamokarana tsy azo atao sao voan'ny tsinin-drazana.<br>-Tsy mikaroka ny antony tsy fahombiazany ny olona fa atolany any amin'ny tsiny izany. |
| Pôlitika | -Ny mpitondra fanjakana matahotra ny tsiny dia mifady ny « teniko fa lehibe », mifady ny fanaovana tsinontsinona ny vahoaka. Ny tsiny mantsy tsy mifidy ambony sy ambany.<br>-Ny mpitondra fanjakana miaro tena tsy ho azon-tsiny dia mitombo hasina eo anatrehan'ny vahoaka ka zary hery manamafy ny fahefany izany. | |

Fafana 21 : **NY TODY**

| Seha-piainana | Lafy tsara | Lafy ratsy |
|---|---|---|
| Sôsialy<br>Sy<br>Finoana | - Ny fatahorana ny tody dia misakana ny olona tsy hanao ratsy amin'ny mpiara-belona aminy.<br>- Miteraka fahendrena ny fatahorana. Ary ny fahendrena mitondra amin'ny fanajana ny fitsipi-piarahamonina<br>- Ny finoana ny tody dia mahatonga ny olona hahay hifehy tena tsy hamaly faty amin'izay manao ratsy aminy, fa ampy azy ny miantso tody.<br>- Ny finoana fa mivaly avokoa izay atao rehetra na soa na ratsy, dia mandrisika ny olona hanao ny tsara hatrany, mba ho tody soa no hisy fa tsy tody ratsy. | |
| Toe-karena | - Manosika ny olona hiezaka amin'ny asa famokarana izay ataony ny finoana ny tody satria manody avokoa izay rehetra atao. | |
| Pôlitika | - Ny mpitondra fanjakana mitodika amin'ny tody dia mitandrina tsara amin'ny fomba fiasa sy amin'ny fomba fitondram-bahoaka. Izany no ataony dia fiarovan-tena amin'ny tody ratsy sy fanantenana tody soa.<br>- Rehefa tsy mahazo valin'asa avy amin'ny mpitondra, ny vahoaka, dia manantena ny tody hamaly azy izy ireo. | -Mety hisakana ny vahoaka tsy hioitra amin'ny tsindry hazo lena ataon'ny mpitondra jadona ny fiandrasana sy fianteherana amin'ny tody. |

Fafana 22 : **NY ANJARA**

| Seha-piainana | Lafy tsara | Lafy ratsy |
|---|---|---|
| Sôsialy | - Ny ezaka ataon'ny tsirairay dia ahafahany manova ny anjara toerany sy anjara adidiny eo anivon'ny fiarahamonina | |
| Toe-karena | - Izay mihevitra fa azo hatsaraina ny anjara, dia miezaka mioitra hatrany na dia mandova fahantrana aza izy.<br>- Vokatry ny asa sy ezaka atao ny anjara araka ny fiheveran'ny olona sasany. Izany dia mampijoro azy ireo amin'ny fahavononana hiatrika ny ady tsy maintsy atrehina (ady amin'ny hasarotry ny fiainana). | |
| Pôlitika | -Ny ezaka ataon'ny tompom-pahefana dia ahafahany mitazona ny anjara fahefana eo an-tanany.<br>Ny ezaka ataon'ny tsirairay dia ahafahany manova ny anjara toerany sy anjara adidiny, ary ny anjara fahefany eo anivon'ny fitondram-panjakana. | - Ny finoana ny anjara ho tolotra, fa tsy vokatry ny natao dia misakana ny ezaka tokony hatao eo amin'ny famokarana.<br>- Mampitanondrika ny olona ianja-dian'ny fahantrana ny fiononana amin'ny hoe anjara. Miteraka tsy fiezahana hioitra amin'ny fandre-sena ny fahantrana izany. |

Fafana 23 : **NY LAHATRA**

| Seha-piainana | Lafy tsara | Lafy ratsy |
|---|---|---|
| Toe-karena | -Ny finoana fa hoe nalahatra ho ambonin'ny zavaboary rehetra ny olombelona, dia mahatonga azy hiezaka hifehy azy ireo hoenti- | - Mampiraviravy tanana ny fiheve-rana fa lahatra avy amin' Andriamanitra/vintana ny fanambi-nana sy fahasoavana azo eo |

| | | |
|---|---|---|
| Finoana | manatsara ny fiainana.<br><br>-Ny finoana fa lahatra avy amin' Andriamanitra ny fahavelomana sy ny fahafatesana, ary ny fanambinana eo amin'ny fiainana, dia miezaka mifandray na miantoraka amin' Andriamanitra.<br>-Mampionona ny olona eo anoloan' ny fahafatesan-kavana ny finoana ny lahatra ho tsy azo ihodivirana.<br>-Mitarika ny olona hanoa ny fahefan'Andriamanitra ny finoana ny lahatra. | amin'ny fiainana.<br>-Mahatonga hevi-diso ny fironana betsaka amin'ny lahatra. Na dia tsy fahombiazana vokatry ny tsy fitandremana sy finiavana aza dia atolaka fotsiny amin'ny lahatra. « *Tsy lahatra akory ny fahantrana* » hoy Ingahy Rabetsitonta. |

Fafana 24 : **NY VINTANA**

| Seha-piainana | Lafy tsara | Lafy ratsy |
|---|---|---|
| Sôsialy<br>Toe-karena | -Ananan'ny olona fahefana ny manamboatra ny vintany, noho ny maha-fanahy azy. Ny olona fanahy dia afaka mifehy ny vatana sy ny fo ary ny saina.<br>Tompon'ny vintana izy amin'izany. Afaka mampiasa ny fo sy ny saina ary ny vatana hoentiny manatsara ny fiainany. | -Ny tokantrano rava sy mikorontan-dava, dia atolaka amin'ny hoe mifaniho vintana. |

| | | |
|---|---|---|
| Toe-karena pôlitika | | -Tsy manam-piniavana handresy izay heverina ho vintan-dratsy ny finoana izany : manafoana herim-po, tsy ananam-paharetana eo amin'ny tolona sy ady amin'ny fahantrana sy ny tsy rariny. |
| Toe-karena | | - Izay mino fa ny vintana no mifehy ny fiainany, dia tsy mba mitodika na manome lanja ny finiavana sy ny ezaka amin'ny famokarana atao. |
| Sôsialy pôlitika | Izay mino fa tompon'ny vintana ny olona, dia mahatsiaro ho tompon' andraikitra eo amin'ny fizotran'ny fiainany amin'ny lafin-javatra maro. | |

<u>Fafana 25</u> : **ANDRIAMANITRA**

| Seha-piainana | Lafy tsara | Lafy ratsy |
|---|---|---|
| Sôsialy | -Ny fatahorana an'Andriamanitra dia mampirindra ny fiainam-piarahamonina<br>- Ny finoana an' Andriamanitra dia miaro ny olona tsy hanao ratsy, na amin'ny takona aza. | |
| Toe-karena | -Ny finoana an'Andriamanitra dia manosika amin'ny fiezahana amin'ny famokarana. « Ny hatsembohan'ny tavanao no hihinana ». | |
| Pôlitika | -Ny finoana an'Andriamanitra dia mitarika ny vahoaka hanoa ny mpitondra. « *Tsy misy fahefana raha tsy avy amin'Andriamanitra* ». Izany dia mitarika ny mpitondra hitantana tsara ny fiainam-bahoaka. | |
| Finoana | - Eo anatrehan'ny fahatsapana fa voafetra ny hery, ny fahaizan'olombelona, dia mametraka ny fitokisany an'Andriamanitra hanampy azy ny olona.<br>- Mampitraka ny mitanondrika sy mahabe fanantenana ny | |

| | | |
|---|---|---|
| | maro eo anoloan'ny fahavoazany eto.<br>-Misy hamoahana ny sentom-po sy ny fahorian-tsaina amampanahy.<br>- Mampitony ny ahiahy sy mampandry ny eritreritra ny fahafahana miresaka aminy amin'ny alalan'ny vavaka. | |

Fafana 26 : **NY RAZANA**

| Seha-piainana | Lafy tsara | Lafy ratsy |
|---|---|---|
| Sôsialy | -Ny finoana ny razana dia mahatonga ny olona hitandrina amin'izay ataony eo anatrehan'ny namany, satria matahotra ny tsinindrazana. | |
| Toe-karena | | - Mampisy fandaniana maro tsy toko tsy forohana ny finoana sy fanajana ny razana.<br>- Fandaniana ny fanaovana famadihana, satria omby, vary, lamba maro no tsy maintsy ilaina.<br>- Fandaniana ny fanaovana tranovato (fasana) tsara tarehy, nefa ny tranon'ny velona tsy mba tahaka ireny ny ankamaroany… |
| Pôlitika | - Mahatonga ny olona hanaja ny mpitondra satria ninoan'ny ntaolo fa avy amin'ny razana ny fahefana ananany. | |

Santionany ihany ireo lafy tsara sy lafy ratsin'ny finoana ireo singan-driba samihafa natolotra ireo. Ny mpampianatra tsirairay dia afaka manitatra ireo arakaraka ny seho sy ny trangam-piainana ary ny faritra misy azy avy.

Raha izay no mahaliana amin'ny vontoatin-desona omena ny mpianatra, dia hirosoana manaraka ny mahaliana amin'ny fomba fampitam-pahalalana amin'izy ireo.

### 3.2.5. Fomba fampitam-pahalalana mahaliana

Hanolorana soso-kevitra ny fanatsarana ny endri-pampianarana hita tao amin'ny L.A. sy tao amin'ny L.F.B.A. mba hahatonga ny mpianatra ho liana eo anatrehan'ny fampiharana azy ireo. Manaraka izany, harosonay koa ny paika heverinay fa mitondra fahalianana sy mampandray anjara ny mpianatra.

#### *3.2.5.1. Soso-kevitra hanatsarana ny fomba fampianarana hita atao amin'ny L.A. sy L.F.B.A.*

Misy ny fanatsarana azo aroso amin'ny fampianarana tolotra hita tao amin'ny L.A. sy amin'ny fampianarana mifototra amin'ny ohabolana nampikarohina ny mpianatra hita tao amin'ny L.F.B.A.

Ny zavatra tokony hanaovana ezaka amin'ny fampianarana atao dia ny hananan'ny mpianatra fahalalana, fahaiza-manao, toetra amam-pihetsika mirindra amin'ny fitsipi-piarahamonina izay mazàna mifahatra amin'ny fandalana ny marina, ny rariny, ny hitsiny. Tsy ho tratra mihitsy izany raha tsy mizotra araka ny tokony ho izy ny fomba fampianarana sy ny vontoatin-desona omena ny mpianatra. Ny fiezahan'ny mpampianatra hanao izay hahaliana ny mpianatra mandritra ny fampianarana dia tena antoka amin'ny fahombiazan'ny fampianarana atao. Mbola horesahina betsaka ny amin'izany ao amin'ny fizarana fahatelo izany.

- *Momba ny fampianarana riba hita tao amin'ny L.A*

  Raha tsy maintsy atao fa tsy azo ialana mihitsy ny fampianarana tolotra mifahatra amin'ny fanazavana sy famelabelarana ataon'ny mpampianatra, dia toy izao no soso-kevitra aroso heverinay fa tokony hanatanterahana azy.

  - Atolotry ny mpampianatra eny amin'ny solaitrabe ny drafitra hitondrana ny lesona : ny lohatenin-desona, ny zana-dohateny rehetra hanatanterahana ny lesona. Hoy ny « humoriste américain » : « *Ny fanolorana ny drafitra dia*

*lalana mitondra amin'ny vontoatiny. Ny fisian'ny drafitra tsara rindra dia efa mahatonga ny mpihaino hanana fehin-kevitra sahady* » [29].

- Isaky ny vita ny fanazavana ny zana-dohateny iray ataon'ny mpampianatra, dia omena fotoana hametrahany fanontaniana ny mpianatra. Amin'izay fotoana izay, dia tsy ny mpampianatra irery no mamaly ny fanontaniana fa ny mpianatra afaka manatanteraka izany, dia hamaly ihany koa. Raha tsy misy ny fanontaniana avy amin'ny mpianatra, dia ny mpampianatra no manombana ny mpianatra amin'ny zana-dohateny vita fanazavana.

- Raha vita ny fanazavana ny zava-dohateny rehetra, dia atao ny tombana fitiliana, ka manao fanontaniana ny mpampianatra hoentina mamantatra izay fahalalana voarain'ny mpianatra. Atao izany fanontaniana izany mba handrefesana ny fahatratrarana ny tanjona.

➢ Momba ny fampianarana riba hita tao amin'ny L.F.B.A.

Efa tsara ny fampiasana ohabolana sy fitenenana, kanefa tsy tokony hianina fotsiny amin'izany amin'ny fanatontosana ny lesona.

- Tokony hitarina amin'ny famakafakana ny trangan-javatra misy sy iainana andavanandro ny famakafakana ny lohahevitra trandrahina. Ary amin'izany indrindra no anaporofoana ny mbola mampitombina na tsy mampitombina intsony ireny ohabolana ireny. Ezahina ihany koa ny fampifandraisana ny lesona amin'ny zava-misy iraisam-pirenena mihitsy aza raha azo atao. Tokony ho fitaovana iaingana fotsiny ny ohabolana fa tsy fitaovana amaharana tanteraka amin'ny fanazavana ny vontoatin-desona manontolo.
- Manaraka izany dia tokony hojerena akaiky ny fivoaram-piainana sy ny fivoaram-pisainana eo amin'ny fiarahamonina ka mety manova na mampitsimbadika ny foto-pisainana amin'ny fandraisana ireny ohabolana ireny.

[29] André CONQUET, ***Comment faire un exposé***, Editions du Centurion 17, rue de Babylone, Paris 7 : « *Faire le plan, « l'itinéraire qui conduit au trésor caché », dit un humoriste américain. Avec un bon plan, l'auditoire est guidé insensiblement vers la conclusion* ».

### *3.2.5.2. Ny paika mampanangon-kevitra ny mpianatra*

Efa voalaza fa miara-dalana mandrakariva ny fahalianana sy ny fandraisana anjara mandritra ny lesona. ny paika fampanangonan-kevitra ny mpianatra no nofidinay sy heverinay fa ahazoana manatontosa tsara izany. Misy fomba roa miavaka tsara ahazoana manao izany dia ny fanangonan-kevitra amin'ny mpianatra tsirairay sy ny fanangona-kevitra amin'ny tarika. Toy izao manaraka izao ny ambangovan'ny fanatanterahana izany.

| **Fanangonan-kevitra** | **Famakafakana** | **Famenoan-kevitra** |
|---|---|---|
| | **Famerenana** | |
| Angon-kevitra azo avy amin'ny mpianatra tsirairay na avy amin'ny tarika | - Hazavain'ny mpianatra na solontenan'ny mpianatra ny heviny<br>- Afaka manampy fanazavana izay te hanao izany<br>- Afaka manontany ny rehetra<br>- Omena lanja ny hevitra marina<br>- Ahitsy ny hevitra mila izany<br>- Arodana ny hevitra mivaona tanteraka | Atao ny famenoana ny hevitra azo avy amin'ny mpianatra mba hahatomombana tsara ny vontoatin-desona. Na atolotry ny mpampianatra avy hatrany izany rehefa tery ny fotoana, na tantanany aloha ny mpianatra hahita izany. |
| | **Tombana fitiliana** | |

<u>Fafana 27</u> : Ny dingana eo amin'ny fandrafetan-desona

Raha idirana lalindalina kokoa ny fomba fanatanterahana, dia toy izao no endrika ahitana izany.

| **Angon-kevitra amin'ny mpianatra tsirairay** | **Angon-kevitra amin'ny tarika** |
|---|---|
| Fanolorana ny lohahevitra hianarana<br>Filazana ny tanjona hotratrarina amin'ny lesona.<br>Fanomezana ny drafitry harahina amin'ny lesona.<br>Fanomezana ny toromarika hanatanterahana ny lesona. | |
| Fanoloran'ny mpianatra tsirairay ny heviny eny amin'ny solaitrabe | Fifanakalozan-kevitra ao amin'ny tarika tsirairay<br>Fanolorana ny hevitry ny tarika eny amin'ny solaitrabe |

| |
|---|
| Famakafakana ny hevitra voaangona : ny tompon-kevitra no manazava ny heviny mialoha<br>Afaka manampy fanazavana izay te hanao izany<br>Afaka manao fanontaniana izay te hanao izany<br>Afaka mitsikera izay te hanao izany<br>Afaka miezaka manohana ny heviny ny tompon-kevitra raha tsy mahafa-po ny fitsikerana<br>Manaraka ny famakafakana miaraka ny hevitra voaangona avy amin'ny mpianatra, dia irosoana indray ny famenoana ny hevitra mba hahafahana manatratra tsara ny tanjona napetraka hotratrarina.<br>Faranana amin'ny tombana fitiliana sy ny fandraisan'ny mpianatra ny lesona ao anaty kahie ny fampianarana. |

Fafana 28 : Ny andinindininy amin'ny fampianarana miainga amin'ny angon-kevitra

Toy izao kosa ny ambangovangon'ny seho iray maharitra ora roa amin'ny fanaovana asa an-tarika raha aseho amin'ny fafana.

| Fanasokajiana ny fotoana | Asa ataon'ny mpampianatra | Sahan'asa atrehina | Tanjona |
|---|---|---|---|
| Tapa-potoana voalohany (mpampianatra) | - Mitsinjara ny andraikitra ny mpianatra<br>- Manazava<br>- Mampirisika | Fanolorana ny asa hatao / sehatra hatrehina | - Fampahafantarana ny sehatra, ny olana<br>- Fampirisihana hitady hevitra<br>- Fanolorana ny fitsipidalao |
| Tapa-potoana faharoa (mpianatra) | Manara-maso ny asan'ny mpianatra ka manitsy avy hatrany rahatoa ka tokony hatao avy hatrany izany. | Fikarohana hevitra na vahaolana ho entimandrindra ny asa atao | - Mianatra miara-miasa sy mifanakalo hevitra.<br>- Mahay miara-maneho hevitra sy miaramitady vahaolana. |
| Tapa-potoana fahatelo (iombonana) | Mandrindra ny fandraisampitenenana | - fiatrehana ny zavaboasoraty ny sokajy tsirairay.<br>- Fanazavan'ny tarika ny heviny<br>- Tsikera sy fifanakalozan-kevitra, ary fifanampiana sy fampifamenoankevitra | - Fahaiza-maneho hevitra sy manazava izany eo imasom-bahoaka<br>- Fampivelarana ny fahaiza-manohana ny hevitra aroso |

<u>Fafana 29</u> : Ny fizotran'ny asa isan-tarika

Marihina fa :

- misy ny fandrindrana an-tsoratra eo anivon'ny tarika tsitairay mandritra ny fifanakalozan-kevitra ifanaovany.
- Misy ihany koa ny fandrindrana an-tsoratra ny hevitra vita famakafakana. Ny mpitan-tsoratra isan-tsokajy sy ny mpampianatra no miara-mifarimbona amin'izany.
- Mandray an-tsoratra ao amin'ny kahieny ny mpianatra.

Izao manaraka izao indray ny tolo-kevitra aroso momba ny fitantanana ny fotoana mandritra ny seho iray maharitra ora roa :

- famerenana : 10 mn
- fanangonan-kevitra : 20 mn
- famakafakana : 60 mn
- tombana fitiliana : 10 mn
- fandraisan'ny mpianatra ny lesona : 20 mn

## 3.3. FANATANTERAHANA NY FAHALIANANA SY NY FANDRAISANA ANJARA

Ny lohahevitra momba ny FANAHY sy ny VINTANA no noraisina hanaovana fampiharana. Toy izao manaraka izao no nanatontosana izany. Hojerena voalohany ny seha-piainana idiran'ny lohahevitra ampianarina.

### 3.31. Fampahatsiahivana ny seha-piainana idiran'ny lohahevitra ampianarina

Indro haseho amin'ny fafana ny seha-piainana idiran'ireo lohahevitra roa, dia ny FANAHY sy ny VINTANA.

| lohahevitra | seha-piainana mifandray amin'ny lohahevitra |
|---|---|
| N<br>Y<br><br>F<br>A<br>N<br>A<br>H<br>Y | - Eo anatrehan'ny firongatry ny faharatsiana maro samihafa fahita ankehitriny : fandrobana, vonoana olona, herisetra, fitaka, soloky.. aiza ho aiza ny fipetraky ny fananam-panahy ?<br>- Ny fanampiana ny ory sy ny mahantra fadiranovana eo amin'ny fiainany : fananam-panahy ve no manosika hanao izany sa antony hafa ?<br>- Ny fananana harena eo amin'ny ankohonana na eo amin'ny firenena : toe-panahy ananana ve no mahatonga izany sa zavatra hafa ?<br>- Ny kabary pôlitika : toe-panahy manao ahoana no manosika hamoaka azy ireny ?<br>- Raha mihamahantra ny vahoaka, ny mpitondra sy ny mpanam-bola vitsy an'isa kosa tsy mitsaha-mitombo harena : aiza ho aiza ny endriky ny fananam-panahy amin'izany ? |
| N<br>Y<br><br>V<br>I<br>N<br>T<br>A<br>N<br>A | - Ny fahasamihafan'ny toetra amam-pihetsika eo amin'ny tsirairay : miditra an-tsehatra amin'izany ve ny vintana ?<br>- Ireo toe-javatra heverina fa ratsy mihatra amin'ny fiainana toy ny fahantrana, tsy fahafaham-panadinana : vintan-dratsy ve izany ?<br>- Ny mpivady mivady hatramin'ny fahafatesany : izany ve no atao hoe miara-bintana ? Miditra an-tsehatra amin'izany ve ny fandeferana ?<br>- Ny mpivady misaraka na sahirana : izany ve no atao hoe mifaniho vintana ?<br>- Ny fahaizana sy ny tsy fahaizana eo amin'ny mpianatra, ny fahasalamana sy ny aretina : todin'ny natao, sa vintana ?<br>- Azo fehezina ve ny vintana ?<br>- Ny elanelan-karena misy noho ny fandovana tsy mitovy : vintana ve no mamaritra izany ?<br>- Raha misy mpamboly iray nandalovan'ny havandra minitra vitsy monja ny famboleny dia potika avokoa : tsiny ve izany sa vintan-dratsy ?<br>- Ny fari-pahalalana tsy mitovy vokatry ny tsy fitovian'ny toe-karena, vintana ve no mamaritra izany ?<br>- Ny zaza notaizana tao anaty fahantrana, nefa tafita amin'ny fiainana noho ny fikirizany : ny fikirizany tokoa ve no anton'ny fahombiazany sa tsara vintana izy ?<br>- Ny harena sy ny fahantrana : todin'ny natao sa fehezin'ny vintana ? |

Fafana 30 : Ny seha-piainana idiran'ireo lohahevitra nampianarina

Mba hahatomombana tsara ny fampianarana atao, dia tsara raha atodika amin'ny seha-piainana samihafa ifamatorany ny lohahevitra ampianarina. Ohatra ihany no aroso eto amin'ny endrika fafana, fa anjaran'ny mpampianatra ny mampivelatra azy arakaraka ny faritra sy ny trangan-javatra misy eo amin'ny fiainam-piarahamonina.

### 3.3.2. Ny tanjona napetraka hotratrarina

Tsy afa-misaraka amin'ny fampitam-pahalalana ny fanoritana mazava ny tanjona hotratrarina amin'izany. Toy izao no nanoritsoritana izany tamin'ny lesona izay natao.

| **tanjona** | **ny fanahy (L.A)** | **ny vintana (L.F.B.A)** |
|---|---|---|
| Ankapobeny | Mpianatra mahay mandanjalanja ny fihetsiny sy vonon-kiroso amin'izany amin'izay rehetra ataony sy amin'ny fifandraisany amin'ny manodidina azy. | Mpianatra manaiky ny fahasamiha-fana eo amin'ny lafiny kolon-tsaina ary tsy manao izany ho sakana amin' ny fampivelarana ny tena sy ny manodidina |
| Ara-pahalalana | Mpianatra mahafantatra amin'ny ankapobeny ny toe-javatra mano-didina ny fanahin'ny olombelona :<br>• Ireo singa fototra ao amin'ny olona ka misy ifamatorany amin' ny fanahy ;<br>• famaritana samihafa misy momba ny fanahy ;<br>• ny endrika samihafa isehoan'ny fanahy ;<br>• ny ambaratonga telon'ny fana-nam-panahy teo amin'ny ntaolo.<br>• ny lanjan'ny fananam-panahy eo amin'ny fampivoarana. | Mpianatra mahafantatra ny lafin-javatra manodidina ny vintana :<br>• famaritana ny vintana<br>• ny loharano nisehoan'ny vintana ;<br>• ny fiheveran'ny Malagasy ny vintana ;<br>• ny lanjan'ny finoana ny vintana manoloana ny fampandrosoana<br>• ny vintan'andro sy ny vintan' olombelona ;<br>• ny fombafomban'ny fanandroana<br>• ny vintana mifanaraka sy mifandratra |
| Ara-pahaiza-manao | - Mpianatra mahay mandajalanja ny fihetsiny eo anivon'ny fiaraha-monina misy azy : ny fiteny, ny fijery, ny fomba fanatanterahana ny asa aman-draharaha, ny fitondran-tena aseho vahoaka…<br>- Mpianatra mahay manazava amin'ny hafa izay mombamomba ny fanahin'olombelona. | - Mpianatra mahay manazava amin'ny hafa ny momba ny vintana sy ny finoana amam-piheverana mikasika izany.<br>- Mpianatra mahay mandrindra ny fiainany miroso amin'ny fampan-drosoana ny fiainany sy ny fiainam-piarahamonina manoloa-na ny fisian'ny finoana ny vintana |
| Ara-toetra amam-pihetsika | Mpianatra tia sy miezaka mandan-jalanja ny fihetsiny rehetra eo amin' ny fifandraisany amin'ny mpiara-belona aminy sy eo amin'ny fane-hoana toetra mendrika mampivoatra ny tenany | Mpianatra miezaka mandanjalanja tsara ny toetra amam-pihetsiny mba tsy handratra fo ny mpiara-belona aminy sy tsy hisakana ny fampan-drosoana ny tenany sy ny fiaraha-monina manoloana ny fahalalana ananany momba ny vintana |

Fafana 31 : Ny tanjona amin'ireo fampianarana natao

Raha ireo àry ny tanjona napetraka hotratrarina tamin’ireo lohatenin-desona roa ireo, dia hirosoana manaraka ny dingana nanatontosana azy.

### 3.3.3. Ny fizotran’ny fampianarana tarafina amin’ny telozoron’ny haifampianarana

Tsara ny manamarika fa ny fomba nanatanterahana ny fampianarana aompana amin’ny telozoron’ny haifampianarana no aroso eto fa ny antsipiriany amin’ny fanatontosana dia hita any amin’ny zana-toko manaraka. Aroso mifanesy ireo seho roa nanatanterahana azy ireo.

#### *3.3.3.1. Ny seho voalohany*

Angon-kevitra avy amin’ny tsirairay no iaingana ato amin’ny seho voalohany. Hofintinina amin’ny fafana roa ny fizotran’ny fampianarana. Ny voalohany maneho ny famolaham-pahalalana ary ny faharoa ahitana ny paika ampitam-pahalalana.

| **lohatenin-desona L.A. :**<br>**ny fanahy (SEHO I)** | **lohatenin-desona L.F.B.A. :**<br>**ny vintana (SEHO I)** |
|---|---|
| *Fahalalana natolotra ny mpianatra*<br><br>- Singa fototra ao amin'ny olona izay mifamatotra amin'ny fanahy : vatana, saina, eritreritra, hevitra.<br><br>- Famaritana ny fanahy :<br>• Fitaovana enti-mieritreritra<br>• Fitaovana enti-misaina<br>• Fitaovana enti-manahy<br>• Fomba entina mitondra tena amin'ny fifanfraisana amin'ny hafa.<br>• Singa fototra ifandraisan'ny olona amin'Andriamanitra<br>• Fitaovana entin'ny mpanoratra sy ny poeta mifandray amin'ny andriamanitry ny poezy (Muse)<br><br>- Endrika isehoan'ny fanahy<br>• Malemy fanahy<br>• Tsara fanahy<br>• Anti-panahy<br>• Tanora fanahy<br>• zaza fanahy / Fanahin-jaza<br>• Fotsy fanahy<br>• Very fanahy<br>• Lany fanahy<br>• Maty fanahy | *Fahalalana natolotra ny mpianatra*<br><br>- Famaritana ny vintana :<br>• Hery napetrak'i Zanahary hifehy sy handrindra izao rehetra izao, noraisin'ny tsirairay teo ampahaterahany avy tamin'ny taratry ny kintana milahatra eny amin'ny habakabaka tamin'ny andro nahaterahana.<br>• Ny vintana dia kisendra-sendram-piainana<br><br>- Loharanony :<br>• Avy amin'Andriamanitra<br>• Avy amin'ny kintana<br>• Avy amin'ny tody<br><br>- Endrika isehoany :<br>• Tsara vintana<br>• Ratsy vintana<br>• Mahery vintana<br>• Malemy vintana<br><br>- Fiheverana malagasy momba ny vintana<br>• Azon'ny mpanandro fehezina<br>• Misy mihevitra fa ny vintana no mifehy ny fiainan'ny olona<br>• Misy mihevitra fa ny olona no mifehy ny vintana<br><br>- Ny lanjan'ny finoana azy manoloana ny fampandrosoana : raha mihevitra ny olona fa ny vintana no mifehy ny fiainany, dia manjary sakana amin'ny fampandrosoana ny fiainany izany.<br>- Ampidirina eto ny mahaliana amin'ny vontoatiny nomena tany aloha (3.2.2.) |

Fafana 32 : Ny famolaham-pahalalana

| **lohatenin-desona L.A. :**<br>**ny fanahy (SEHO I)** | **lohatenin-desona L.F.B.A. :**<br>**ny vintana (SEHO I)** |
|---|---|

| FAMERENANA | | |
|---|---|---|
| Angon-kevitra atolotry ny mpianatra tsirairay | Famakafakan-kevitra iarahan'ny mpianatra sy ny mpampianatra manao | Famenoan-kevitra iarahan'ny mpianatra sy ny mpampianatra manao |
| TOMBANA | | |

Fafana 33 : Ny paika enti-mampita fahalalana

| **lohatenin-desona L.A. :**<br>**ny fanahy** | **lohatenin-desona L.F.B.A. :**<br>**ny vintana** |
|---|---|
| • Mamaly ny fanontaniana ataon'ny mpampianatra<br>• Manolotra hevitra mifandraika amin'ny lohahevitra hianarana.<br>• Manazava ny hevitra natolotra.<br>• Manampy ny fanazavana ataon'ny namana raha ilaina.<br>• Manao fanontaniana amin'ny namana manazava raha ilaina.<br>• Manolotra hevi-baovao amin'ny fotoanan'ny famenoan-kevitra.<br>• Mamaly ny fanontaniana rehetra atao amin'ny tena. | |

Fafana 34 : Ny paika enti-mandray fahalalana

### *3.3.3.2. Ny seho faharoa*

Angon-kevitra avy amin'ny tarika no iaingana amin'ny seho faharoa. Koa satria mitovy amin'izay niseho tao amin'ny seho voalohany ihany ny paika enti-mampita sy ny paika enti-mandray fahalalana, dia ny famolaham-pahalalana ihany no aroso eto amin'ireo karazam-pifandraisana telo.

| **lohatenin-desona L.A. :**<br>**ny fanahy (SEHO II)** | **lohatenin-desona : L.F.B.A.**<br>**ny vintana (SEHO II)** |
|---|---|
| *Fahalalana natolotra ny mpianatra*<br><br>- Ambaratongan'ny fananam-panahy teo amin'ny ntaolo :<br>• Fanahy tahotra<br>• Fanahy henatra<br>• Fanahy fahendrena<br><br>- Ny lanjan'ny fananam-panahy eo amin'ny fampandrosoana :<br>• Mampirindra ny fiainam-piarahamonina.<br>• Mampahazo antoka ny fiainan'ny tsirairay.<br>• Afaka samy manantena handray ny vokatry ny fisasarany ny tsirairay.<br>• Mikaroka hevitra hanatsarana ny fiainan'ny hafa ny olona manam-panahy.<br>• Ny olona manam-panahy dia manao ny marina mandrakariva, ka mahafaly ny olona manodidina azy.<br>• Ny fananana fanahy mendrika dia mahatonga ny olona ho : be fitiavana, hanam-pifaliana lalandava, ho mora fanahy.<br>▪ Ampidirina eto avokoa izay rehetra hita mikasika ny fanahy efa natolotra tany aloha momba ny mahaliana amin'ny vontoatin-desona (§ 3.2.2.) | *Fahalalana natolotra ny mpianatra* :<br><br>- Ny vintan'andro : araka ny finoana, ny andro tsirairay avy dia samy manana ny vintany vokatry ny kintana mandefa taratra avy eny amin'ny habakabaka.<br><br>- Ny vintan'olombelona : araka ny finoana, ny vintan'andro nahaterahan'ny olona iray no mamaritra ny vintan'ny olona, ka io vintana io no mitondra ny fizotran'ny fiainany manontolo : tsara io dia inoana fa ho sambatra ilay olona, ratsy io dia ho sahiran-dava ny fiainany. Lazaina fa raha mazava ny lanitra ka mamiratra ny kintana amin'ny andro ahatera-hana dia hamiratra ny fiainan'ilay olona, fa raha manjombona kosa ny lanitra ka takona na mitsilopy ny kintana dia hanjombon-dava ny fiainany.<br><br>- Ny fombafomban'ny fanandroa-na :<br>• Ny mpanandro no mahafehy azy. Ny anaram-bolana roa ambin'ny folo no amoahany ny tonom-bina rehetra. Misy ny renim-bitana sy zana-bintana.<br><br>- Samy manana ny hevitra entiny ny andro sy ny vintan'andro tsirairay<br>• Vintana mifanaraka sy mifan-dratra : mifandratra, na mifaniho, na mifanipaka ny vintana raha mifanitsy eo amin'ny zoro na eo amin'ny lafiny.<br>▪ Mifanaraka kosa ny vintana rehefa tsy mifanipaka. (§3.2.2.) |

Fafana 35 : Ny fifandraisana iavahan'ny fampianarana natao

### 3.3.4. Fanatanterahana fampianarana mivantana

Samy nanatanterahana ireo endri-pampianarana roa ireo na tao amin'ny L.A, na tao amin'ny L.F.B.A, araka ny hita eo ambony. Ny lesona momba ny FANAHY sy ny VINTANA no nampiharana izany. Hojerena mifanesy eto àry ny fisehon'ireo endri-pampianarana roa ireo.

#### *3.3.4.1. Ny fampianarana miainga amin'ny angon-kevitry ny tsirairay*

Haseho ary hofakafakaina tsirairay ny lesona roa notanterahina tamin'io fomba fampianarana io.

- **Tao amin'ny L.A : NY FANAHY**

- ***Famerenana***

F : Inona no vokatry ny finoana ny tsiny sy ny tody teo amin'ny fiainam-piarahamonina ?
Vn : Nampilamina sy nampirindra ny fiainam-piaraha-monina.
F : Ny inona no mampilamina ny fiainam-piarahamonina kokoa : ny finoana ny tsiny sy ny tody ve sa ny fametrahana fehezan-dalana samihafa toy ny fahita ankehitriny ?
Vn : Nizara roa ny mpianatra : nisy nilaza fa ny finoana ny tsiny sy ny tody no mampilamina kokoa ; nisy indray nilaza fa ny fanajana ny didy amam-dalàna.
→ Samy mahomby na ny fatahorana ny tsiny sy ny tody na ny fanajana ny didy aman-dalana ka tokony hampiasaina miaraka.

- ***Fanolorana ny tanjona*** [30]

- ***Fanolorana ny drafitra***

• Ireo singa fototra hita ao amin'ny olombelona ka misy ifandraisany amin'ny fanahy.
• Famaritana ny fanahy.
• Ny endrika isehoan'ny fanahy.

- ***Fanangonan-kevitra***

Ireto no hevitra voangona tamin'ny mpianatra :
• Momba ny singa fototra mifamatotra amin'ny fanahy (1)

1- Ny tenan'ny olombelona
2- Ny saina
3- Ny eritreritra
4- Ny hevitra

---

[30] Jereo ny andininy 3.3.2.

• Momba ny famaritana ny FANAHY

1- Fitaovana entina mieritreitra ny fanahy

2- Ny fanahy dia zavatra tsy hita maso amin'ny olona ka mandeha any amin'Andriamanitra rehefa maty izy

3- Ny fanahy dia zavatra ao amin'ny olona entiny mihevitra izay hataony.

4- Zavatra entin'ny olona misaina sy mandinika.

5- Ny fanahy dia izay mampiavaka ny olona amin'ny biby.

6- Ny fanahy dia zavatra mahatonga ny olona hatahotra na ho hendry.

7- Ny fanahy no maha-olona.

8- Ny fanahy dia zavatra ao anatin'ny olona mibaiko ny fitondran-tenany.

• Momba ny endrika isehoany (3)

1- Tsara fanahy

2- Ratsy fanahy

3- Fanahim-biby

4- Malemy fanahy

**** Famakafakana***

| ***Fanazavana ataon'ny mpianatra tompon-kevitra*** | ***Fanampim-panazavana, fanitsiana avy amin'ny mpianatra sy ny mpampianatra*** |
|---|---|
| (1) 1-Ny tenan'ny olombelona dia hita maso azo tsapain-tanana fehezin'ny fanahy mitoetra ao aminy | 1-Raha vao miteny hoe vatana dia tsy azo sarahina aminy ny taova ao anatiny, toy ny fo…Ny fo dia fototry ny fanirian'ny olombelona ary foiben'ny fiontanana mahatonga ny fanahy hankahala na hangoraka |
| 2-Ny saina no ahafahan'ny olona mikaro-kevitra samihafa. | 2-Ny hevitra vokarin'ny saina dia sivanin'ny fanahy. Ny fanahy no mandanjalanja na mety na tsy mety na azo atao na tsy azo atao. |
| 3-Ny eritreritra dia zavatra ao anaty mandinika ny zavatra natao sy mbola hatao. | 3-« *Aleo enjehin'ny omby masiaka toy izay enjehin'ny eritreritra* ». Ny eritreritra araka |

| | |
|---|---|
| | izany dia feo mangina ao anaty mitsara ny toetra amam-pihetsika rehetra naseho masoandro. |
| 4-Ny hevitra dia mipoitra avy amin'ny fampiasana ny saina | 4-Ny hevitra vokarin'ny saina dia sivanin'ny fanahy. |
| (2) 1-Fitaovana entina mieritreritra ny fanahy : ieritretana ny zavatra hatao, ny zavatra mety hiseho…<br><br>2-Ny fanahy dia zavatra ao amin'ny olona entiny mihevitra izay hataony.<br><br>4-Toe-javatra entina misaina sy mandinika ny zavatra atao mba tsy hanaonao foana<br><br>6-Ny fanahy dia ny zavatra mahatonga ny olona hatahotra na ho hendry | 1-2-4-6 → Fanjaitra<f-an-j/zaitra<br>Fangady<f-an-g/hady<br>Fanilo<f-an-ilo<br>Fanahy<f-an-ahy<br>f- :tovona famoronana anarana na fitaovana<br>-an- : tovona vakiny tsy miova entina ilazana asa atao<br>→ Fanjaitra : fitaovana entina manjaitra<br>(…)<br>Fanahy : fitaovana entina manahy<br>- Misy rafi-kevitra vitsivitsy hita amin'ny fototeny ahy<br>• ahy<ko : izay tena mahakasika ny tena<br>• ahy<miahy : mikarakara izay hahasoa<br>• ahy<ahiahy : tebiteby na tahotra amin'ny fahatanterahan'ny toe-javatra iray na tsy fahatanterahany.<br>Ara-piforonan-teny : Ny fanahy dia fitaovana enti-mikarakara izay hahasoa ny tena, mitondra amin'ny tahotra na tebiteby amin'izay tsy fetezan-javatra na tsy fahatanterahana.<br><br>Hevitra mitatra : Ny fanahy dia fitaovana entina misaina sy mandinika, mitsara izay atao ; entina mandanjalanja ny mety sy ny |

| | |
|---|---|
| | tsy mety, ny ratsy sy ny tsara, ny tokony hatao sy ny tsy tokony hatao. |
| 5-Ny fanahy dia izay mampiavaka ny olona amin'ny biby : ahalalany henatra sy tahotra<br>7- Ny fanahy dia toe-javatra manavaka ny olombelona.<br>8-Ny fanahy dia zavatra ao anatin'ny olona mibaiko ny fitondran-tenany : io no mitarika azy hanao ny tsara na ny ratsy. | 5-7-6-Fomba na fitaovana enti-mitondra tena amin'ny fifandraisana amin'ny manodidina. |
| 3- Ny fanahy dia zavatra ao amin'ny olona ka mankany amin'Andriamanitra rehefa maty ilay olona | 3-Amin'ny kristianina : ny fanahy dia singa fototra mandrafitra ny maha-olona izay ifandraisany amin'Andriamanitra, ary mankany amin'Andriamanitra rehefa maty ny olona. |
| ***Famenoan-kevitra** (2)* | <u>Eo amin'ny sehatry ny literatiora</u><br>Ny fanahy dia fitaovana entin'ny mpanoratra sy ny poeta mifandray amin'ny andriamanitry ny poezy antsoiny hoe « Muse ». |
| (3)1.*Tsara fanahy* : manao soa olona, mampifalifaly sy manampy ny hafa.<br>2.*Manam-panahy* : soa fanahy, tsara toetra<br>3.*Ratsy fanahy* : mpampahory olona, manao zava-dratsy amin'ny hafa<br>4.*Fanahim-biby* : mitovy toetra amin'ny biby<br>5.*Malemy fanahy* : be fandeferana | 1-Ny olona tsara fanahy dia olona tsara fo, tsara toetra.<br>2-Manam-panahy = tsara fanahy<br>3-Ratsy toetra<br>4-Mitondra tena tahaka ny biby : tsy mahalala menatra, tsy mataho-tody<br>5-Malemy paika, mora ifanarahana |

**** Famenon-kevitra***(3)

- *Anti-panahy* : matotra, mahay mitondra tena tsara
- *Tanora fanahy* : tsy mbola mahay mandanjalanja tsara ny fihetsiny.

- *Zaza fanahy / Fanahin-jaza* : mitondra tena tahaka ny zaza
- *Fotsy fanahy* : tsy tsara fitondran-tena
- *Very fanahy* : very hevitra, tsy mahafantatra izay hatao.
- *Lany fanahy* : lany haika, tapi-dalan-kaleha
- *Maty fanahy* : maty eritreritra, mpanao ratsy tsy enjehin'ny eritreriny

*__Fanombanana__

F-Endrika manao ahoana no isehoan'ny fanahin'ny olona manatanteraka ireto zavatra ireto ?

| Hetsika | Endrika isehoan'ny fanahy |
|---|---|
| F- Mandroba fananan'olona ? | Vn- Ratsy fanahy |
| F- Mamono olona | Vn- Maty fanahy |
| F- Mandany fotoana amin-javatra tsy mitera-boka-tsoa ? | Vn- Fanahin-jaza |
| F- Mitady hevitra hanatsara ny fiainany nefa tsy tafavoaka ? | Vn- Lany fanahy |
| F- Ny mpanao pôlitika tsy manatanteraka ny teny nataony tamin'ny fampielezan-kevitra ? | Vn- Fotsy fanahy |

F- Inona no ataon'ny saina eo anoloan'ny fanirian'ny fo ?
Vn- Mikaroka hevitra ny saina hanatanteraka ny filan'ny fo.
F- Inona no ataon'ny fanahy manoloana ny hevitra vokarin'ny saina ?
Vn- Manivana, mandanjalanja.

**Endriky ny lesona noraisin'ny mpianatra an-tsoratra**

**NY FANAHY**

1°- Ireo singa fototra mandrafitra ny maha-olona ka misy ifamatorany amin'ny fanahy

Hoy ny ntaolo : « Ny fanahy no maha-olona ». Foto-javatra mamaritra ny maha-olona ny fanahy araka izany ka tsara raha fantarina aloha ireo singa hafa mandrafitra ny maha-olona ka misy ifamatorany amin'ny fanahy.

***a- ny vatana*** : bolongan-javatra hita maso sy azo tsapain-tanana itoeran'ny fanahy. Raha vao miresaka vatana anefa dia tsy afa-misaraka amin'ny taova ao anatiny toy ny fo…Ny fo dia fototry ny fanirian'ny olombelona ary foibem-piontanana izay mahatonga ny fanahy hankahala, hangoraka, ho tia, hialona…

***b- ny saina*** : ny saina no ahafahan'ny olona mikaroka hevitra. Ny hevitra vokarin'ny saina dia sivanin'ny fanahy. Ny fanahy no mandanjalanja na mety na tsy mety ; na azo atao na tsy azo atao.

***d- Ny eritreritra*** : « *Aleo enjehin'ny omby masiaka toy izay enjehin'ny eritreritra* ». Ny eritreritra araka izany dia feo mangina ao anaty mitsara ny toetra amam-pihetsika rehetra natao.

**2°- Famaritana**

***a- Ara-piforonan-teny*** :

ny *fanahy* dia mitovy firafitra amin'ny teny hoe *fanjaitra*, *fangady*, *fanilo*, avy amin'ny matoanteny avokoa ireo ka ny <u>m-</u> mifanolo amin'ny <u>f-</u>, ary samy milaza ny enti-manao :

*Fanjaitra* < *f-an-j/zaitra*

*Fangady* < *f-an-h/gady*

*Fanilo* < *f-an-ilo*

*Fanahy* < *f-an-ahy*

<u>f-</u> : tovona famoronana anarana na fitaovana

<u>-an-</u> : tovona vakiny tsy miova entina ilazana asa atao

Noho izany : ny *fanjaitra* dia fitaovana enti-manjaitra ;
ny *fangady* dia fitaovana enti-mangady
ny *fanilo* dia fitaovana enti-manilo

ny *fanahy* dia fitaovana enti-manahy

Misy rafi-kevitra vitsivitsy hita amin'ny fototeny *ahy* :

*Ahy / -ko* = izay tena mahakasika ny tena

*Ahy < miahy* = mikarakara izay hahasoa

*Ahy < ahiahy* = tebiteby na tahotra amin'ny fahatanterahana na tsy fahatanterahan'ny toe-javatra iray.

*Ahy < manahy* = mieritreritra ny fisehoana na tsy fisehoan-javatra. <u>Ohatra</u> : manahy ny fiavian'ny orana.

→ Ny fanahy dia fitaovana enti-mikarakara izay hahasoa ny tena, mitondra amin'ny tahotra na tebiteby amin'izay tsy fetezan-javatra na tsy fahatanterahan-javatra.

***b- Ara-pitaran-kevitra*** :

Ny fanahy dia fitaovana entina misaina sy mandinika, mitsara izay atao ; entina mandanjalanja ny mety sy ny tsy mety, ny ratsy sy ny tsara, ny tokony hatao sy ny tsy tokony hatao. Fomba entina mitondra tena amin'ny fifandraisana amin'ny hafa ary fitaovana mampiavaka ny olona amin'ny biby.

***d- Eo amin'ny sehatra maha-kristianina*** :

ny fanahy dia singa fototra mandrafitra ny maha-olona izay ifandraisany amin'Andriamanitra. Mankany amin'Andriamanitra rehefa maty ny olona.

***e- Eo amin'ny sehatry ny literatiora*** :

Ny fanahy dia fitaovana entin'ny mpanoratra sy ny poeta mifandray amin'ny andriamanitry ny poezy antsoiny hoe MUSE.

**3°- Endrika isehoan'ny fanahy**

- *Malemy fanahy* : malemy paika, mora ifanarahana, mandefitra
- *Tsara fanahy* : manao soa olona, mampifalifaly ny hafa, manampy ny hafa.
- *Anti-panahy* : matotra, mahay mitondra tena tsara
-*Tanora fanahy* : tsy mbola mahay mandanjalanja tsara ny fihetsiny, na ny fiteniny eo anoloan'ny manodidina azy.
-*Zaza fanahy / Fanahin-jaza* : tsy matotra, mitovy toetra amin'ny zaza.

(Any amin'ny takila 87-91 ny tohiny).

- **Tao amin'ny L.F.B.A : NY VINTANA**

- ***Famerenana***

F- Inona moa no azo amaritana ny atao hoe tody ?

Vn1 : Ny tody raha raisina ara-bakiteny dia fiverenana.

Vn2 : Ny tody dia fiverenan'ny zavatra natao na soa na ratsy ?

F- Manao ahoana ny toetry ny tody ?

V1- Ny tody dia tsy maintsy mivaly.

V2- Ny tody tsy azo sorohina.

F- Manahoana avy ny endrika isehoan'ny tody ?

Vn- Tsara, ratsy

- ***Fanolorana ny lohateny*** : NY VINTANA
- ***Fanolorana ny drafitra*** [31]
- ***Fanolorana ny tanjona***

• Famaritana – Loharanony – Toetrany.

• Fiheveran'ny malagasy ny vintana.

• Ny lanjan'ny finoana azy manoloana ny fampandrosoana.

- ***Fanangonan-kevitra***
    - Momba ny famaritana (1)

1- Ny vintana dia zavatra kisendrasendra.

2- Ny vintana dia hery avy amin'ny kintana.

3- Ny vintana dia toe-javatra raisina avy amin'ny asan'ny kintana.

4- Ny vintana dia ny anjara raisin'ny olona araka ny tonon'androny.

- Momba ny loharanony (2)

1- Avy amin'Andriamanitra.

2- Avy amin'ny kintana.

- Momba ny fiheveran'ny malagasy azy (3)

1- Fantatry ny mpanandro.

---

[31] Jereo ny andininy 3.3.2.

2- Iankinan'ny fahatsarana sy faharatsian'ny fiainana.

3- Mandrindra ny fiainan'ny olona.

4- Hery mitantana ny olon tsirairay amin'ny fiainany.

5- Mahery nefa azon'ny olon fehezina.

- Momba ny lanjan'ny finoana azy manoloana ny fampandrosoana

Mionona amin'izay zava-misy amin'ny fiainany ny olona ka tsy mihevitra ny fiezahana hanatsara izany.

- ***Famakafakana***

| Fanazavana ataon'ny mpianatra tompon-kevitra | Fanampim-panazavana, fanitsiana avy amin'ny mpianatra sy ny mpampianatra |
|---|---|
| -<u>Momba ny famaritana</u><br>1-Ny vintana dia zavatra kisendrasendra : tsy misy fandaharana mialoha ifanarahana. | 1-Ny vintana dia kisendrasendram-piainana. « Tolo-kena maty jiro ka vintana no andrasana » |
| 2-Ny vintana dia hery avy amin'ny kintana ; ny karazan-kintana miseho eny amin'ny lanitra amin'ny andro ahaterahana no mamaritra ny vintan'ny olona<br>3-Ny vintana dia toe-javatra raisina avy amin'ny asan'ny kintana miantefa amin'ny zava-boary ny herin'ny kintana. | 2-3-Ny vintana dia hery napetraky ny Zanahary mba hifehy sy handrindra izao rehetra izao, noraisin'ny tsirairay teo am-pahaterahany avy tamin'ny herin'ny kintana, nilahatra teny amin'ny habakabaka tamin'ny andro nahaterahana. Ny arabo no nampiditra ny finoana ny vintana teto Madagasikara. |
| 4-Ny vintana dia anjara raisin'ny olona araka ny tononon'androny : ny andro ahaterahan'ny olona no mifehy ny vintana | 4-Ny taratry ny kintana eny amin'ny habakabaka isan'ny andro dia mampisy ny atao hoe vintan'andro ary ny vintan'andro ahaterahan'ny olona no mamaritra koa ny vintany. |
| -<u>Momba ny loharano</u><br>1-Avy amin'Andriamanitra : satria Izy no | 1-Avy amin'Andriamanitra na Zanahary. |

| | |
|---|---|
| nahary ny olombelona tsirairay. | Hoy Rahajarizafy milaza izany ao amin'ny ***filôzôfia malagasy*** : « *Anjara avy amin' Andriamanitra nahary tongotra aman-tanana ny vintana* ». Hoy koa A. Razafitsalama ao amin'ny ***finoana sy fombany*** : « *Ny vintana tsy azao atao hoe mosavin'olona, fa anjara avy amin'Andriamanitra* ». |
| 2-Avy amin'ny kintana : satria ny kintana no mandefa taratra amin'ny olona ka mahatonga azy ho tsara na ratsy vintana | 2-Voalaza fa mandefa taratra izay misy ankony amin'ny zava-boary ety an-tany ireny kintana ireny arakaraka ny fipetrany ka izany no mamaritra ny vintan'andro sy ny vintan'ny olona tsirairay. Nefa iza moa no nandahatra ireny kintana ireny ? Tsy Andriamanitra ve ? |

***Famenon-kevitra**

Avy amin'ny tody ny vintana : ny anjara sy ny vintana dia vokatry ny lalan'ny tody, todin'ny natao teo amin'ny fiainana efa lasa rehetra, na ara-batana, na amin'ny aina, ka mihatra ankehitriny sy amin'ny ho avy eo amin'ny fiainana. Izay mikiry hanatsara ny fiainany dia afaka mifehy ny vintany.

| | |
|---|---|
| - <u>Momba ny toetrany</u><br>1-Tsara : tsara vintana no ilazana ny olona sambatra<br>2-Ratsy vintana ny olona sahirana sy mijaly | 1-Tsara vintana : raha iverimberenan'ny fahasoavana matetika<br>2-Ratsy vintana : raha ifanotofan'ny zava-dratsy foana ny fiainana. |

***Famenon-kevitra***

Misy koa ny antsoina hoe Mahery vintana : ny olona teraka alakaosy dia lazaina fa mahery vintana ary dia natao teo am-bavahady lalovan'ny omby, ka raha velona amin'izany dia taizana. Hoy Randriambololona ao amin'ny loharano : « Samy manana ny vintany sy ny anjarany ny olon tsirairay avy raha vao tonga eto an-tany, ka misy ny mahery vintana na ratsy vintana… misy ny tsara vintana ».

| | |
|---|---|
| <u>Momba ny fiheveran'ny Malagasy ny vintana</u> | |
| 1-Fantatry ny mpanandro : ny mpanandro no mahalala ny mombamomba ny vintana. | 1-Azon'ny mpanandro fehezina ny vintana manala ny vintan-dratsy, manarina ny vintana malemy, manatsara ny efa tsara. |
| 2-Iankinan'ny fahatsarana sy faharatsian'ny fiainan'ny olona ny vintany<br><br>3-Mandrindra ny fiainan'ny olona : sambatra ny olona tsara vintana fa mijaly ny olona ratsy vintana. | 2-3-Hevitry ny Ntaolo : ny vintana sy ny anjara no mibaiko ny fiainan'ny olona<br>-Hevitra ankehitriny : ny olona no tompon'ny vintana. Hoy Joseph Rakotonirainy ao amin'ny ***Tsaran'ny razantsika*** « *Tamin'ny andron'ny tsy fahalalana dia ninoana fa ny vintana sy ny anjara no mibaiko ny olona, fa ankehitriny kosa dia ny olona no tompon'ny vintana* » |
| 4-Hery lehibe mitantana ny fiainan'ny olona tsirairay. | 4- Hery tsy azon'ny olombelona toherina. « Raha vinta-ko faty tsy mba hay tazonina ary raha vintan-ko velona tsy mba hay vonoina ». |
| 5-Mahery nefa azon'ny olona fehezina | 5-Manana fahefana hanamboatra ny vintany amin'ny alalan'ny mpanandro na amin'ny alalan'ny ezaka hanatsaray ny fiainany ny olona. |
| <u>Momba ny lanjan'ny finoana azy manoloana ny fampandrosoana</u><br>1-Mionona amin'izay zava-misy amin'ny fiainany ny olona ka tsy miezaka intsony hanarina na hanatsara izany satria efa izay no vintany. | 1-Raha mihevitra ny olona fa ny vintana no mifehy ny fiainany dia manjary manohana ny fampandrosoany ny fiainany izany. Hoy Andrianjohany Olivier : « *Tsy sahy mandray andraikitra feno eo amin'ny fiainany ny ankamaroan'ny olona ankehitriny, hany ka miantehitra amin'ny kisendrasendra.* »<br>(§ 3.3.2.) |

***Tombana***

F-Ireo toe-javatra ratsy mihatra amin'ny fiainana : fahantrana, tsy fahafaham-panadinana. Vintana ratsy vokatry ny tsy fiezahana no mahatonga izany.

V-Nisokatra ny adihevitra teo amin'ny samy mpianatra ka tao ny nilaza fa ny vintan-dratsy no tena mahatonga izany satria na dia miezaka amin'ny fianarana aza dia misy ny tsy fahombiazana indraindray.

Tao indray ny nilaza fa matoa tsy afa-panadinana, dia mbola tsy mahazo vahatra tsara ny fahalalana fototra tokony hananana, na misy ny tsy fitandremana, na misy ny tsy fiezahana mihitsy…

**Endriky ny lesona noraisin'ny mpianatra an-tsoratra**

**NY VINTANA**

**1-Fitarihan-teny**

Finoana nampidirin'ny arabo teto Madagasikara ny finoana ny vintana. Manampy ny Malagasy tamin'ny fanazavana ireo toe-javatra miseho eo amin'ny fiainany izany. Misy mantsy ireo milaza fa tsy tompon'ny fiainany ny olombelona satria efa voarindra sy voalahatra mialoha ny fiainany. Ao kosa ireo manizingizina fa tompon'antoka tanteraka amin'ny fiainany ny olombelona. Misy indray ny fiheverana fahatelo mandravona ireo fomba fijery roa ireo, izany hoe sady tompon'antoka amin'ny fiainany ny olombelona, nefa mino ihany koa ny fisian'ny hery hafa izay mifehy sy mibaiko ny fiainany toy ny vintana. Tafiditra ao anatin'ny fiheverana fahatelo ity ny Malagasy.

**2-Famaritana**

Ny teny hoe vintana dia avy amin'ny Indonezianina iraisana (INC-BITANG) izay midika hoe kintana.

- Ny vintana dia hery mitoetra napetrak'i Zanahary mba hifehy sy handrindra izao rehetra izao, noraisin'ny tsirairay teo am-pahaterahany avy tamin'ny taratry ny kintana milahatra eny amin'ny habakabaka tamin'ny andro nahaterahana.
- Ny vintana dia kisendrasendram-piainana. « *Tolo-kena maty jiro ka ny vintana no andrasana* ».

**3- Ny loharanony**

- Ny vintana dia avy amin'Andriamanitra na Zanahary. Hoy Rahajarizafy ao amin'ny ***Filôzôfia malagasy*** : « *Anjara avy amin'Andriamanitra nahary tongotra aman-tanana ny vintana* ».
- Avy amin'ny kintana : ny vintan'ny olona iray na ny mety ho fizotran'ny fiainany dia miankina amin'ny fipetraky ny kintana teny amin'ny lanitra tamin'ny andro nahaterahany. Andriamanitra nahary ny kintana sy mandahatra azy eny amin'ny habakabaka, ny kintana mandefa ny tarany ety amin'ny zava-boary, ka na Andriamanitra, na ny kintana dia samy azo lazaina ho loharanon'ny vintana avokoa.

- Avy amin'ny tody : ny anjara sy ny vintana dia vokatry ny lalan'ny tody, todin'ny natao tamin'ny fiainana efa lasa na ara-batana na ara-tsaina na ara-toe-karena, ka mihatra ankehitriny sy amin'ny ho avy. Izay mikiry hanatsara ny fiainany dia afaka mifehy ny vintany.

**4- Toetrany / Endrika**

- Tsara vintana : raha iveirimberenan'ny fahasoavana matetika ny olona dia lazaina fa tsara vintana.
- Ratsy vintana : raha ifanotofan'ny ratsy kosa dia heverina fa ratsy vintana.
- Mahery vintana : ny olona teraka alakaosy fahiny dia nosokajiana ho mahery vintana. Heverina fa hanolaka ny fianakaviany izany olona izany ka napetraka teo am-bavahady lalovan'ny omby. Raha maty dia izay maty izay, fa raha velona kosa dia taizana ihany.
- Malemy vintana : tsy mahandry ho tsindrian'ny vintan'ny sasany ka itongilanan'ny tsy fahombiazana amin'ny zavatra iaraha-manao.

**5- Ny fiheverana malagasy momba ny vintana**

- Azon'ny mpanandro fehezina ny vintana : manala ny vintan-dratsy, manarina ny vintana malemy, manalefaka ny vintana mahery, manatsara ny vintana efa tsara.
- Fironan-kevitra fahiny : ny vintana no mibaiko ny fiainan'ny olona.
- Fironan-kevitra ankehitriny : misy mihevitra fa ny olona no mifehy ny vintana.
Hoy i Joseph Rakotonirainy ao amin'ny ***Tsaran'ny razantsika*** : « *Tamin'ny andron'ny tsy fahalalana dia ninoana fa ny vintana sy ny anjara no mibaiko ny olona, fa ankehitriny kosa dia ny olona no tompon'ny vintana* ».
- Ny vintana dia noheverina fa hery tsy azon'ny olona toherina : « raha vintan-ko faty tsy mba hay tazonina ary raha vintan-ko velona tsy mba hay vonoina ».

**6- Ny lanjan'ny finoana azy manoloana ny fampandrosoana**

Raha mihevitra ny olona fa ny vintana no mifehy ny fiainany, dia manjary sakana amin'ny fampandrosoana ny fiainany izany. Hoy Andrianjohany Olivier : « *Tsy sahy mandray andraikitra feno eo amin'ny fiainany ny ankamaroan'ny olona ankehitriny, hany ka miantehitra amin'ny kisendrasendra* ».

Raha toy izany ny fomba nampiharana ny F.M.F.A.1, dia hirosoana manaraka indray ny fomba nampiharana ny F.M.F.A.T.

Fanamarihana : ampidirina eto avokoa izay rehetra hita any amin'ny vontoatin-desona mahaliana (§ 3.2.2.) momba ny vintana.

#### *3.3.4.2. Ny fampianarana miainga amin'ny angon-kevitry ny tarika*

Toy ny natao tamin'ny paikam-pampianarana voalohany, haseho mifanesy eto ireo lesona roa nampiharana ity paikam-pampianarana faharoa ity.

- **Tao amin'ny L.A : NY FANAHY**

- ***Famerenana***

F : Inona avy ireo singa fototra mandrafitra ny maha-olona

Vn : Ny vatana, ny saina, ny eritreritra, ny fanahy.

F : Ahoana ny famaritana ny fanahy eo amin'ny fiforonan-teny ?

Vn : Ny fanahy dia fitaovana enti-mikarakara izay hahasoa ny tena, ahalalana tahotra sy mampitebiteby amin'ny zavatra mety ho avy.

F : Fanahy manao ahoana no ao amin'ny olona mamono tena ?

Vn : Olona maty fanahy no mamono tena.

- ***Fampahatsiahivana ny tanjona***

- ***Fanolorana ny drafitra***

Lohateny : NY FANAHY

Zana-dohateny : - Ny ambaratonga telon'ny fanahy mendrika teo amin'ny ntaolo
- Ny lanjan'ny fananam-panahy eo amin'ny fampivoarana

- ***Fizarana ny mpianatra ho tarika***

Nozaraina tarika 6 ny mpianatra izay samy nahitana mpianatra 7 na 8 avy.

Ny tarika 1$^{er}$ –2$^{ème}$-3$^{ème}$ : nitrandraka ny ambaratonga telon'ny fananam-panahy teo amin'ny Ntaolo.

Ny tarika 4$^{ème}$-5$^{ème}$-6$^{ème}$ : nitrandraka ny lanjan'ny fananam-panahy eo amin'ny fampivoarana.

- ***Fanomezana ny toromarika nanatanterahana ny asa***

Fanazavana ny andraikitry ny mpandrindra ny asan'ny tarika : mandrindra ny fandraisam-pitenenana, mikajy ny fotoana, manao izay hisian'ny filaminana…

Asaina misy mandray an-tsoratra ny vokatry ny fifanakalozan-kevitra isaky ny tarika.

- ***Miroso amin'ny fifanakalozan-kevitra ny tarika***

- ***Fanoloran'ny tarika ny heviny eny amin'ny solaitrabe***

Toy izao no hevitra voaangona :

- Momba ny ambaratongan'ny fananam-panahy mendrika
  - Tarika 1er (T1) :-zaza fanahy –tanora fanahy-anti-panahy
  - T2 : Fanahy tahotra-Fanahy henatra-Fanahy fahendrena
  - T3 : Tsara fanahy-Malemy fanahy-Anti-panahy.

- Momba ny lanjan'ny fananam-panahy eo amin'ny fampandrosoana
  - T4 :- Mampirindra ny fiainam-piaraha-monina
    - Mahatonga ny fiainan'ny olona tsirairay ho azo antoka
  - T5 :- Afaka samy manatena handray ny vokatry ny fisasarana nataony ny tsirairay
    - Mikaroka hevitra hanatsarana ny fiainan'ny hafa ny olona manam-panahy.
  - T6 : Ny olona manam-panahy dia manao ny marina mandrakariva ka mahafaly ny olona manodidina azy.

* ***Famakafakana***

| Fanazavan'ny tompon-kevitra | Fanampim-panazavana sy fanitsiana |
|---|---|
| <u>Momba ny ambaratongan'ny fananam-panahy mendrika</u><br>T1- Mandalo amin'ny fahazavana dia miampita amin'ny fahatanorana ary miafara amin'ny fahanterana ny fiainan'ny olona. Dia mba toy izany koa ny ambaratongam-panahy. | -Marina tokoa fa samy maneho ambaratongan-panahy ny hoe : zaza fanahy→tanora fanahy→anti-panahy sy ny hoe tsara fanahy → malemy fanahy → anti-panahy.<br>Fa teo amin'ny Ntaolo dia hita taratra |

| | |
|---|---|
| T2- • Fanahy tahotra : mahatonga ny olona hiaro ny ainy<br>• Fanahy henatra : mahatonga ny olona hahalala henatra<br>• Fanahy fahendrena : mahatonga ny olona hanana toetra mendrika.<br>T3- Ny olona tsara fanahy no afaka hanana fahalemem-panahy ary ny olona malemy fanahy no tonga amin'ny atao hoe fahateram-panahy. | mazava ny fanasokajiana ho 3 ny fananam-panahy heverina ho mendrika. Ireto avy izy ireo :<br>-Ny fanahy tahotra : fitaovana ampiasaina hitsimbinana ny aina. Sarobidy taminy ny aina ka hoy izy « Ny mahery tsy maody tsy ela velona »<br>Ny fanahy henatra : mbola noheverin'ny Ntaolo ho ambony noho ny aina ny henatra ka hoy izy : « Aleo maty toy izay menatra olona ». Misy ny fanahy henatry ny tena : ny feon'ny fieritreretana no mibaiko azy.<br>• Misy ny fanahy henatry ny hafa : ny henatra ny manodidina no manosika amin'ny fananana azy.<br>-Ny fanahy fahendrena : fitaovana entin'ny olona mahay mampifanaraka ny fihetsiny, ny ataony, amin'ny fitsipiky ny fiaraha-monina. |
| -<u>Momba ny lanjan'ny fananam-panahy eo amin'ny fampandrosoana</u><br>T4 :-Mirindra ny fiaian'ny fiaraha-monina rehefa manam-panahy mendrika ny olona.<br>-Mizotra tsara araka izay tiany ny fiainan'ny olona tsirairay rehefa tsara fanahy daholo ny olona manodidina azy | Marina avokoa ireo voalaza rehetra ireo satria :<br>- Natao hivoatra ny fiainan'ny olombelona. Adidin'ny tsirairay amin'ny maha manam-panahy azy ny manatsara ny fiainany sy ny manatsara koa ny fiainan'ny fiaraha-monina. Hoy ny ohabolana : « *Lanja miakatra ny fiainana* »<br>« *Aleo joko mihasolanga toy izay solanga mihajoko* ». |
| T5 : - Tsy hisy hanimbasimba na hangalatra | - Ny olona manam-panahy dia mijoro |

| | |
|---|---|
| ny asa famokarana rehetra atao rehefa manam-panahy avokoa ny olona.<br>- Mikaroka hevitra hanatsarany ny fiainany sy ny fiainan'ny hafa ny olona tsara fanahy, tsy maneho fitiavan-tena. | amin'ny fitandroana ny marina, rariny, hitsiny. Izany dia mampirindra ny fiainan'ny fiaraha-monina ka mitondra amin'ny fampivoarana ny fiainana ara-piaraha-monina |
| T6- Manao ny marina ny olona manam-panahy ary mitondra voka-tsoa eo amin'ny fiaraha-monina izany. | - Ny olona manome lanja be ny fomba fifandraisany amin'ny manodidina azy, dia mizotra mankany amin'ny fampivoarana ny fiainam-piaraha-monina amin'ny lafiny rehetra. |

***Famenoan-kevitra***

Tsy misy ny famenoan-kevitra fa ny fanazavana amin'ny antsipiriany no hamafisina tsara araka ireo efa voalaza ireo.

***Fanombanana***

F : Amin'ireo ambaratonga telo nanasokajian'ny Ntaolo ny fananam-panahy heverina fa tsara ka tokony hananana. Fananam-panahy inona no manentana ny fanaovana ireo zavatra manaraka ireto :

| Hetsika | Karazam-panahy (valiny azo) |
|---|---|
| - Fanampiana ny kamboty sy ny mahantra mila izany.<br>- Ny fitsaboana ny aretina<br>- Ny fanaovana fitafiana maontina sy mihaja | - Fanahy fahendrena<br>- Fanahy tahotra<br>- Fanahy henatra |

**Endriky ny lesona noraisin'ny mpianatra an-tsoratra**

**NY FANAHY** (tohiny)

**4- Ny ambaratongan'ny fanahy mendrika araka ny fanasokajian'ny ntaolo azy**

Maro tsy tambo isaina ny karazam-panahy fahita eo amin'ny olona. Ao ny fanahy mendrika ary ao koa ny fanahy tsy mendrika. Tamin'ny Ntaolo dia nosokajiany ho ambaratonga telo ny fanahy mendrika tokony hananana

***a- Ny fanahy tahotra***

Ny fanahy tahotra dia fitaovana ampiasaina hitsimbinana ny aina. Ny zaza menavava sy ny akala no tsy mahalala mitsimbina ny aina, izany hoe tsy mahalala matahotra. Sarobidy ny aina hoy indrindra ny Ntaolo. « *Ny mahery tsy maody tsy ela velona* »

***b- Ny fanahy henatra***

Tsy ampy hitsarana ny fahaiza-mitondra tena eo anivon'ny fiaraha-monina ny fananana tahotra na ny fitsimbinana ny aina fotsiny. Mbola misy zavatra ambonin'ny aina teo amin'ny Ntaolo, ka hoy indrindra izy : « *Aleo maty toy izay menatra olona*.». Ny fahaverezana na ny fialan'ny hasina maha olona no mitondra amin'ny henatra.

Koa ny fanahy henatra dia fitaovana fitandroana ny hasina maha-olona.

- Misy ny fanahy henatry ny tena : ny fanamelohan'ny feon'ny fieritreretana no mitondra amin'ny fananana azy io.
- Misy fanahy henatry ny hafa : ny fanamelohan'ny fiaraha-monina sy ny fiarovana ny hasina maha-olona no manentana amin'ny fananana azy.

***d- Ny fanahy fahendrena***

Fitaovana entin'ny olona mahay mampifanaraka ny fihetsiny, ny ataony, amin'ny fitsipiky ny fiaraha-monina. Dingana faratampony amin'ny fananam-panahy izy ity ary sarotsarotra ny fananana ity ambaratongam-panahy ity.

**5- Ny lanjan'ny fananam-panahy eo amin'ny fampandrosoana**

Natao hivoatra ny fiainan'ny olombelona. Adidin'ny tsirairay amin'ny maha manam-panahy azy ny manatsara ny fiainany sy manatsara koa ny fiainan'ny fiaraha-monina. Hoy ny ohabolana :

« *Lanja miakatra ny fiainana*. »

« *Aleo joko mihasolanga, toy izay solanga mihajoko*.»

- **Tao amin'ny L.F.B.A. : NY VINTANA**

Mialoha ny hirosoana amin'ny dingana nanatontosana ny lesona, dia hatolotra indray aloha ny fitaovana nampiasaina nentina nanatanteraka ny lesona.

- ***Fitaovana niaingana***

Angon-kevitra no fitaovana fototra ampiasaina nanatanterahana ny lesona. Ny tarika tsirairay no nasaina naneho ny heviny teny amin'ny solaitrabe rehefa avy nomena fotoana niarahany nidinika sy nifanakalo hevitra momba ny zavatra nasaina nataony avy.

- ***Famerenana***

F : Inona moa ny vintana ?

V1 : Hery napetrak'i Zanahary hifehy sy handrindra izao rehetra izao, noraisin'ny tsirairay teo am-pahaterahana avy amin'ny taratry ny kintana.

V2 : Ny vintana dia kisendrasendram-piainana.

F :Avy aiza ny vintana / ny loharanon'ny vintana ?

V1 : Ny vintana dia avy amin'Andriamanitra.

V2 : Ny vintana dia avy amin'ny kintana.

F : Raha misy olona nandova fahantrana, ka rehefa niezaka izy, dia afaka mampivelatra ny fiainany. Ny ezaka nataony ve no nampivelatra ny fiainany sa miditra amin'izany ny hoe tsara vintana ?

V1 : Ny ezaka nataony no nampiova ny fiainany.

V2 : Tsara vintana izy satria na dia miezaka mafy aza izy hampiova ny fiainany, raha tsy tsara vintana izy dia tsy hisy fahombiazana.

- ***Fampahatsiahivana ny tanjona*** (Efa any amin'ny SEHO I)

- ***Fanolorana ny drafitra***

Lohateny : Ny vintana

Zana-dohateny : - Ny vintan'andro sy ny vintan'olombelona

- Ny fombafomban'ny fanandroana

- Ny vintana mifanaraka sy mifandratra.

- ***Fizarana ny mpianatra ho tarika***

Nozaraina ho tarika sivy (09) ny mpianatra ka samy nisy mpianatra 6 avy afa tsy tarika iray (01) misy mpianatra fito (07).

- Ny tarika $1^{er}$ –$2^{ème}$-$3^{ème}$ : nitrandraka ny vintan'andro sy ny vintan'olona
- Ny tarika $4^{ème}$-$5^{ème}$-$6^{ème}$ : nitrandraka ny fombafomban'ny fanandroana
- Ny tarika $7^{ème}$-$8^{ème}$-$9^{ème}$ : nitrandraka ny vintana mifandratra sy mifanaraka

- ***Fanomezana ny toromarika hanatanterahana ny asa***

Fanazavana ny andraikitry ny mpandrindra ny asan'ny tarika : mandrindra ny fandraisam-pitenenana, mikajy ny fotoana, manao izay hisian'ny filaminana…Asaina misy mandray an-tsoratra ny vokatry ny fifanakalozan-kevitra isaky ny tarika.

- ***Miroso amin'ny fifanakalozan-kevitra ny tarika tsirairay***

- ***Fanoloran'ny tarika ny heviny eny amin'ny solaitrabe*** :

Toy izao no hevitra voaangona :

**1-Momba ny vintan'andro sy ny vintan'olombelona**

T1 : - Ny vintan'andro : tsy mitovy ny vintan'andro tsirairay avy, misy ny alakaosy, alakarabo

- Ny vintan'olombelona : arakaraka ny kintana eny amin'ny lanitra amin'ny andro ahaterahana : raha mamiratra ny kintana dia mamiratra koa ny fiainan'ilay olona, raha rakotra rahona ny lanitra dia manjombon-dava ny fiainany.

T2 : - Ny vintan'andro dia omena anarana toy ny hoe alakaosy.

- Ny vintan'olombelona : ny fipetraky ny kintana eny amin'ny lanitra no mamaritra ny vintan'ny olona.

T3 : - Ny vintan'andro : tsy mitovy ny vintan'andro tsirairay.

- Ny vintan'olombelona : misy tsara vintana, misy ratsy, misy mahery sy malemy.

**2-Momba ny fombamomban'ny fanandroana**

T4 : Ny mpanandro no mahalala ny momba ny fanandroana

T5 : Ny olona tsirairay samy manana ny vintany ary azon'ny mpanandro arenina.

T6 : Misy atao hoe renim-bintana, misy koa ny atao hoe zana-bintana. Misy andro mahery, andro tsara, andro ratsy.

**3-Momba ny vintana mifanaraka sy mifandratra**

T7 : Izay vintana mitovy, ohatra, samy tsara, dia mifanaraka, fa izay tsy mitovy kosa dia mifandratra, ohatra, mahery sy malemy.

T8 : Tsy mifanaraka ny vintana samy hafa : malemy sy mahery.

T9 : Mifanaraka ny vintana rehefa mitovy, fa mifandratra rehefa tsy mitovy.

***Famakafakana***

| Fanazavan'ny tompon-kevitra | Fanampim-panazavana sy fanitsiana |
|---|---|
| Momba ny vintan'andro sy vintan'olombelona<br>T1 : - Ny vintan'andro : tsy mitovy ny vintan'andro tsirairay fa manana ny azy. Misy ny atao hoe alakaosy.<br>- Arakaraka ny kintana eny amin'ny lanitra amin'ny andro ahaterahana : raha mamiratra ny kintana dia mamiratra koa ny fiainan'ilay olona, raha rakotra rahona ny lanitra dia manjombon-dava ny fiainany.<br><br>- T2 : - Ny vintan'andro dia omena anarana toy ny hoe alakaosy.<br>- Ny vintan'olona dia faritan'ny fipe-traky ny kintana eny amin'ny lanitra<br>- T3 : - Ny vintan'andro : tsy mitovy ny vintan'andro tsirairay.<br>- Ny vintan'olombelona : misy tsara vintana ka ambinina amin'ny atao, misy ratsy, misy mahery sy malemy ka tsy ambinina ; misy mahery vintana ka manin- | - Vintan'andro :<br>Araka ny finoana, ny andro tsirairay avy dia heverina fa samy manana ny vintany vokatry ny kintana mandefa taratra avy eny amin'ny habakabaka<br>- Vintan'olombelona :<br>Araka ny finoana ihany, ny vintan'andro nahaterahan'ny olona iray no mamaritra ny vintan'ny olona, ka io vintana io no mitondra ny fizotry ny fiainany manontolo : tsara io dia inoana fa sambatra ilay olona, ratsy io dia ho sahiran-dava ny fiainany. Lazaina fa raha mazava ny laintra ka mamiratra ny kintana amin'ny andro ahaterahana dia hamiratra ny fiainan'ilay olona, fa raha manjombona kosa ny lanitra ka takona na mitsilopilopy ny kintana dia hanjombon-dava ny fiainany. |

| | |
|---|---|
| dry izay malemy vintana raha miara-manao zavatra iray.<br><br>Momba ny fombafomban'ny fanandroana<br>T4 : Ny mpanandro no mahalala ny mombamomba ny fanandroana.<br>T5 : Azon'ny mpanandro arenina ny vintan'ny olona.<br>T6 : Misy atao hoe renim-bintana, misy koa ny atao hoe zana-bintana. Misy andro mahery, andro tsara, andro ratsy. | <br><br><br><br>Ny anaram-bolana roa ambin'ny folo no amoahan'ny mpanandro ny tonom-bitana rehetra.<br>Nolovaina tamin'ny arabo ny anaram-bolana 12 :<br>Alahamady Asorotany<br>Adaoro Alahasaty<br>Adizaoza Asombola<br>Adimizana Adijady<br>Alakarabo Adalo<br>Alakaosy Alohotsy<br>Ireo anaram-bolana 12 ireo no ampifandimbiasina hizara ny taona. Ireo ihany koa no orim-bintana apetraka amin'ny vazantany efatra sy ny lafin-javatra hafa toy ny trano…Alahatra tsitelotelo izy ireo ka ny lohalaharana isan-tokony no atao hoe renim-bintana ary ny sisa kosa atao hoe zana-bintana. |

***Famenon-kevitra***

**Ny hevitra entin'ny vintan'andro tsirairay** :

Alahamady : andro mahery — Asorotany : andro mafy

Adaoro : andro mandoro — Alahasaty : andro mpamosavy

Adizaoza : andro tsara ihany — Asombola : mpila vola


Adimizana : tsy maty vonoina — Adijady : andro mafy

Alakarabo : androm-boa — Adalo : be alahelo

Alakaosy : andro mahery — Alohotsy : tsy marim-ponenana

**Ny andro sy ny vintana entiny**

Alakamisy = manantena hisy
Zoma = andro mainty
Sabotsy = andro mibontsina
Alahady = andro mahery
Alatsinainy = andro mena
Talata = andro gorobaka
Alarobia = tsy miverina




**Mari-bolana** :

| | | |
|---|---|---|
| **ALM** : Alahamady | ADR : Adaoro | ADZ : Adizaoza |
| **ASR** : Asorotany | ALS : Alahasaty | ASB : Asombola |
| **ADM** : Adimizana | ALR : Alakarabo | ALK : Alakarabo |
| **ADJ** : Adijady | ADL : Adalo | ALH : Alohotsy |

| | | |
|---|---|---|
| Vv : vava | Vt : vonto | Vd : vody |

**Kisarin'ny fipetraky ny vintana ao an-trano**

**Momba ny vintana mifanaraka sy mifandratra**

| | |
|---|---|
| T7 : - mifandratra : vintana tsy mitovy<br>- mifanaraka : vintana mitovy<br>T8 : - mifandratra : vintana mahery sy malemy<br>T9 : mifandratra : vintana tsy mitovy<br>Mifanaraka : vintana mitovy | Mifandratra, mifaniho na mifanipaka ny vintana raha mifanipaka eo amin'ny zoro na eo amin'ny lafiny<br>Ohatra : Alahamady =/= Adimizana<br>Adizaoza =/= Alakaosy<br>Mifanaraka kosa ny vintana rehefa tsy mifanipaka<br>Ohatra : Adaoro = Adizaoza<br>Adalo = Alohotsy |

***Tombana***

F : Ny mpivady mivady hatramin'ny fahafatesana : inona no tena mahatonga izany ?

Miara-bintana ve sa ny fifanajana sy ny fifandeferana no betsaka tao amin'izy ireo ?

### 3.4. FAMAHAVAHANA NY FAMPIANARANA RIBA MIOMPANA AMINNY FAHALIANANA SY NY FANDRAISANA ANAJARAN'NY MPIANATRA

Ireo lamin-kevitra maromaro efa nambara tany aloha ihany no hanompanana ny fanadihadiana. Hofaranana amin'ny fandraisana tsoa-kevitra samihafa izany.

#### 3.4.1. Famahavahana aompana amin'ny asa fampianarana

Nezahina notanterahina avokoa ny asa fampianarana nofaritan'i De LANDSHEERE araka ny ahitana azy ao amin'ny fafana. Maneho ny fanomezana vahana ny fandraisana anjaran'ny mpianatra eo ambany fitarihan'ny mpampianatra izany.

| **asa fampianarana** | **fomba fampianarana miainga amin'ny fanangonan-kevitra avy amin'ny tsirairay** | **fomba fampianarana miainga amin'ny fanangonan-kevitra avy amin'ny tarika** |
|---|---|---|
| asa fandaminana | - Fizarana ny lohahevitra ho seho roa<br>- Fandrindrana ny fandehanan'ny mpianatra haneho ny heviny eny amin'ny solaitrabe<br>- Fandrindrana ny fandraisam-pitenenana | - Fizarana ny lohahevitra ho seho roa<br>- Fizarana ny mpianatra ho sokajy maromaro<br>- Fitsinjarana ny andraikitra ao anaty sokajy<br>- Fandrindrana ny fandraisam-pitenenana |
| asa fampiorenam-paka | - Fanaovana fanontaniana entina manangon-kevitra<br>- Fanaovana fanontaniana entina manadihady<br>- Fanaovana fanontaniana entina manetsika ny fahalalana efa ananan'ny mpianatra hoentiny mandray zavatra mbola tsy hainy<br>- Fanaovana fanontaniana mitodika amin'ny tanjona hotratrarina | |
| asa fampivelarana | - Fanentanana ny mpianatra haneho hevitra sy hanontany izay tsy azony.<br>- Fitantanana ny mpianatra ho afaka hamoaka tsara ny hevitra ananany.<br>- Fitarihana ny mpianatra hahay hamaha izay olana apetraka mikasika ny lohahevitra ianarana.<br>- Tarihina ny mpianatra hahay hitsikera<br>- Fitarihana ny mpianatra hahay hifanakalo hevitra<br>- Fitarihana ny mpianatra hahay hiady hevitra. | |
| asa fanavahana | - Fampandraisana anjara ny mpianatra hita fa malaindaina amin'ny fanehoan-kevitra.<br>- Fampandraisana anjara matetika ny mpianatra be tabataba.<br>- Fampandraisana anjara matetika ny mpianatra votsa faneho hevitra | |
| asa fanehoana hafaliana | Fanehoana fankasitrahana sy fandokafana ny mpianatra manolotra hevitra tsara, mahay manazava, mahay sy sahy mitsikera hevitr'olona… | |
| asa fanehoana tsy fankasitrahana | - Fanebahana ny mpianatra mamazivazy nefa tsy mahay rehefa anonta-niana.<br>- Fitezerana ny mpianatra mitabataba ao anatin'ny fanazavana | |
| asa Fampivain-ganana ny fampianarana | - Fampiasana solaitrabe : zaraina telo, ny iray asiana ny drafitry ny lesona, ny iray asiana ny hevitry ny mpianatra, ny iray anoratana ny ventin-kevitra amin'ny famakafakana.<br>- Fampifandraisana ny fanazavana amin'ny seha-piainana fahita andavanandro. | |

Fafana 36 : Fanadihadiana ny lesona araka ny asa fampianarana

Araka ny ahitana azy eo amin’ny fafana, dia tanteraka avokoa ny asa fampianarana rehetra noritsoritin’i DE LANDSHEERE. Izany dia manaporofo ny fanomezana vahana ny fandraisana anjaran’ny mpianatra, kanefa eo ambany fitantanana sy fanaraha-mason’ny mpampianatra no anatanterahany azy.

### 3.4.2. Famahavahana aompana amin’ny serasera

Raha ampifandraisina amn’ny tantarana an-tsehatra sy jerena amin’ny lafiny serasera, dia toy izao manaraka izao no endrika ahitana ny anjara asan’ny mpampianatra sy ny mpianatra.

| | **Mpampianatra** | **Mpianatra** |
|---|---|---|
| Fampifandraisana ny fampianarana amin’ny tantara an-tsehatra | Miseho sehatra matetika satria mitana ny anjara toeran’ny mpandray anjara fototra : mandrindra ny fandraisam-pitenenana eo aminy sy ny mpianatra | Mandray ny toeran’ny mpan-dray anjara fototra ihany koa : manangana ny lesona miaraka amin’ny mpampianatra |
| Fampifandraisana ny fampianarana amin’ny serasera | - Mpandefa hafatra miaraka amin’ny mpianatra : mitarika amin’ny fanadihadiana sy famakafakana ny lohahevitra<br>- Mety ho mpandray hafatra ihany koa indraindray : mety misy hevi-baovao izay mbola tsy fantany avy amin’ny mpianatra. | - Mpandefa hafatra miaraka amin’ny mpampianatra : manolotra sy manazava hevitra entina manangana ny lesona<br>- Mpandray ny hafatra : mandray sy mitadidy ny fahalalana rehetra miseho teo amin’ny famakafakana natao. |

Fafana 37 : Fanadihadiana ny lesona natao ara-tserasera

Raha mampianatra ny mpampianatra dia midika izay fa manao serasera amin'ny mpianatra izy. Araka izany dia niezahana hifanentana amin'ny mpandray azy ny hafatra nalefa. Nezahina toy izany koa ny hampahaliana ny mpianatra teo am-pandraisana ny hafatra mba hahatafita tsara azy. Hoy i NDIA BINTU Kayembe raha nilaza izany : « *Na inona na inona fomba fampianarana hampiharina, dia manao serasera amin'ny mpianatra ny mpampianatra. Manome fahalalana, fahaiza-manao, fananana toetra araka ny ilaina, ary koa fitaovana hiasana sy toromarika samihafa mba hahazoana manatratra ny tanjona* » [32].

Ny fandraisana anjara ny mpianatra dia antoka nahafahana nampijoro sy nitahiry ny rivo-pifaliana tao an-dakilasy nandritra ny lesona.

Izany rivo-pifaliana izany no fototra ifaharan'ny fahombiazan'ny fampianarana / fianarana atao, araka ny filazan'i NDIA BINTU Kayembe ihany : « *Ny atao amin'izany dia fampivelarana ny fidiran'ny mpianatra an-tsehatra, ka tsy hisian'ny tahotra ao amin'izy ireo amin'ny fandraisana anjara, manao fanontaniana, milaza ny heviny, milaza izay hainy sy fantany* »[33].

### 3.4.3. Famahavahana aompana amin'ny tombana

Nampiharina ny tombana fitiliana sy ny tombana famolavolana hampisy ny asa fampiorenam-paka sy ny asa fampivelarana. Nafana tokoa, ohatra, ny adihevitra teo amin'ny mpianatra tamin'ny lesona momba ny vintana, raha naroso ny fanontaniana hoe : « ny mpivady hatramin'ny fahafatesana, miara-bintana ve sa ny fifanajana sy ny fifandeferana no betsaka tao amin'izy ireo ? ». Natao ihany koa izany handerfesana ny fahatrarana ny tanjona. « Raha vao miteny hoe tombana, ny atao amin'izany dia fanamarinana na tratra na tsia ny tanjona napetraka hotratrarina » [34]. Ny fisian'ny adihevitra mangotraka eo amin'ny mpianatra mandritra ny tombana fitiliana aorian'ny famakafakana dia ahafahana milaza fa misy ny fahalianana sy ny fandraisana anjaran'ny

---

[32] NDIA BINTY Kayembe, ***Conduire une leçon***, op.cit. p.17 : « *Quelle que soit la méthode utilisée au cours d'une leçon, l'enseignant communique avec les élèves. Il leur présente des informations, des habilités, des attitudes, bref des objets d'apprentissage, ainsi que les outils à utikiser et les directives à suivre pour se les approprier, pour atteindre les objecitfs d'apprentissage* ».

[33] NDIA BINTY Kayembe, ***Conduire une leçon***, op.cit. p.28 : « *Il s'agit de développer une attitude positive à l'égard des interventions de vos élèves, de créer une atmosphère où ils n'ont pas peur d'intervenir, de questionner, de dire ce qu' ils pensent, ce qu'ils savent ou croient savoir* ».

[34] NDIA BINTY Kayembe, ***Evaluer les apprentissages de mes élèves***, op cit, p.17 : « *Quand on parle de l'évaluation des apprentissages, il s'agit surtout de vérifier si les élèves ont atteint les objectifs d'apprentissage poursuivis, ceux qui ont été fixés par le programme* ».

mpianatra. Ny firohotan'ny mpianatra maneho ny heviny sy mamaly ny fanontaniana amim-pahombiazana dia maneho fa tratra ny tanjona napetraka hotratrarina. Ohatra, tamin'ny lesona momba ny FANAHY izay nanaovana ny fanontaniana fanombanana hoe : « amin'ireo ambaratonga telo nanasokajian'ny ntaolo ny fananam-panahy heverina fa tsara ka tokony hananana, fananam-panahy inona no manentana ny fanaovana ireto zavatra manaraka ireto :

- Ny fanampiana ny kamboty sy ny mahantra mila izany,
- Ny fitsaboana ny aretina mahazo ny tena,
- Ny fanaovana fitafiana maotina ».

### 3.4.4. Famahavahana aompana amin'ny vontoatin-desona

Nahaliana ny mpianatra tokoa ary tena nanentana ny fandraisany anjara nandritra ny lesona ny famotorana ny famakafakana tamin'ny tontolo hita sy ny trangan-javatra iainany eo anivon'ny fiarahamonina.

Nojerena ihany koa ny fampivoarana ireo rehetra ireo teo amin'ny fiainan'ny isam-batan'olana, teo amin'ny fiainan'ny fiarahamonina, teo amin'ny fiainan'ny firenena manontolo.


Ny faharisihan'ny mpianatra nandray anjara nandritra ny lesona dia porofo maneho ny fahalianany. Toy izao manaraka izao ny antontan'isa sy ny kisary maneho ny fandraisana anjaran'ny mpianatra.

| Seho | Lesona : ny fanahy | Lesona : ny vintana |
|---|---|---|
| Seho I | L : 31,10%<br>V : 44,43%<br>T : 75,53% | L : 30,89%<br>V : 39,99%<br>T : 70,88% |
| Seho II | L : 33,54%<br>V : 59,98%<br>T : 93,32% | L : 32,13%<br>V : 57,12%<br>T : 89,02% |


Fafana 38 : Ny tahan'ny fandraisana anjaran'ny mpianatra tamin'ny lesona momba ny FANAHY sy ny VINTANA.

- Ny seho I dia nampiharana ny paikam-pampianarana manangon-kevitra amin'ny mpianatra tsirairay
- Ny seho II kosa dia nampiharana ny paikam-pampianarana manangon-kevitra amin'ny tarika.
- Ambony kokoa ny tahan'ny fandraisana anjara amin'ny fanaovana asa an-tarika.
- Ny tahan'ny fandraisana anjara mihoatra ny 70% dia porofo tsy ahafaha-mandà fa liana ny mpianatra ka mavitrika amin'ny fandraisana anjara.


Raha aseho an-kisary izao fahalianana sy faharisihana amin'ny fandraisana anjara izao dia toy izao no ahitana azy.





<u>Kisary 4</u> : Ny tahan'ny fandraisana anjara tamin'ny lesona « Ny fanahy » Seho I




<u>Kisary 5</u> : Ny tahan'ny fandraisana anjara tamin'ny lesona « Ny vintana » Seho I




<u>Kisary 6</u> : Ny tahan'ny fandraisana anjara tamin'ny lesona « Ny fanahy » Seho II




<u>Kisary 7</u> : Ny tahan'ny fandraisana anjara tamin'ny lesona « Ny vintana » Seho II

Vao mainka mampivaingana sy mampiharihary ny fahalianana sy ny fandraisana anjaran'ny mpianatra nandritra ny lesona ny fanehoana an-tsary ny tahan'ny fandraisany anjara.

## FAMARANANA ANKAPOBENY

Lafin-javatra vitsivitsy no homarihina amin'ny fomba fampianarana riba afototra amin'ny fahalianana sy ny fandraisana anjaran'ny mpianatra. Anisan'izany ny lafiny mahatsara azy, ny lafin-javatra mila fitandremana amin'ny fanatanterahana azy.

- Mahaliana ny mpianatra ny famakafakana lohahevitra iray aompana amin'ny zava-misy fantany sy iainany andavanandro, ka idirana amin'ny antsipiriany ny fanatanterahana izany fa tsy safosafoina ivelambelany fotsiny. Mitarika ny mpampianatra hanao ezaka mba « hampianatra ny mpianatra ho tonga mpilalao/miaina io fampianarana natolotra azy io, atao izay hidiran'io fampianarana io amin'ny fiainana andavanandro » [35].

Miredareda ny fahavitrihan'ny mpianatra, hany ka maro no mandray anjara an-tsitra-po amin'ny fanolorana sy fanazavana hevitra. Teraka ny hetaheta te hahalala ka maro ireo mpianatra no manao fanontaniana. Noho ny mpianatra avy amin'ny toerana, faraitra, fianakaviana samy hafa dia afaka mifanampy sy mifameno tsara ny hevitra sy ny fanazavana aroson'izy ireo mba hisian'ny fahafaham-pon'ny tsirairay avy.

Zava-dehibe araka izany ny fandraisana anjaran'ny mpianatra tsirairay. Koa satria tsy zava-nisy taloha elabe tsy hita sy tsy niainany no iaingana amin'ny lesona sy amotorana ny famakafakana fa ny zavatra fantany sy hitany, dia tsy mampanano sarotra azy ny maneho lafy tsara sy ny lafy ratsin'ny singan-driba ianarana. Ny fitsikeran'ny namana, na ny mpampianatra ny hevitra sy ny fanazavana atao, dia mitarika ny mpianatra handinika sy hamakafaka ary handanjalanja tsara ny zavatra arosony.

Tsapa fa teraka ho azy ao amin'ny mpianatra ny toe-tsaina mifaninana amin'ny namany. Voaentan'ny hambom-pony ny tsirairay haneho ny heviny amin'ny fanoratana izany eny amin'ny solaitrabe. Voaentan'ny fieritreretany ihany koa izy haneho hevitra marina, tsy ho latsa-danja amin'ny hafa. Tsapa ho samy miezaka ny tsirairay hanazava ny hevitra narosony, ary miaro izany eo anatrehan'ny fitsikeranan'ny sasany azy.

Na dia eo aza ny fanajana ny fotoana amin'ny dingana samihafa, dia misongadina ny fahafahan'ny mpianatra mandray anjara izay heverina fa fototra ivelaran'ny fahombiazan'ny fampianarana araka ny fiheveran'ny mpandinika fomba fampianarana maro hatramin'ny andron'i Jean Jacques ROUSSEAU izay niaina tamin'ny taon-jato faha-XVIII. Manamafy izany i NDIA BINTY Kayembe : « *Ny antony tena ampandraisana*

---

[35] M. SYLVIE et VAN TUREN HOUDT, ***Gérer une pédagogie différenciée***, De Boeck – Weswal 8 a, Rue des Marines, 1989, p.52 : « *il faut apprendre aux élèves à devenir acteurs de leur formation, insérer l'apprentissage d'un cours dans la vie quotidienne* ».

*anjara ny mpianatra mandritra ny lesona, dia satria izany no fitaovana fototry ny fampianarana* »[36].

Mihoatra ny 70% ny fandraisana anjaran'ny mpianatra. Marisika ny mpianatra amin'ny fiaraha-mandrafitra ny lesona. Ilainy ireny ka misongadina ny firaiketan'ny zavatra natao ao an-tsain'izy ireo. Voaporofo izany teo amin'ny nanatontosana ny tombana famolavolana sy ny tombana fitiliana.

- Tsapa tamin'ny fampiharana ity fomba fampianarana ity koa ireo lafin-javatra rehetra hita fa mahatsara ilay fomba teo aloha. Ny mampiavaka azy dia ny fahafahana manome vahana ny fandraisana anjaran'ny mpianatra rehetra. Na izany aza, dia eo ihany ny faneren'ny fotoana. Voafetra ho 15 minitra ka hatramin'ny 20 minitra eo ho eo ny fotoana anangonan'ny tarika ny hevitra mandritra ny fifanakalozan-kevitra ifanaovany. Noho izany, tsy azo antoka tanteraka ny fahafahan'ny mpianatra rehetra mandray anjara. Dia toy izany hatrany amin'ny dingan'ny famakafakana sy ny tombana. Manaporofo izany ny tahan'ny fandraisana anjara izay manodidina ny 89% na tao amin'ny L.A., na tao amin'ny L.F.B.A.

Vao mainka hita taratra ny fifaninanana eo amin'ny mpianatra. Zava-dehibe ny fisian'izany, araka izao tenin'i F. Macaire sy P. Raymond izao : « *Mampirisika ny mpianatra ny fifaninanana, manamora ny asa atao, mampifantoka, mampiezaka, manazatra ny mpianatra hanao asa tsara mihoatra noho ny hafa* »[37].

- Zavatra tsy maintsy tandremana voalohany dia ny fifotorana amin'ny fampifandraisana tanjona sy ny vontoatin-desona ary ny tombana. Mandritra ny fanazavana ny hevitra voangona sy ny famenoan-kevitra dia mitodika mandrakariva amin'ny tanjona ny mpampianatra :
    - Fadina ny mandiso ny hevitra marina aroson'ny mpianatra ; fadina toy izany koa ny manamarina ny hevitra diso ambarany.
    - Tena ilaina ny fahafehezana ny mpianatra : mila hentitra tsara ny mpampianatra mba hisian'ny fifanajana eo amin'ny andaniny sy ny ankilany ary eo amin'ny mpianatra samy mpianatra, indrindra amin'ny fanatanterahana asa an-tarika.

---

[36] NDIA BINTY Kayembe, ***Conduire une leçon***, op.cit., p.25 : *« Mais la raison la plus importante pour impliquer vos élèves dans les activités d'enseignement / apprentissage est que l'implication est le principale outil d'apprentissage* ».

[37] F.MACAIRE et P.RAYMOND, ***Notre beau métier***, manuel pédagogique, édition Saint Paul, Issy Les Moulineaux, France : « *L'émulation encourage, facilite la tâche, rend attentif, pousse à l'effort, habitue l'enfant à compter sur son travail personnel, tout en tenant compet de celui des autres* ».

Raha fintinina ny voalaza rehetra tato anatin'ity fizarana lehibe fahatelo ity, dia toy izao no azo amehezana azy.

Ny fomba fampianarana nampiharina dia samy voaporofo fa manentana ny fahavitrihan'ny mpianatra, ka mamohafoha ny fisainany sy mampifantoka azy amin'ny zavatra ataony. Miezaka manolotra hevitra ny mpianatra, miezaka manazava sy manohana izany.

Tsy misalasala ny mpianatra manao fanontaniana amin'ny zavatra tsy mazava aminy tsara. Izany rehetra izany dia maneho fa velona sy miaina tsara ny kilasy mandritra ny lesona. voaentana ny fientanam-pon'ny mpianatra. Misy ny fifaninanana mirindra ifanaovan'ny mpianatra. Amim-pifaliana hatrany no anatanterahany ny asa ampanaovina azy. Izany rehetra izany dia maneho fa nitondra fahalianana ho an'ny mpianatra ireo fomba fampianarana ireo ary manentana azy handray anjara.

Eto am-pamaranana dia tianay ny misintona ny saina hiverina hatrany am-piandohan'ity asa fikarohana ity. « *Fampianarana riba : ny fahalianana sy ny fampandraisana anjara ny mpianatra ao amin'ny kilasy famaranana* » no sehatra nivelaran'ny asa. Ny zava-kendrena tamin'ity asa ity dia fanolorana paikam-pampianarana heverinay fa mahomby, ka idirana lalindalina kokoa ny famakafakana ny fomba amam-panao sy fomba amam-piheverana. Izany no ahafahana mitondra ny mpianatra amin'ny fahaizana mandanjalanja tsara izay tokony hatao manoloana azy ireny. Nokendrena tamin'izy ity koa ny hisian'ny fahalianana eo amin'ny mpianatra sy ny fampandraisana anjara azy. Izany no atao dia mba hampivelarana ny fahaizan'ny mpianatra manazava hevitra sy mitsikera.

Nampiasana tamin'ity asa fikarohana ity àry ny fomba fijery mifototra amin'ny fampitahana : paikam-pampianarana roa no nentina nampandray anjara ny mpianatra, ka nirosoana ny fampitahana azy ireo. Nampiasana ihany koa ny fomba fijery miainga amin'ny ankapoben-javatra mankany ami'ny antsipiriany : nialohavana fanehoana ireo lamin-kevitra samihafa ny fanolorana fomba fampianarana mahaliana. Ary farany dia ny fomba fijery ara-psikôpedagôgia noho ny asa mifototra betsaka amin'ny fampitam-pahalalana.

Ny trangan-javatra hita eo amin'ny fiainana andavanandro, dia natao hampivelarana ny asa fampianarana fito nosoritsoritan'i DE LANDSHEERE, ka tsapa ny fiezahan'ny mpianatra sy ny faharisihany manazava ny heviny ary tonga hatramin'ny

fanazavana ny hevitry ny namany. Misongadina ny fiezahany manohana ny hevitra narosony sy mitsikera ny hevitra sasany aroson'ny hafa.

Mazoto amin'ny fanaovana fanontaniana ny mpianatra na ho an'ny mpianatra tompon-kevitra na ho an'ny mpampianatra. Teraka tao amin'ny mpianatra ny toe-tsaina tia manadihady sy mandanjalanja, ka teraka ho azy ny ady hevitra ao amin'ny sampy mpianatra mandritra ny fanazavana.

Tsy ambara ho tonga lafatra akory ity asa fikarohana ity. Na izany aza, dia heverinay fa hanampy ny mpampianatra izy ity, satria azo ampiharina tsara amin'ny kilasy rehetra ao amin'ny « Lycée ».

# RESUME

Ce travail, intitulé « Fampianarana riba : ny fahalianana sy ny fandraisana anjaran'ny mpianatra ao amin'ny kilasy famaranana », entre dans le cadre des recherches sur la didactique du Malgache, plus précisément, celle de la civilisation malgache. Il s'agit en fait d'une contribution à l'amélioration de l'enseignement de cette sous-discipline en classe de Terminale. Partant d'une analyse des faits recueillis dans deux établissements du secondaire, le Lycée d'Ambohimahasoa et le Lycée FJKM Benjamin Escande d'Ambositra, nous avons essayé de déterminer les lacunes observées lors des cours de civilisation dispensés par deux professeurs de malgache de ces deux lycées : les élèves ne s'intéressent pas au cours si bien que leur éducation, en tant que citoyen malgache, fait défaut.

Pour y pallier, nous avons proposé une méthode d'enseignement plus attrayant, donc plus efficace. D'abord, il faut donner aux thèmes étudiés un aspect plus concret, plus proche de la réalité locale. Ensuite, il faut inciter les élèves à participer davantage à l'édification des connaissances qu'ils vont acquérir, en suscitant leur curiosité. Enfin, il faut les aider à s'exprimer, c'est-à-dire, leur donner la capacité d'exposer leurs idées, de discuter sur un aspect précis des thèmes proposés au programme.

Nous tenons à mentionner que nous avons expérimenté la dite méthode et les résultats obtenus, quant à la participation des élèves au cours, sont satisfaisants.

# TONDRO BOKY


ANDRIAMANJATO ( R), ***Le tsiny et le tody***.

BESSE (J.M) « ***vers une pédagogie par objectif*** » in ***Bulletin Sté A.Binet et Th Simon*** n°556-III.1997

HOULDER (J.A.), ***Ohabolana / Proverbes malgaches***. Trano Printy Loterana Tananarive.1957. 215p.

JAKOBSON (R ), ***Essais de linguistique générale***, Paris, 1963.

LALA RAKOTOSON (R.J.A.), ***Lovako T.12***, Editions Ambozontany, Analamahitsy. Antananarivo. 2003

MACAIRE (F.) α RAYMOND (P.), ***Notre beau métier : manuel de pédagogie générale, pédagogie appliquée, discipline scolaire, Psychologie éducative***. Edition Saint Paul.

NDIA-BINTU (K.) :

- ***Développer la créativité chez mes élèves***. Editions Hurtubise HMH/tée. Montréal. 1980. 67p.
- ***Apprendre et Enseigner en Education de base***. Editions Hurtubise HMH/tée. Montréal. 1982. 76p.
- ***Conduire une leçon***. Editions Hurtubise HMH/tée. Montréal. 1980. 82p.
- ***Définir les objectifs d'apprentissage***. Editions Hurtubise HMH/tée. Montréal. 1983. 80p.
- ***Evaluer les apprentissages de mes élèves***. Editions Hurtubise HMH/tée. Montréal. 1984. 82p.

RABEMOLALY (F.) α RAVALITERA (N.J) α RAVELOMANANA, ***Fary Mamy Kilasy Famaranana***. Edisiona Salohy. 1974. 270 tak.

RAHAJARIZAFY (A.), ***Filozofia Malagasy***. Editions Ambozotany. Fianarantsoa.

RAKOTOMAHAFALY (N.E.) α RANDRIAMANANA (M.O), ***Singan-kevitra ny mpandinika***

RAKOTOMAHAFALY (N.E.), ***Tovozin-tsy ritra boky 3***. Edition Tsipika. Antananarivo. 1991

RATELOLAHY, fomba fampianarana ny teny malagasy miainga amin'ny angano ao amin'ny taona faharoa ambin'ny folo, 1992, 300p.

RATREMA (W.), ***Riba sy Lohahevitra***. T.P.F.J.K.M. Imarivolanitra. 1985. 149p.

RAZAFINDRANOVONA (R.) et Al.. ***Pédagogie de groupes à Madagascar***. Imprimerie SIMAPESS Behoririka. Antananarivo.2004. 53p.

REBOUL (O.), ***Qu'est-ce qu'apprendre***, P.U.F, France, 1980, 206p.

SYLVIE & VAN TUREN HOUDT, ***Gérer une pédagogie différenciée***. De Boeck-Weswal 8a, rue des Marines, 1989, 1974.

TARDIF (J), ***Pour un enseignement stratégique***, Imprimerie gagueltec, Canada, 1994, 443p.

- **Rakibolana sy tahirin-kevitra hafa**

ANDRIANAIVO (M.E.) & Al, ***Deux mondes en présence***, Imprimerie F.J.K.M Imarivolanitra. Antananarivo.112P

Banque mondiale, ***Note technique n°14*** . 1994. 50p.

***Dictionnaire encyclopédique***, Larousse Bordas. 1990.

CAVAFY, CORTAZAR, ***Encyclopédia Universalis***, Paris, France.

RAJEMISA RAOLISON (R), ***Rakibolana Malagasy***, Ambozontany, 1985.

# TOVANA

# TOVANA 1

## Lesona nataon'ny mpampianatra tao amin'ny L.A

- ***Lesona momba ny FANAHY*** : ireo singa fototra mandrafitra ny maha-olona ka misy ifamatorany amin'ny fanahy.
- ***Fanazavana tamin'ny alalan'ny famelabelarana no ataon'ny mpampianatra*** :

| | |
|---|---|
| FO<br>Manana faniriana hetaheta<br><br>VATANA<br>Manana filana sakafo, rano… | Manetsika, maniraka ny SAINA hikaroka, hampitony ireo filana |

→ Avy eo no miasa ny FANAHY : mandanjalanja, misivana ny hevitra vokarin'ny saina : mety, tsy mety, rariny, tsy rariny…

→ Mipoitra ny ERITRERITRA : mamoaka didy : ity araho, ity aza arahina.

- Manao izay ataony amin'izay ny OLONA, ary aorian'izany dia mipoitra indray ny ERITRERITRA : mitsara (jugement) → manameloka raha tsy mety / tsy rariny ny natao ; midera raha mety ny natao.
- Mandry ny eritreritra raha manao ny mety → milamina ny saina.
- Mikorontana ny saina raha nanao ny tsy mety

Ohatra : Vatana : noana
Saina : halatra / hataka
Fanahy : tsy mety / mety
Eritreritra : - aza mangalatra fa mangataka
- mangalara avy hatrany

- ***Fandraisan'ny mpianatra an-tsoratra*** *:* mandritra ny famelabelarana nataon'ny mpampianatra, dia mandray an-tsoratra izay tiany horaisina ny mpianatra.

Rehefa vita ny fanazavana ireo rehetra ireo dia mampanao sora-tononina ny mpianatra ny mpampianatra ka toy izao ny vontoatin'ny fehiny natolotry ny mpampianatra :

Ekena fa araka ny fiheveran'ny Malagasy (Ntaolo) dia « Ny fanahy no olona ». Eo amin'ny vokany no ahitana ny olona manam-panahy na tsia : manana fomba lavorary handanjalanja ny hatao, manana fitaovana arifomba ieritreretana ny hatao, ary mamokatra zavatra misy dikany.

Io no tondroina hoe olon-kendry na manam-panahy.

Olon-kendry : ny hendry dia izay tsy mamela ny saina aman'eritreritra hidonanam-poana. Izany dia mifanohitra amin'ny very saina eo amin'izao tontolo izao izay tsy mieritreritra na inona na inona, mpanaradrian-drano ary manaiky be fahatany ny hevitra atolotra azy ; olona mpanararaotra izay manery ny hafa hiasa ho azy, nefa izy tsy mitondra ny anjara birikiny amin'ny asa iombonan'ny be sy ny maro.

**TOVANA 2**

## Lesona nataon'ny mpampianatra tao amin'ny L.F.B.A.

***lesona momba ny TODY***

- Famerenana

F : omeo ny famaritana ny tsiny.

Vn : entina milaza ny fanamelohan'ny mpiara-belona sy ny fahavoazana rehetra mihatra.

F : Ahoana ny endrika isehoan'ny tsiny ?

Vn : Miseho amin'ny endrika ratsy : fahavoazana, aretina, tsy fahombiazana

- Lesona vaovao

- Asaina mikaroka ohabolana na fomba fiteny momba ny TODY ny mpianatra ka soratany eny amin'ny solaitrabe izany. Ireto avy no natolotry ny mpianatra tamin'izany :

• « *Ny tody tsy misy fa ny atao no miverina* »

• « *Ny tody mbola ho ela ve no tsy hanaovan-dratsy* »

• « *Ny tody toy ny salaka : soa atao mihodidina, ratsy atao mihodidina* »

• « *Raha todim-paty aza manody fa ny todim-pitia manodiava* »

- Manolotra ohabolana manampy ireo mpampianatra :

• « *Mandrora mitsilany ka mahavoa tena* »

• « *Mpamosavy milevina amoron-dalana ka mahatantesa valin-kitsaka* »

• « *Ny soa atao levenam-bola, ny ratsy atao loza mihantona* »

• « *Ny mihomehy lavo aza misy todiny, mainka fa mitsambiki-mikimpy* ».

- Dinihina miaraka ny ohabolana ka tsoahna avy amin'izany ny famaritana ny tody

→ Ny tody dia avy amin'ny fototeny hoe *ody* , manome ny teny hoe : mody izay midika hoe « miverina ».

- Dinihina indray ny teny hoe « tody » dia tsoahana avy amin'izany koa ny mety ho famaritana azy : ny tody dia fiverenan'ny zavatra natao. Izany hoe izay zavatra vita teo amin'ny fiaraha-monina no miverina amin'ny tena na tsara na ratsy, ary tarafina

amin'ny hoe : « *Mandrora mitsilany ka mahavoa ny tena* » ; « *Ny tody tsy misy fa ny atao no miverina* ».

- Manao tombana kely :

F : Inona hoe no azo amaritana ny tody ?

Vn : Fiverenan'izay rehetra atao na soa na ratsy.

- Mamantatra ny toetry ny tody miainga amin'ireo ohabolana sy fomba fiteny ireo. Tantanin'ny mpampianatra ny mpianatra hahita izany.

• Tsy maintsy mivaly ny tody na ho ela na ho haingana ary amin'ny fotoana tsy fantatra. « *Ny tody tsy diso fa miandry fotoana* »

• Ny tody tsy mba azo ialana na sorohina. « Ny tsiny mbola azo sorohina, fa ny tody tsy misy fanefitra ».

• Ny zavatra atao rehetra dia misy todiny avokoa « *Mihomehy ny lavo aza misy todiny, mainka fa ny mitsambiki-mikimpy* ».

• Ny valin'ny tody dia mety ho tsara ary mety ho ratsy arakaraka ny zavatra notanterahina teo amin'ny fiarahamonina. « *Ny tody toy ny salaka, soa atao mihodidina, ratsy atao mihodidina* ».

- Mamantatra ny endrika isehoann'y tody miainga amin'ireo ohabolana sy fomba fiteny ireo. Tantanina hatrany ny mpianatra eo am-pamakafakana.

→ Endrika roa no isehoan'ny tody : tsara sy ratsy.

<u>Endrika tsara</u> : raha tsara ny natao dia miendrika valisoa ny tody, izany hoe fahombiazana, fahasoavana…

<u>Endrika ratsy</u> : raha ratsy kosa ny natao dia miendrika sazy ny tody, izany hoe fahavoazana, loza…

- Tombana :

F : Ahoana ny endrika isehoan'ny tody ?

Vn : Mety ho ratsy, nefa mety ho tsara koa.

F : Ahoana no toetoetry ny tosy

Vn : Tsy maintsy mivaly izay atao na ho ela na ho haingana.

Toy izao ny lesona noraisin'ny mpianatra

**NY TODY**

## A- Famaritana

1- Ara-bakiteny :

Ny tody dia avy amin'ny fototeny hoe : ody, manome ny teny hoe : mody izay midika hoe « miverina ».

2- Ara-kevitra :

Ny tody dia fiverenan'ny zavatra natao. Izany hoe izay zavatra vita teo amin'ny tena na tsara na ratsy, ary tarafina amin'ny hoe : « *Mandrora mitsilany ka mahavoa ny tena* » ; « *Ny tody tsy misy fa ny atao no miverina* ».

## B- Ny toetry ny tody

- Tsy maintsy mivaly ny tody na ho ela na ho haingana ary amin'ny fotoana tsy fantatra. «*Ny tody tsy diso fa miandry fotoana* ».
- Ny tody tsy mba azo ialana na sorohina. « *Ny tsiny mbola azo sorohina, fa ny tody tsy misy fanefitra* ».
- Ny zavatra atao rehetra dia misy todiny avokoa. « *Ny mihomehy ny lavo aza misy todiny, mainka fa ny mitsambiki-mikimpy* ».
- Ny valin'ny tody dia mety ho tsara ary mety ho ratsy arakaraka ny zavatra notanterahina teo amin'ny fiarahamonina. « *Ny tody toy ny salaka, soa atao mihodidina, ratsy atao mihodidina* ».

**D- Endrika isehoan'ny tody**

Endrika roa no isehoan'ny tody : tsara sy ratsy.

- Endrika tsara : raha tsara ny natao dia miendrika valisoa ny tody, izany hoe fahombiazana, fahasoavana…
- Endrika ratsy : raha ratsy kosa ny natao dia miendrika sazy ny tody, izany hoe fahavoazana, loza…

**E- Vokatry ny finoana ny tody** (Seho II)

Anarana : RANDRIAMANAMPISOA
Fanampiny : Samuel
Adiresy : Tanambao FKT Anapemby C.R. Ambositra II
Lohateny : FAMPIANARANA RIBA : NY FAHALIANANA SY NY FANDRAISANA ANJARAN'NY MPIANATRA AO AMIN'NY KILASY FAMARANANA

Isan'ny takila : **109** Isan'ny fafana : **38** Isan'ny kisary : **7**

Famintinana : Ity asa fikarohana ity dia nandalinana mikasika ny fampianarana riba izay mifototra amin'ny fanentanana ny fandraisana anjaran'ny mpianatra sy ny fahalianany. Navoitra tamin'izany ireo lamin-kevitra pedagôjika ifotoran'ny fanatanterahana fampianarana. Izany no nentina nijery sy nanadihady fampianarana tao amin'ny Lycée Ambohimahasoa sy tao amin'ny Lycée FJKM Benjamin Escande Ambositra. Nofaranana tamin'ny fanolorana soso-kevitra hanatsarana ny fampianarana riba ity asa ity, ka nasongadina tamin'izany ny fanolorana fitaovana sy paikam-pampianarana ary vontoatin-desona mahaliana.
Teny manan-danja : riba, fandraisana anjara, mahaliana, haifampianarana, fampianarana

Mpampianatra mpitarika :
RAHARIJAONA Alphonse
Maître de Conférences